

The
Sampana
Sy
Voaloboka

A TRANSCRIPTION OF SERMON TAPES BY:

FRANK B. PHILLIPS

THE SAMPANA SY VOALOBOKA SERIES

MPANDIKA-TENY.

RASOANAIVO VICTOR - RASAMOELY EMILIENCE

Copyrighted 2003

Tsy azo adika na alain-tahaka na aiza na aiza
Nadikan' i Rasamoely Emilienne sy Victor Rasoanaivo
Andrianomenjanahary Avy amin' ilay boky amin' ny
teny anglisy hoe "His robe or Mine", Nosoratan' i Frank
Phillips Nahazoana alalana avy tamin' ny
"Justified Walk Ministries"

P.O. Box 233, Berrien Springs, MI 49103
(269) 471-9224

tamin' ny Aogositra 23, 2005

Tsy natao hamidy ity boky it. Voaloha teo amin' ny Hazo fjaliana ny vidiny! Satria efa kasa dia lasa ny fotoana ary maika dia maika ny hafatra raketiny, dia miezaka izahay hizara ity boky ity betsaka ary haingana araka izay azo atao. Raha nandraisanao fitahiana ianao izay novakiana, dia mivavaka izahay mba hizaranao ny boky amin' olon-kafa, ary fifaliana ho anay ny hanome anao boky fanampiny. Raisinay amim-pifaliana ny fanomezana hoenti-manohana izao ezaka izao raha natambesatry ny Tompo teo amin' ny fonao ny hanome izany fiaraha-miasa izany.

"Nandray maimaimpoana ianareo; koa manomeza maimaimpoana." "Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray"

FIZAHAN-TAKELAKA

Toko 1.....	4
Toko 2.....	20
Toko 3.....	37
Toko 4.....	54
Toko 5.....	71
Toko 6.....	88

1 .

Voasarika hiverina ho amin'ny hafatr'i Kristy ho an'ny mpianany aho tamin'ny Alakamisy alina. Ao amin'ny Jaona toko faha-14, 15, 16, 17, no ahitanareo fitaovana ampy historian-teny manomboka izao ka mandra-pahatonga antsika any an-danitra. Ary tsy hita lany izany. Ary amin'ny fomba manokana indrindra, avy amin'ireo toko ireo. Raha tena tsy manana afa-tsy adiny roa na telo ianao hanomezana ny hafatra tianao homena, dia ho inona ary izany hafatra izany? Ny tena tiako holazaina dia izao: handany andro amin'ny “pintson-pintsony” tsy misy antony ve ianao? Mazava fa tsy ho izany. Ho zava-dehibe iankinan'ny aina ny teny tsirairay, ny hevitra tsirairay. Koa rehefa niverina teto aho, dia voasarika manokana ny saiko ho amin'ny toko faha-15, andininy 1-8. Niezaka ny Tompo Jesosy hanome anao sy ahy, azo lazaina amin'ny teny tokana fa tsy fanoharana, na tantara, fa sary enti-manazava, ireo fahamarinana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona. Ao amin'ireo andininy valo ireo ny fahamarinana lehibe indrindra nomen' Andriamanitra ny taranak'olombelona. Misy sary enti-manazava izany ka tena tsy azo heverina mihitsy ny ho diso fandray azy. Fa, na hodianao tsy fantatra tanteraka izany, na hinoanao. Ny tiako holazaina dia tsy mety hisy lâlana roa momba izany. Tsy mety ho diso fandray amin'izany ianao.

Azonao hodian-tsy fantatra izany, azonao atao koa ny hitsimpona andininy hafa ao amin'ny Soratra Masina eny ampandehanana eny, dia mety ho tonga amin'ny fehin-kevitra hafa ianao. Nefa kosa tsy afaka ny inian-tsy ahafantatra tsotra izao io sary enti-manazava io ianao. Na dia izany aza, dia indro isika fa mampihataka azy, mametraka azy an-jorony ary mitsimpona andininy hafa ao amin'ny Soratra Masina izay mampivaingana, na kasaina hampivaingana

ireo hevitra mibahana ao an-tsaintsika ao.

Hoy Jesosy: “Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra. Ny sampana rehetra eto amiko izay tsy mamoha dia esoriny; fa ny sampany rehetra izay mamoa kosa dia amboariny, mba hamoa bebe kokoa. Efa madio rahateo ianareo noho ny teniko, izay nolazaiko taminareo.

“Tomoera amiko ianareo ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampana tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin’ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay miray amiko ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka Amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona (raha misaraka amiko: na tapaka tsy eo Amiko). Raha misy tsy miray Amiko dia hariana eny ivelany tahaka ny sampany izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may. Raha miray Amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko; dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. Izany no ankalazana ny Raiko mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo.” Jaona 15:1-8.

Misy zavatra betsaka mahaliana, ary tena mahaliana eto, azontsika trandrahana fotoana maharitra. Misy fahamarinana misongadina entin’ireto toko sy andininy ireto eo amin’ny mazava: ao ny voaloboka, ao ny mpamboatra, ao ireo sampana, ao ny vokatra, ao ny hoe ”mitoetra”, ary ao ny maha-mpianatra.

Mazava sy araka ny ilàna azy hatrany ireo sary enti-manazava ataon’ i Jesosy. Somary sarotra raisina ny fanoharana indraindray. Somary sarotra raisina ny fanoharana nataon’ i Jesosy momba ilay mpanankarena sy Lazarosy. Betsaka ny fanoharana, izay ahitantsika olana, no mitondra ny tena hafatra tian’Andriamanitra ampitondraina. Mazava tsy misy holakolaka sy tsotra anefa ireo sary enti-manazava ampiasain’ i Jesosy ireo.

Diniho, hoy Izy, ny fanirin’ny lilia eny an-tsaha. Tsy mba miasa na mamoly ireny. Aiza no hahitana teny tsotra noho

izany? Tsy afaka ho diso fandrany izany ianao, tsy izany ve? Tsy mety misy izany. Nefa indraindray, dia manjary tena sarotra raisina ny fahamarinana lazaina amin'ny fiteny mazava toy izany rehefa miditra amin'ny fampiharana azy amin'ny fiainana andavanandro.

Eto no nampirohitra antsika ho eo amin'ny olana ary raha manjary sarotra ny fampiharana, dia miverin-dàlana isika ka manao hoe: angamba tsy izay lazainao izay marina no dikany. Miverin-dàlana isika ary miezaka manamarina ny ataontsika ka ny fahamarinana mihitsy no ezahantsika tapohan-drano.

Inona no tena votoatin'ireo andininy 8 voalohany ao amin'ny toko faha-15? Ny “mitoetra” ao amin' i Kristy ve? Ny hafatra momba ny “mitoetra” ao amin' i Kristy ve? Ahoana izany “mitoetra” ao amin' i Kristy izany? Fomba ahoana no ahazoako “mitoetra” ao amin' i Kristy? Manjary tena mipetraka ny fanontaniana satria aloha tena tsy nofantarintsika ny fomba mahatanteraka an'izany “mitoetra” izany hatrany amin'ny voalohany indrindra, noho izany tsy fantatsika ny fomba mety hitohizany.

“Fa izay mampitoetra anay mbaminareo ao amin' i Kristy sady nanosotra antsika dia Andriamanitra .” 2 Kor. 1:21. Inona indray izany? Sy nanosotra antsika, iza no nanosotra? Andriamanitra. Andriamanitra no manao izany. Andriamanitra no mametraka antsika ao amin'i Kristy ary tsy mametraka antsika fotsiny ao amin' i Kristy Izy, fa mbola misy tohiny. Mariho izao: “Izay nanisy tombo-kase antsika koa ka nanome ny Fanahy ho santatra ao am-pontsika.” 2 Kor 1:22. Napetrany tao amin' i Kristy isika dia tonga eo amin'izay anosorany antsika ao amin' Andriamanitra, ao amin' i Kristy Izy, ary rehefa izany dia ambarany amintsika fa tsy isika no manao izany fa ny Fanahy Masina.

Ny Fanahy Masina no manao izany, izay mametraka antsika ao amin'i Kristy, mitahiry antsika ao amin'i Kristy ary manombo-kase antsika avy eo. Rehefa misy zavatra asiana tombo-kase, dia atao izany satria misy resaka fotoana

manana ny lanjany ao. Tsy marina ve izany? Rehefa tombohona hihidy ny tavoara misy voankazo, dia misy resaka fotoana ny anton' izany. Raha tsy tombohona ilay izy, dia haninona? Ho simba. Raha mandray na manana taratasy ara-panjakana misy toambo-kase ianao, dia misy resaka fotoana tafiditra ao. Fantatrao tsara ny momba izany amin'izao fotoana izao, nefa tianao hisy olon-kafa koa ahafantatra fa zava-misy izany amin'ny ho avy. Ary izay no antony. Misy resaka fotoana tafiditra foana ao. Izany ve no nanosorana antsika, mariho ny lazaina hoe: Izay mampitoetra anay... izany no fampitoerana.

Asa mitohy io fanamboarana io. Noho izany tsy hoe “rehefa izany”, fa “raha mbola”. Raha mbola eo am-panaovana izany. Ary izao no fizotran'ny: tsy mamoa ny sampana izay hitanao ao aorian'ny fanamboarana azy, fa maninona izy? Mamoa bebe kokoa izy rehefa amboarina. Tsy izany ve? Arakaraka ny hanamboarana azy, no hamoazany bebe kokoa mandra-pahamoazany be amin'ny farany. Hitanareo fa ny nanombohan'i Jaona dia ny nilazany fa ny maha-sampana ny sampana dia ny hanao inona? Hamoa. Mahatonga azy hamoa bebe kokoa ny fanamboarana azy, ny fanamboarana bebe kokoa mahatonga azy hamoa be. Miainga amin'ny “mamoana” izany ianao, dia manjary “mamoana bebe kokoa” ary mankeo amin'ny “mamoana be” ary hoy Jesosy: ny planany ho anao sy ho ahy dia ny “hamoana” manao ahoana? “Hamoana be”. Hisy fanamboarana be izay hatao eny am-pandehana eny.

Tena zava-misy marina izany satria mazava aminao fa rehefa hitan'ny mpanao zaridaina, ny mpamboatra ny sampana, fa mila fanamboarana kely izany, etsy sy eroa, dia miroso izy ka manamboatra na tiantsika na tsy tiantsika. Misy andininy hafa ao amin'ny Soratra Masina mitondra izany amin'ny dingana manaraka. “ Fa izay mampitoetra anay mbaminareo ao amin' i Kristy sady nanosotra antsika dia Andriamanitra. Izay nanisy toambo-kase antsika koa ka nanome ny Fanahy ho santatra ao am-pontsika.”

“Ary ny aminareo, dia ilay hosotra noraisinareo taminy no mitoetra aminareo dia ilay hosotra noraisinareo taminy no mitoetra ao anatinareo ka tsy mila hampianarin’olona ianareo; fa satria ny hosotra avy aminy no mampianatra anareo ny zavatra rehetra, sady marina fa tsy lainga izany, dia tomoera ao aminy ianareo araka ny nampianariny anareo” 1 Jaona 2: 27. Toa mahaliana izany, tsy izany ve? Hoy i Jaona: Avy amin’ Andriamanitra izany. Tsy mila olona hampianatra anareo. Tsy zavatra mahaliana ve izany? Nahoana? Noho ny Fanahy Masina: ilay olona izay mitoetra ao amin’ i Kristy amin’ny fo mahitsy sy tsy miova dia mandray hatrany ny toro-marika avy amin’iza? Avy amin’ny Fanahy Masina. Mandray hatrany izy, ary tsy hoe mandray ny toro-marika avy amin’ny olona tonga hampianatra, fa mandray toro-marika avy amin’ny Fanahy Masina. Mariho izao: “fa satria ny hosotra avy aminy no mampianatra anareo ny zavatra rehetra, sady marina fa tsy lainga izany, dia tomoera aiza? Ao Aminy”.

“Ary ankehitriny, anaka, tomoera ao Aminy; mba hananantsika fahasahiana, raha hiseho Izy ka tsy ho menatra eo anatrehany amin’ny fihaviany.” 1 Jaona 2:28. Tomoera amiko. Fahamarinana manetriketrika no raketin’io resaka “mitoetra’ io. Mitoetra ao amin’ Andriamanitra. Mampaninona antsika ny mitoetra? Inona no tena antony hanirin’ Andriamanitra ny hitoerantsika ao amin’ i Kristy? Nahoana no homena antsika manontolo ny momba izany resaka izany.

“Izay milaza fa mitoetra ao Aminy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa”. 1 Jaona 2:6. Mahatonga ny olona haninona izany ny “mitoetra”? Handeha tahaka izay nandehanany koa. “Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay miray Amiko ary Izaho ao aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka Amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona”. Jaona 15:5. Jesosy no miteny eto ary ny tenin’ i Kristy no ampiasain’ i Jaona.

Efa noresahintsika ilay hoe zavatra tokana anton’ny sampana ary zavatra tokana ihany. Ary inona izany? Ny

“hamoa”. Io no faritra eo amin’ny voaloboka izay mamoa. Tena madio mangarahara toy ny vato kristaly ny sary entimanazava, na dia izany aza dia mila fanorenana lalindalina kokoa isika momba izay efa vita alohan’ny idirantsika lalina araka izay tiansika amin’ny fahatsoran’ny sary entimanazava.

Inona no ataon’io “mitoetra” io amin’ny famoazana? “Mamoa”. “Izay rehetra ao Aminy dia tsy manota; izay rehetra manota dia tsy mahita na mahalala Azy.” 1 Jaona 3:6. Izay rehetra mitoetra ao Aminy dia tsy manota. Tsy takatrao ary tsy takatro izany? Lazao ahy nahoana no maha-zava-misy an’izany ary ahoana no maha-zava-misy an’izany? Ny finoana an’izany ve? Lazao ahy izao: inona no azon’ny sampana izay mitoetra ao amin’ny voaloboka atao? Tsy misy. Ny hany ataony dia ny mitoetra. Ary izay ihany no ataony. Mandray ny heriny izy, nefa moa ve izy manao hoe: “Izao an, mila ranon-kazo 20 litatra aho androany”? “Iray litatra ihany no ilaiko androany” Manao izany ve izy? Inona no ataony? Tsy misy. Mandray izay omen’ny voaloboka izy.

Misy zavatra tena lehibe tokony ho azontsika raketin’ny hoe”mitoetra”. Araka ny hevitrao, inona no hevitra voarakitra ao amin’ny hoe “mitoetra” rehefa ampiasaina ao amin’ny Soratra Masina izany? Rehefa ampiasainao ho baiko ny teny hoe “mitoera”, inona no voarakitra ao amin’izany? Tsy hisy antony hanomezana ny toro-hevitra hitoetra raha tsy hoe ny mifanohitra amin’izay no zavatra ironan’ny maha-olona. Tsy marina ve izany? Ny ironan’ny maha-olona dia ny “tsy mitoetra”, ny mitady ahafantatra, ny manangona ny zavamisy ary mitsikitsiky manohy ny dia. Tsy marina ve izany? Azonao ve izany hevitra mitsiry izany? Fa raha hiroso kosa ka handao ilay loharanon’izay fanao ironan’ny olona dia hoy Jesosy hoe: “Mitoera”. Io “mitoetra” io izany no tena ilaina, tena ilaina mihitsy hiainana ny fiainana kristiana, hiainana fiainana mandresy. Io no hany zavatra tsy maintsy ataontsika mihitsy. Tsy misy lalan-kafa ankoatr’izany.

Hisy olona hilaza avy hatrany hoe: ahoana anefa izany? Ahoana? Jereo Ny Tena Hasambarana pp. 83, 84. Manontany ve ianao: “Fomba ahoana no hitoerako ao amin’i Kristy,” Efa nanontany izany ve ianao? Eny, tokoa. Tahaka ny nandraisanao Azy tamin’ny voalohany. “Koa tahaka ny nandraisanareo an’i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehana ao Aminy araka izany koa.” Raha mitoetra ao amin’i Kristy isika, dia afaka mandeha tahaka ny nandehanany isika. Tsy marina ve izany?

1 Jaona 2: 6 Tsy mahay mandeha isika raha tsy mitoetra. Hoy i E-G White hoe: “tahaka ny nandraisanareo an’i Kristy, dia mandehana”. Tsy misy mahasamihafa ny “mitoetra” sy ny mandray Azy. Manaiky an’i Kristy ianao, ny “mitoetra ao amin’i Kristy” izany dia ny manao inona hatrany? Manaiky. Ary rehefa nanaiky an’i Kristy ho voalohan-daharana indrindra isika, araka ny fahalalàntsika tsara indrindra, dia napetraka anjorony fotsiny ny izaho. Ary nanaiky Azy isika eo amin’ny fahafenoany hany ka nanambara ny tenany tamintsika Izy. Ny olana dia hitanao fa arakaraka ny hizoranao eo amin’ny fiainana, no hanambarany ny tenany bebe kokoa, ary noho izany dia mitaky inona bebe kokoa izany? Misy fitakiana bebe kokoa eo amin’ny fiainako satria tokony ho afaka “mitoetra” aho. Manaraka ny ohatra omeny aho amin’izay.

Ary izay indrindra no ataon’ny sampana. Tsy misy ataon’ny sampana afa-tsy ny mitondra ravina izay maha-tonga ny fanovàna simika hitranga, mandray ny ranon-kazo avy amin’ny voaloboka ary mamoa, fa tsy misy ezaka ataony amin’izany. Tsy misy satria natao hanao izany izy. Izaho sy ianao dia natao hanao inona? “Hamo” ho an’ Andriamanitra, hitaratra ny endriny. Izany no nanaovany antsika. Izany no nanaovany antsika tany amboalohany. Iza ary, tsy mety izany raha tsy amin’ny fomba tsy misy ezaka ary tena izany mihitsy no tiako holazaina, “amin’ny fomba tsy misy ezaka”. Ny olana amintsika dia mifangaro daholo ny “mitoetra” sy ny mamoa ary ny asa.

Horaisiko izay rehefa afaka iray minitra, tiako hovakiana anefa ny hoe: “Tahaka ny nandraisanareo an’ i Kristy Jesosy, dia mandehana ao Aminy”. “Ny marina ho velona amin’ny finoana”. Nomenao ho an’ Andriamanitra ny tenanao manontolo hanompo sy hankato Azy. Ary nekenao ho Mpamonjy anao Kristy. Ary tsy misy olona eto amin’ity efitrano ity izay tsy nanao izany, mino izany aho. Tsy afaka samirery hanao fanavotana ho an’ireo fahotanao ianao na manova ny fonao; nefa rehefa nanolo-tena ho an’ Andriamanitra ianao, dia mino ianao fa, noho ny amin’ i Kristy, dia nataony daholo ho anao izany. Mino izany ianao, tsy misy fanontaniana momba izany ao an-tsainao. Amin’ ny finoana dia nanjary an’ i Kristy ianao, ary amin’ny finoana dia mitombo ao Aminy ianao - amin’ny fanomezana sy ny fandraisana. Amin’ny inona? Amin’ny fanomezana sy ny fandraisana. Izany ve no ataon’ny sampana? Tsy izany ve? Inona no raisiny? Mandray ny rano-kazo avy amin’ny voaloboka izy, mandray ny tanamasoandro avy amin’ io loharano io ihany izy, avy amin’ Andriamanitra, mandray foana izy ary inona no ataony ho setriny? Amin’ny fanomezana sy ny fandraisany.

Izao ary, mariho : Tsy maintsy homena avokoa ny zavatra rehetra – dia ny fonao, ny safidinao, ny herim-ponao. Omeonao Azy ny tenanao hankato izay rehetra asainy atao; ary koa tsy maintsy horaisinao ny zavatra rehetra. Ny voaloboka no mametra ny habetsahany dia ny habetsahan’ izay tian’ny voaloboka homena, dia ny habetsahan’ny tokony horaisintsika, satria izay no habetsahany fantatry ny voaloboka fa ilaiko hamoazako ny karazany tokony hamoazako.

Ary koa tsy maintsy horaisinao ny zavatra rehetra, dia Kristy Ilay fahafenoan’ny fitahiana rehetra, mba hitoetra ao am-ponao sy mba ho tanjakao, ho fahamarinanao, ho mpanampy anao mandrakizay, - mba hanome anao hery hoentimankato. Raha mitoetra isika ary, dia tokony handeha araka izay nandehanany koa. Nefa tsy amin’ny herin’ny tenantsika izany. Amin’ny heriny izany satria “mitoetra” Izy ary Izy

no manome ahy hery hoenti- mandeha tahaka izay nandehanany koa. Tsy zavatra azoko atao aman- ezaka izany, na inona na inona dikan'io teny io.

Tsy mampisalalala fa ny resaka “mitoetra” no dingana sarotra indrindra eo amin'ny fiainan'ny kristiana. Dingana sarotra izany. Tsy sarotra amiko ny manatona ka mampilefitra ny fiainako amin'i Kristy. Tsy zava-tsarotra ho ahy ny manaiky an' i Kristy, fa ny “mitoetra” eo kosa, tena sarotra mihitsy.

Azonao heverina ve ny mahatonga izany? Eny, mifanohitra amin'ny fironana ao amintsika izany. Tena marina izany. Nefa, ary mety ho izany tokoa, ny anankiray amin'ny antony lehibe indrindra dia izao: ny ankabeazantsika dia manandrana ny manao izany ho zavatra ara-tsaina. Ataontsika ny dingana manelanelana amin'ny fanekena an' i Kristy ary heverintsika fa ao amin'ny ati-dohantsika no anaovana izany. Fa ahoana kosa ny “mitoetra” sy ny milefitra izay mialoha izany. Rehefa manaiky an' i Kristy aho, dia zavatra ara-tsaina izany. Ny saiko misaintsaina no iantefan' Andriamanitra ka miantso ahy Izy ary manaiky Azy amin'ny saiko aho.

Lalindalina kokoa noho izany ny “mitoetra”. Ary miditra any amin'izay azo heverina fa faritra sarotra indrindra eo amin'ny fiainan'ny olona. Efa sendran'izany niandry ny vadinao lasa niantseña ve ianao? Zavatra tena sarotra mihitsy ny “mitoetra”. Tsy izany ve? Mijajirika eo ianao, dia mihidy vazana ary miteny hoe; fa inona ihany no maha-ela azy toy izany, izay kiraro no vidiana? Io karazan-javatra io, io resaka fiandrasana io, “mitoetra “ io, azonao havadika koa. Tsy hoe ho an'ny lehilahy ihany izy io no sarotra, fa sarotra ho an'ny vehivavy koa. Hoy ny vehivavy: inona foana izao maha-ela anao miharatra izao e? Ny hoe miandry an' i Jehovah fotsiny, mametraka an'izany hitoetra ao anaty ao dia tena zavatra sarotra dia sarotra.

Nahoana no izany? Ny tena antony dia satria mikasika ny fiainantsika eo amin'ny lafiny fihetseham-po izany. Tsy

ny fiainantsika ara-tsaina tsy akory. Raha afaka mipetraka amin'ny fo tsy miangatra aho ka miteny hoe: mazava ho azy fa raha tao anatin'ny trano fivarotana tao aho nividy kiraro, dia ho tiako koa ny ahazo zavatra manokana, Ary dia ho lanjalanjaintsika izany toe-javatra izany. Nefa tsy izany no resahantsika, fa tsapantsika fotsiny ao amin'ny fiainantsika araka ny fihetseham-po ao fa misy zavatra izay mandratra ny fihetseham-pontsika; dia miakatra ny tosi-drà. Hitanao ny tena olana fa mikasika ny fihetseham-po io"mitoetra" io.

Fomba ahoana no mahatonga ny sampana hamao amin'ny fahatanterahana, mamaky zavatra mitovy amin' izany isika nefa tena ilaina ny hamakiansika ny tontolo manodidina rehetra ka ho tonga saina fa ny anjara asantsika dia ny "mitoetra" foana ary mamela ny voaloboka hanao ny asany. Tena zavatra sarotra amintsika ny mahazo izany; raha "mitoetra" isika ka avelantsika Andriamanitra hanao ny asa, dia ho vita tsara izany ary hanjary isika no ho fantsona ahazoany mikoriana. Raha miselontselona amin'izany isika, dia manakorontana ny zavatra rehetra; ary efa 6000 taona izay isika no nanao izany, izany no tena maha-ela azy. Any no misy ny olana.

Zavatra tena mahaliana io satria miresaka momba ny famoazana vokatra isika. Ary ny famoazana vokatra dia resaka famoazana ireo vokatra naseho antsika ao amin'ny boky ny Galatiana Inona izy ireo? Inona no vokatra? Ny vokatry ny Fanahy. Ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa fahalemam-panahy, fahononam-po. Izaho no tena voaloboka, ianareo no sampany. Hoy Jesosy: ny Raiko no mpamboatra. Tsy maintsy ho tazonina mandrakariva ao an-tsaina ireo zavatra telo ireo, raha tsy izany dia ho very tanteraka isika. Ary tsy misy afa-tsy fomba tokana hihazonana izany araka ny tokony ho izy. Io no sary enti-manazava tsotra indrindra izay tsy mety ho tsotra kokoa noho izao. Ny sampana sy ny voaloboka,

Izao no lazain'ny Tenin' Andriamanitra antsika ao amin'ny Jaona 15: 6: “Raha misy tsy miray Amiko dia ariana eny ivelany tahaka ny sampany izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may.” Ny sampana izay tsy sampana mitoetra dia tsy misy mety azo atao azy afa-tsy ny hodorana. Tsy misy ilàna azy. Tsy misy ilàna azy tanteraka mihitsy. Ahoana no hampifandraisanao izany amin'ny hoe raha tsy mitoetra ianao, dia manao asa hafa. Izao no izy, momba ny vokatry ny Fanahy izany, izay zavatra tsy araka izay ironantsika; Ny zavatra izay ironantsika ka ataontsika dia izay ataon' i Satana, ataony ao amintsika araka izay ironany. Ary izany fotsiny ny zavatra rehetra. Na mitondra ny vokatry omen' i Satana antsika isika na mitondra ny vokatry izay omen' Andriamanitra antsika.

Hitantsika ao amin'ny Galatina 5:17 ny maha-samihafa ny vokatry sy ny asa. Eto no iavian'ny resaka asa. “ Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo; ary mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanareo manao izay zavatra tianareo.” Tena tsy azo atao mihitsy izany. Ny hany fomba ahazoana tsy manao izany dia ny mitsahatra tanteraka, “mitoetra” ao amin' i Kristy. Mariho ary fa raha tarihin'ny Fanahy ianareo, dia tsy ambanin'ny lalàna; “Fa miharihary ny asan'ny nofo, dia izao: Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoan-tsampy, fanaovana odi-ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampindaniana, fisarahana, fitokoana, filalonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko anareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny koa, fa izay manao izany, dia tsy handova ny fanjakan' Andriamanitra”. Galatiana 5:18-21.

Izany no zavatra ataontsika izay ironantsika. Isan-karazany ireo fa ny zavatra tiantsika hatrehina manomboka izao dia ny hoe tsy maintsy mifamatotra tena akaiky dia akaiky ny sampana sy ny voaloboka. Inona ary no tena mampisarakana matetika ny voaloboka sy ny sampana? Inona? Izaho? Ny fanaovana antsirambina? Ny fanamboarana? Mety misy

vokany izany; nefa tsy izany no zava-dehibe indrindra. Ny fahotana? Inona no mitsofoka manelanelana? Ho gaga ve ianao raha hilazako ny zavatra tena manelanelana indrindra dia ny resaka vokatra? Ny zavatra indrindra izay nokasaina hataon'ny sampana no tonga eo anelanelantsika. Ary Andriamanitra nibaiko fa ny sampana dia tsy hanao afa-tsy ny mamoa, ary nataony hanao izany ny sampana ary ny hanao io zavatra io indrindra izay nokendren' Andriamanitra ataony io indrindra no mampisaraka ny voaloboka sy ny sampana. Ho tsakotsakoina izany.

Ny olana dia isika no sampana. Efa nandre sampana ve ianao niteny hoe : mba te-hamoa paoma aho amin'ity indray mitoraka ity na dia hazo paiso aza aho. Toa te-hamokatra “abricots” indray aho amin'ity. Na zavatra mety ho zavamisy kokoa, dia izao. olona manao hoe: ity resaka mamoa ity anie ka marina saingy tsy azonareo ny toerana misy ahy, satria raha ianao no mipetraka eo amin'ny toerana izay misy ahy, miaraka amin'ny olona miara-belona amiko, dia ho hitanao fa tena ho hafa mihitsy ny tantara satria tsy afaka “mamoa” ianao eo amin'io toerako io. Efa nandre olona nilaza zavatra tahaka izany ve ianao? Tsy afaka mamoa fotsiny izao eo amin'ny toerana tahaka izany.

Etsy ange, sampana inona, na dia eo afovoan'ny zaridaina aza no miteny hoe: jereo ange: ho afaka namoa aho raha tery ivelany tery, eo afovoan'ny saha any ho any. Ny olana amintsika dia ny tontolo misy antsika no ijerentsika ny resaka mamoa. Eo no tena ipetrahan'ny olana. Tena tafasaraka tanteraka, tapaka tsy eo amin'ny voaloboka ny sampana, matoa manjary milaza hoe: tsy afaka mamoa aho eo amin'ny toerana misy ahy. Firy ny olona niresaka tamiko niteny hoe: izao anie, tsy hitanao izany miasa eo amin'ny toerana izay hiasako. Ianao anie mpitoriteny e, mitety ny olona izay tena mora hiresahana, fa raha miasa miaraka amin'ny karazan'olona hiarahako miasa ianao, manompa, miteny ratsy, fantatrao daholo izany, dia ho sahirana ianao.

Tsy misy ifandraisana mihitsy amin'ny famoazana ny tontolo misy ny sampana, tsy izany ve? Tsy misy mihitsy na kely aza. Ny hazo paoma eo afovoan'ny hazo kointsy maromaro dia mbola hamoa paoma ihany, tsy izany ve? Tsy tokony hitovy amin'ireo izy ka hilaza hoe: Aleo aho hamoa kointsy amin'ity indray mitoraka ity. Tsy tokony hanao izany izy. Fa izay no olana amintsika, azonareo? Mahita izany isika ary mijery ny tontolo iainana misy antsika isika dia tonga ny eritreritra hoe tokony hifanaraka amin'ny zava-misy aho. .

Ny zavatra rehetra resahiko momba ny fialan-tsiny ataontsika sy ny tena olana dia isika manala-tsiny ny tenantsika tsy mamoa noho ny antony 1, 2, 3, 4, 5. Fantatrao fa raha sahala amin'ny ahy ny fianakavianao, raha zaza mandrotika anao tahaka ny ahy ny zanakao lahy. Isan'andro vaky izao dia zavatra tahaka izany no tsy maintsy zakaina. Fialan-tsiny daholo tsy hamoazana izany. Izay maha-izy ihany no ataon'ny sampana, ireo voninkazo mamelana eo amin'ny sampana, dia tsy manao ezaka amin'ny resaka vovombony, manao ezaka ve izy? Miandry an' Andriamanitra any an-danitra izy hanao izany koa. Tsy misy ezaka ataony ny amin'izany; Mitondra ny voniny fotsiny izy dia miasa ny vovombony noho ny asan' Andriamanitra eo amin'io voninkazo io. Araka izay hanaovany izany na amin'ny alalan'ny tantely izay mitondra ny vovombony na entin'ny zavatra hafa, na rivotra na inona na inona izany. Hitombo tsara ara-dalàna ihany ny zava-maniry, nefa tsy misy ezaka ataon' ny tenany momba izany.

Io no lesona tian' Andriamanitra ekentsika satria ao antsaintsika fotsiny ao ny hoe sarotra ho ahy ny mamoa noho ny tontolo iainako. Tonga ny rivotra, na ny tafiotra, na ny hatsiaka, na zavatra karazan' ny toe-javatra tsy ara-dalàna. Tsy isalasalana fa misy asany eo amin'ny famoazana izany. Tsy fantatro marina ny fomba hilazanao izany. Heveriko fa tokony horaisina izay rehetra tsy ara-dalàna handraisana lesona azo ampiarina, ho sary enti-manazava. Marina ny

sary enti-manazava. Indro ny andrian' ny herin'ny rivotra ary Izy no manao izany, ka mety ho sary afaka manazava izany.

Ny karazan'asa ataoko hatramin'izao, dia izay hitarihin' Andriamanitra ataoko, raha ny amiko dia fifaliana ho ahy. Tsy misy na inona na inona eo amin'ny asa izay efa nataoko, ka nitarihan'ny Tompo ahy ataoko, no enta-mavesatra ho ahy. Tafiditra eto ny fahamarinana ary tsy zavatra marina tsy maintsy ho ahy, ny faniriako ity tetikasa ity ho vita, na handeha hivoaka hanao ny asa tena ataon'ny mpitory ny filazantsara aho, izay tsy voatery ho zavatra araka ny fahamarinana. Ny "mitoetra" eto tsy hoe mipetraka ary tsy manao na inona na inona ara-batana ary tsy tokony hihevitra ianao fa afaka mipetraka fotsiny eo amin'ny dabilio ao am-piangonana dia mody ary mipetraka amin'ny seza savily eo amorom-patana. Miandry, mitoetra ary matoky, mikasika ny fihetseham-po izany.

Amin'ny ara-tsaina dia manaiky an' i Kristy aho ary misy fihetseham-po ny "mitoetra". Ento no tena olana, Tsy mamboatra ny Tompo raha tsy mamoa aho. Raha manomboka mamboatra Izy alohan'ny hamoazana, dia mandratra izany. Efa nahavita izany aho, tsy izany ve? Nefa rehefa mamoa; dia mamboatra Izy. Dia mamoa bebe kokoa; Ary mamboatra bebe kokoa Izy. Tsy mbola izany no tena zavatra tiako ahatongavana. Mila bebe kokoa hatrany amin' izany zavatra maharary izany aho. Nefa mamboatra bebe kokoa Izy, ary mitombo ny voa.

Tonga daholo izany iny izaho "mitoetra" iny. Koa ny olona "izay mitoetra" dia tsy "mitoetra" amim-piadanana ao amin'ny fitsapana sy ny tebiteby rehetra, koa miverina indray amin'ny zavatra mitovy ary isika, fa tsy misy hifandraisana amin'ny famoazana na amin'ny hoe "mitoetra" ny tontolo iainana. "Mitoetra" tsotra fotsiny sy tanteraka sy amin'ny fomba feno izy, na dia eo aza ny tontolo iainana. Miverina eo amin'izay nanaovantsika fialan-tsiny ny amin'ny tsi-famoazana isika noho ny tontolo iainantsika

na noho ny toe-javatra tena misy marina ny momba ahy manokana. Ny tebiteby sy ny fitsapana rehetra avy amin' ny hery miasa mangina avy any ivelany, dia Izy no mikarakara ny momba izany. Toy izany ireo fialantsika tsiny rehetra izay entintsika hanamarinana ny antony tsy hamoazantsika marina tokoa.

Raha miresaka famoazana isika dia miresaka momba ny vokatry ny Fanahy: fitiavana, fialiana sy fiadanana... raha lazaina amin'ny teny hafa dia miresaka momba ny toetra amam-panahin' i Kristy isika. Nahoana no tsy hitako eo amin'ny fiainako ny toetra amam-panahin' i Kristy? Nahoana no tsy hitako eo amin'ny fiainanao izany? Nahoana no tsy hitanao eo amin' ny fiainako? Ary eo amin'ny fiainan'ny tenanao?

Fironana ao amintsika ny manao ireo fialan-tsiny samihafa sy isan-karazany ireo satria tsy azontsika marina ny tena fototry ny famoazana na dia tena mampivelatra ireo toetra manokana ireo aza isika, izay ataontsika hoe famoazana. Andeha hokolokoloiko ny faharetana amin'ny mahavokatra azy. Hokolokoloiko ny fitiavana. Andeha ho tia io olona io aho na dia mamono ahy aza izy. Afaka manao izany ve ianao? Mahatsikaiky izany! Hamidin'ny devoly anefa isika amin'izany ary tapa-kevitra ny hizaha isika. Impiry aho no niteny tamin'ny mpivady izay nilaza hoe: ho tia azy amin'ny fitiavana farany indrindra eto an-tany aho ary tena ho tia aho! Raha ny hevitra dia tena mahatsikaiky izany.

Raha mitoetra ao amin'ny voaloboka isika, dia inona no mitranga? Mipoitra ny fitiavana. Raha raisintsika ny zavatra rehetra, dia hanome isika. Raha manome isika, dia tokony handray izany. Tsy afaka hahavita izany ianao raha tsy eo Izy. Tsy mampaninona izay finiavanao, fa tena tsy azo atao tanteraka izany. Ny sampana misaraka amin'ny voaloboka dia mendrika atao inona? Hodorana ary izay ihany. Tsy misy zavatra hafa mahasoana ny aminy. Fantatrao fa iray minitra no aharetany. Hisy hafanana dia izay no izy. Ary izay no farany momba azy. Ary izay indrindra no nokasain' i Jesosy.

Marina feno indrindra io sary io sady tsotra indrindra ka sarotra, eny tena sarotra ho antsika ny mino azy fotsiny.

Ny zavatra voalohany indrindra tiako apetraka ao ant-sainareo dia ilay lesona voalohany voarakitra ao amin'ireo andininy ao amin' ny Soratra Masina ireo, dia ny leson'ny fiankinana feno sy tanteraky ny sampana. Fiankinana feno sy tanteraka. Tsy afaka ho velona ny sampana, tsy afaka hisy, tsy afaka hamokatra, tsy afaka hanao na inona na inona, raha tsy mitoetra ao amin'ny voaloboka. Ary io “mitoetra”io dia 24 ora isan'andro ary 365 andro isan-taona. Mitohy izany. Tsy resaka andro Sabata na fotoana Alarobia izany , fa resaka “mitoetra” isan' andro sy mitohy. Ary raha mitoetra ao amin'ny voaloboka ny sampana, dia tsy afaka tsy an'inona izy? Ny tsy hamoa. Tokony hamoa fotsiny izy. Izay no araka ny maha-izy azy. Tsy afaka ny tsy hamoa tsotra izao izy. Ary izany no fanamarinana amin'ny finoana.

2.

“Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra. Ny sampana rehetra eto amiko izay tsy mamoha dia esoriny; fa ny sampany rehetra izay mamoa kosa dia amboariny, mba hamoa bebe kokoa. Efa madio rahateo ianareo noho ny teniko, izay nolazaiko taminareo.

“Tomoera amiko ianareo ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampana tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin’ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay miray Amiko ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka Amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona (raha misaraka Amiko: na tapaka tsy eo Amiko). Raha misy tsy miray Amiko dia hariana eny ivelany tahaka ny sampany izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may. Raha miray Amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko; dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. Izany no ankalazana ny Raiko mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo.” Jaona 15:1-8.

Tsaroanao ny toe-javatra manodidina io teny io, dia izay nolalovan’ i Jesosy raha vao vita ny Fanasan’ ny Tompo, rehefa nankalaza ny Paska niaraka tamin’ny mpianany Izy sy nanorina ny Fanasan’ny Tompo, ary rehefa izany, vita ny fanompoam-pivavahana, dia nipetraka teo Izy niteny tamin’ny mpianany ka hoy Izy hoe: “Mitsangàna, andeha isika hiala eto”. Jaona 14:31, dia nitsangana niala teo andatabatra Jesosy, nivoaka ny trano Izy ary diabolana iny alina iny, voalaza fa nankeo amin’ny voaloboka Izy. Fotomboaloboka tsara tarehy, be voninahitra.

Naneho an-tsary mandrakariva ny tenany ho voaloboka ny firenena jiosy. Tian’ i Jesosy nahitsy nazava tsara izany ary nijoro teo anoloan’ ny voaloboka teo Izy, tamin’izay dia

notarafin'ny diabolana ireo sampahom-boaloboka miantona amin'ny voaloboka. Nampiasainy izany araka ny fahazarany mampiasa ny zava-boary ho sary enti-manazava.

Nampiasainy izany hanesorana ny hevitra diso efa noraisin'izy ireo ka hoy Izy: “Izaho no tena voaloboka”. Nihevitra izy ireo ho tena voaloboka, hoy kosa Jesosy izao hoe: “Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra, ny sampana rehetra eo Amiko izay tsy mamoa dia esoriny.”

Tsikirintsika fa tsy misy fikendrena hafa noho ny hamoa ny sampana. Ny hany fikendrena ny sampana dia izao: ny voaloboka mamelona ny sampana ary ny sampana, toy ny fitaovana iavian'ny vokatra. Ary izay no nikendrena azy. Eo amin' izay hisian'ny famoazana vokatra izay, raha ny tena izy, eo koa no ipetrahan'ny olana. Inona no hany fomba hamoazan'ny sampana? Amin'ny fitoerana eo amin'ny voaloboka. Tsy afaka mamoa ny sampana amin'ny fanaovana ezaka, tsy misy ezaka ataony na inona na inona, tsy misy ezaka atao mihitsy. Mamoa ny sampana ara-voajanahary raha mbola manao zavatra iray izy. Raha mbola mitoetra ao amin'ny voaloboka izy. Tsy misy hery sy ezaka tokony hampiasainy ka hitenenany hoe: heveriko fa tsy hanana sampahom-boaloboka iray aho eto na etsy, tsy misy karazan-javatra toy izany ataony, fa mamoa fotsiny izy.

Ny voaloboka mihitsy no manao ny asa rehetra. Mandefa ny fakany ny voaloboka, ny tangolombahiny, mety alefany any amin'ny metatra maromaro any izany. Fakany madinika kely hitady famelomana sy hamandoana any anaty tany izany. Entiny izany famelomana izany ary havadiny ho tsiron-kazo sarobidy alefany any amin'ny voaloboka ka horaisin'ny sampana izany. Dia ataon'ny sampana inona izany? Hitanareo fa fitaovana ihany ny sampana satria araka izay ahatongavan'ny tsiron-kazo sy hikorianany ho amin'ny sampan' io voaloboka io, no hisian' ny raviny aloha eo amin'ny sampana, mandray ny hazavan'ny masoandro ny ravina, ny tana-masoandro no iavian'ny aina, raha ny tena

marina, izy no iavian'ny aina eto amin' ity planeta ity.

Misy fanovàna ara-tsimika izay mitranga ao amin'ny simian'ny zava-maniry ary tsy noho ny zavatra ataon'ny zava-maniry no mahatonga io fanovana io, satria tsy misy na inona na inona ataon'ny sampana. Eo fotsiny amin'ny maha-fitaovana azy izy. Izay ihany. Fitaovana tanteraka. Ary misy lesona lehibe ao amin'izany izay tena ilaintsika ianarana.

Ny tena fisedrana ny sampana rehetra dia ny famoazana. Ary raha tsy mamoa ny sampana, dia tsy misy ilàna azy. Hoy ny Soratra Masina hoe: “Esorina izy”. Karazan-javatra mahavariana izany satria izao no voalaza ao amin'ny andininy faharoa: “Ny sampana rehetra izay tsy mamoa dia esoriny”, Efa noeritreretinao ve ny hoe” esoriny”, iza no manaisotra? Ny mpamboatra. Iza no mpamboatra? Ny Ray. Andriamanitra izany. Andriamanitra no manala ny sampana tsy mahaso mba hametrahana antsika eo amin'ny toerantsika satria maro amintsika no tia manao ny fandratsanana. Tiantsika ny manao ny fanetezana. Tiantsika ny hanao izany.

Raha ampitahaina amin'ny Matio toko fahafito io torohevitra naverin' i Jesosy io, ny andinny fahenina-ambinifolo sy faha-roapolo, dia misy sary miha-mazava tsara momba ny toerantsika ary izay toerantsika raha ny mikasika ny fahamarinana. ‘Ny voany no hahafantaranareo azy’. “Mitandrema ianareo fandrao voafitaky ny mpaminany sandoka, izay mankao aminareo amin'ny fitafian'ny ondry, fa ao anatin'ny dia ambodia mitoha izy.” “Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy”.Matio 7:16, 15, 20.

Inona ary no ataontsika rehefa fantatsika izany? Rehefa fantatsika izany? Inona no ataontsika? Hita fa ny tena fironana ao amintsika dia ny miezaka maka ny toeran'ny mpamboatra dia mijoro eo, manao ny fampisarahana. Izay foana no fironana. “Tompo, tianao ve ny hanongontanay ny inona? Ny tsimparifary? Ahoana no navalin' i Jesosy? Aoka ihany hiara-maniry izy roroa, mandra-pahatonga ny

inona? Ny fararano, Iza no hanao ny fanongotana?, Ny mpamboatra foana. Asan' Andriamanitra fa tsy asantsika izany. Ary isaorako ny anarany noho izany satria tsy mora ny mahita ny voany raha ny fijerin'ny olombelona. Ary tsy zavatra azo antoka, nefa Andriamanitra dia milaza amintsika fa ny voany no hahafantarantsika azy.

Rehefa misy mpaminany, ary natao mikasika mpaminany izay milaza ny tenany ho zavatra izany fanambarana izany, dia ny voany no hahafantarantsika azy. Nahoana? Satria azo atao foana ny manamarina ny voany amin'ny Tenin' Andriamanitra na voany izany na tsia, fa rehefa fantatsika, rehefa nofantarintsika ny amin'izany, dia zavatra izay tokony ho tsaroantsika. Mampitombo ny fahalalako izany fa tsy anjarako ny mitsara na dia amin'izay fotoana izay aza. Ny fitsarana dia navela tanteraka sy feno amin' Andriamanitra, fa ny ho ahy dia ny mahafantatra ary nomen' Andriamanitra ho ahy ny fomba hanamarinako izany. Koa ny voany no tari-dàlana nomena antsika.

Voalaza izao fa “ny sampana rehetra izay tsy mamoa, dia esoriny”. Tsy fantatro raha misy aminareo namaky ny bokin'i Andrew Murray. Nanoratra zavatra tena mahaliana izy ary heveriko fa betsaka amin'ireny no tsara hovakiana. Misy boky kely nosoratany mitondra my lohateny hoe ”Ny Tena voaloboka” sy “Mitoetra ao amin' i Kristy”. Misy teny noraisin' i rahalahy Mead MacGuire avy amin' i Andrew Murray. Iza no voalaza ao amin'io boky kely io, ao amin'ny pejy 21: “ Aoka isika hitandrina amin'ny fomba manokana momba ny fahadisoana lehibe iray. Maro ny Kristiana no mihevitra fa ny famonjena ny tenany no voalohan-daharana. Manaraka izany dia ny fiainana ara-batana sy ny fanambinana azy amin'ny fikarakarana ny ankohonany.”

Tsy mazava aminareo izany, azoko antoka. Betsaka ny Kristiana no mihevitra fa ny famonjena ny tenany no voalohan-daharana, manaraka izany dia ny fiainana ara-batana sy fanambinana azy eo amin'ny fikarakarana ny ankohonany. Fotoana inona sy fitiavana inona no sisa mety ho tavela ho

famoazana voany hamonjena olona, tsy mahagaga raha , amin'ny ankabeazany, dia kely dia kely ny fotoana na ny fitiavana mety ho hita. Tsia, ry Kristiana, ny hany antony nanaovana anao ho isan'ny tenan' Andriamanitra dia ny hanatanterahanao ny asany mahavonjy. Ny hany antony nanaovan' Andriamanitra anao ho sampana dia mba hitondran' i Kristy fiainana ho an'ny olona amin'ny alalanao. Ny famonjena anao manokana, ny asanao sy ny fikarakaranao ny ankohonanao dia fehezin' izany tanteraka. Hoy Andriamanitra hoe: Izaho no Tena Voaloboka, ianareo no sampana.

Ny hany fikasan' Andriamanitra ho anao dia ny manao anao ho sampana izay izarana ny fiainana ho an'ny olona amin'ny alalan' ny inona? Ny voany. Ny voany no mamelona na iza na iza mankeo amin'ny voaloboka; tsy marina ve izany? Ary sampana isika, tokony hitondra voany isika, amin'izay dia tokony hanome ny sakafo isika izay ahafantaran'izao tontolo izao ny Tompo Jesosy. Ny hany antony hanaovan' Andriamanitra anao ho sampana dia ny hitondran' i Kristy fiainana ho an'ny olona amin'ny alalanao.

Izany ve no anton'ny teny vakiantsika milaza fa miandry ny olony Andriamanitra hanao inona? Hitaratra tanteraka ny endriny. Nahoana? Satria ny zavatra tena hitany no hany afaka mamelona ny lehilahy sy ny vehivavy. Voasintona ho eo amin' i Kristy izy hanatona Azy amin'ny alalan' ny inona? Amin'ny alalan' izay hitany. Ny hany antony nanaovan' Andriamanitra anao ho sampana dia ny hitondranao fiainana ho an'ny olona . Ary ny famonjena ny tenanao manokana, ny asanao, sy ny fikarakarana ny ankohonanao dia fehezin'izany zavatra tokana izany. Filazana miezinezina izany. Zavatra tena mora ny mametraka ho voalohan-daharana ny fikarakarana rehetra ny tenako, na ny ankohonako , ny zanako. Mahatsapa ny mahavita zavatra ambony sy tsara aho, satria ny olona izay mijery ny ankohonany dia raisina ho olona tena tsara. Zava-dehibe izany, tsy misy maharatsy

an'izany. Nefa ny zavatra voalohany ary ny fikendrena voalohany amin'ny fiainany dia tsy ny fikarakarany ny ankohonany. Fa ny inona? Ny hitondra voany.

Hita fa ny tsy maintsy ataony voalohany dia ny fifandraisana amin' Andriamanitra, fa tsy ny famonjena ny tenany. Raha mifototra feno amin'ny famonjena ahy ny fifandraisako amin' Andriamanitra, dia ho manao ahoana izany fifandraisako Aminy izany? Ho tia tena. Ny fifandraisako amin' Andriamanitra kosa dia satria tiako ny hitoetra ao amin'ny voaloboka mba ho tonga sampana mahatoky ka hamoa, amin'izay dia manantanteraka ny fikendrena namoronan' Andriamanitra ahy aho: izaho no voaloboka, ary ianareo no sampana. Ho voakarakara ny ankohonana, ary ireo no voalohany handray tombon-tsoa.

Ny zavatra kendrenao voalohany amin'ny fiainana, ny zavatra kendrenao voalohany isan'andro dia tokony ny ahafantatra ny fomba tian' i Kristy hanatanterahana ny fikasany ao aminao. Efa novakianao ve fa ny asa voalohany indrindra nataon' i Kristy dia zavatra iray ihany? Isa maraina dia nitady tari-dalàna avy amin'ny Rainy any andanitra Izy ny amin'izay tiany hatao io andro io. Inona no asanao voalohany indrindra? Toy izany koa. Handray ny toro-marika vaovao isa-maraina.

Mariho ity fizarana faharoa; "Aoka isika hanomboka hisaina araka ny sain' Andriamanitra." O! Raha mba afaka isika hahatakatr izay rehetra voarakitra, izay rehetra voafehy ao amin' izany firaisan'ny voaloboka sy ny sampana izany, sy ao amin' ilay fanoharana nambaran'i Jesosy ny alina farany talohan'ny nanombohana Azy teo amin'ny hazo fijaliana! Ny hany anton'ny maha-sampana ahy, ny hany zava-kendrena ny maha- tena sampana ahy, ny hany fepetra hitoerako sy hitomboko hanan-kery dia ny hamoazako ny voan'ny voaloboky ny lanitra hohanin'ny olona eo ambavahaona ka ahavelona azy. Ny hany zavatra izay hananako toky tanteraka dia Kristy no voaloboka ary ny Ray no mpamboatra ahy; tena mety ho tonga sampana mamoa aho;

tsy misy olona na iray aza tokony hihevitra fa tsy afaka ho sampana mamoa izy; tsy misy olona na dia iray aza avela any ivelany.

Hoy Jesosy: raha misy sampana tsy mamoa, dia esoriny. Izy no manaisotra azy amin'ny fotoanany. Amin'ny fomba izay hanaovany azy. Tsy asako izany. Azy izany. Fa ny sampana rehetra izay tena mamoa, dia misy zavatra ataony aminy. Nahoana ary no miteny momba izany Izy? Dioviny izany. Manjary io famoazana io no tena olana eo amin'ny ankabeazan' ny olona misaina satria voafitaka isika ary notarihin' i Satana tsy hazava ny tena atao hoe mamoa ho antsika.. Hiverenantsika izany ao aoriana kely; fa hoy Jesosy eto hoe ny sampana rehetra izay mamoa dia dioviny mba hamoa bebe kokoa. Ny tena loza ao amin'ny fiainan' ny Kristiana, ny tena loza marina ao amin'ny fiainan' ny Kristiana dia ny fahafam-po amin'ny tena. Manaiky izany ve ianao? Inona izany afa-po amin'ny tena izany?

Hitantsika ao amin'ny Apokalypsy 3:14-18 ny hafatra ho an'ny fiangonana ao Laodikia . Ary hita ao io toetra matimaty io, ilay olana mampihavaka natrehin'ny fiangonana hatrizay, fa toetry ny fiangonana farany manokana, Ny fiangonana ankehitriny izany: “Ary soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana ao Laodikia : Izao no lazain'ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, izay niandohan'izao zavatra noharian' Andriamanitra izao: Fantatro ny asanao fa tsy mafana na mangatsiaka ianao; aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao. Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka dia efa haloan'ny vavako ianao. Fa hoy ianao: manan-karena sy efa niary fananana be aho ka tsy manan-java- mahory; kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy jamba ary mitanjaka dia manoro-hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo mba hanan-karena ianao, ary fitafiana fotsy hotafiana mba tsy hisehoan'ny henatrao noho ny fitanjahana ary odi-maso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao. ” Apokalypsy 3:14-18.

Ny olana amin'ny Kristiana tsirairay eo amin'ny lalan-diaviny dia tsy ny olana amin'izy tsy mamoa, fa rehefa tena mahatsapa izy fa namoa kely, nahatsapa kely ny amin'ny fitiavan' Andriamanitra izy, nahatsapa fifaliana kely ny amin'ny famonjena, nanana fanandramana kely izy, ary nisandratra ny amin'izany, dia maka toerana izy ka mahatsiaro ny sisa amin'ny fiainany. Izay no ivelomany sy anton-dresany ary toy izany hatrany ihany. Dia diso azy ny maha-sampana mamoa bebe kokoa azy. Mahatalanjona ny mety ho vitan'ny sampana ka inona no mitranga? Tonga ny mpamboatra ka manomboka manadio izy mba hamoazantsika bebe kokoa.

Inona no mampamoa bebe kokoa? Ary iza no mamoa bebe kokoa? Ny fanamboarana na ny fanadiovana dia kasaina hanao zavatra iray, dia ny hitaona antsika ho amin'ny fifandraisana etyety kokoa amin' Andriamanitra mba hahatonga antsika ho fantsona mahomby kokoa na ho fitaovana izay hisehoan'ny voany. Izay no fikendrena azy; tsy misy hery ananantsika. Tsy misy Kristiana izay manan-kery ao aminy. Tsy misy na inona na inona mety ho vitantsika. Ny zavatra tokony apetrantsika voalohany indrindra dia ny hoe inona izany, ahoana no fandehany, ahoana no tena fitrangany.

Ao amin'ny boky faha-7A ny Hevi-teny momba ny Baiboly pejy 1114, izay hita koa ao amin'ny boky mitondra ny loha-teny hoe Fanamarinana amin'ny finoana, dia misy famelabelarana momba ny firaisana amin' i Kristy, ny sampana miaraka amin'ny voaloboka; ny firaisana amin' i Kristy amin'ny alalan'ny finoana velona dia maharitra, tsy maintsy ho levona ny firaisana hafa rehetra. Kristy no nifidy antsika voalohany ary nandoa ny fanavotana antsika tamin'ny vidiny tsy hita lany, ary ny tena mpino dia mifidy an' i Kristy ho voalohany, sy farany ary ny tsara indrindra amin'ny zavatra rehetra.

Misy sandany amintsika io firaisana io; fifandraisana midika ho fileferana feno ho an'ny olona miavona izany.

Inona ary no vokatr'izany amin'ny avonavona? Aza milaza amiko hoe tsy miavona ianao, satria miavona daholo isika rehetra. Ny tiako holazaina dia anisan'ny maha-izy antsika izany. Samy manana toetra mivohy ny izaho isika raha raisina samirery. Ny hany fomba afahantsika amin'izany dia ny manaiky ny fikendrena ho an'ny sampana. Misy loharanon-kery izay azon'ny sampana raisina avy amin'ny inona? Avy amin'ny voaloboka. Io no loharanon-kery ho antsika. Io no hany loharanon-kery. Io no iavian'ny hery. Nefa mitady hafa hatraiza hatraiza isika. Mandeha any amin' i Nenitoa Jeannie, na i Dadatoa Tom. Handeha hatraiza hatraiza isika, hotratrarintsika ny zavatra rehetra, ataontsika daholo ny zavatra rehetra na inona na inona, afa-tsy ny mandray avy amin'ny voaloboka, raha ny tena izy. Ny antony dia satria tsy tiantsika ny ala-olana omen'ny voaloboka antsika.. Misotro lalindalina kokoa ny ràn' i Kristy. Tsy tokony hanohana ny voaloboka ny sampana. Tsy tokony mihitsy. Mandray avy amin'ny voaloboka ny sampana ary zavatra mitohy izany. Izany no nikendrena ny sampana. Fit-aovana fotsiny ihany. araka izany ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra, izany no ilazan' Andriamanitra hoe: tokony hiditra amin'izany ny miavonavona. Nahoana? Satria izany no làlan'ny fanetren-tena. Rehefa tsapako fa tsy mahavita na inona na inona amin'ny tenako aho, rehefa tapahina avy amin'ny voaloboka ny sampana, angonina sy hodorana no mety atao aminy. Ao amin'ny andininy fahenina izany. Izay ihany no azo atao aminy.

Izao no ambaran'izany: izay rehetra miditra amin'izany firaisana izany dia tsy maintsy mahatsapa ny ilàny ny ràn' i Kristy manavotra azy. Izany no rà mitondra aina. Tsy maintsy hotsapan'ny sampana ny ilàny io tsiron-kazo io. Io no rano mikoriana mitondra aina. Tsy maintsy hotsapan-tsika ny filàna ny ràn' i Kristy manavotra antsika. Raha tsy zava-misy ho anao sy ho ahy ny nahafatesan' i Kristy, ny nandevenana Azy sy ny nitsanganany tamin'ny maty, ny fanavotana nataony teo amin'ny hazo fijalian' i Kalvary,

raha tsy tena izany no ivon'ny fisainantsika, dia tsy misy antony ny fivavahantsika; Voafatotra amin'ny voaloboka ratsy isika. Kristy no voaloboka, ary rehefa mandray hery avy amin'ny voaloboka isika, dia mandray izany avy amin' i Kristy. Nandray ny ratra izay nanaovana grefy ahy sy ianao Kristy.

Milaza ny amin'ny fanaovana grefy i Paoly ao amin'ny Romana 14. Milaza amintsika izy ao fa natao grefy tamin'ny voaloboka isika. Alohan'ny hanaovana grefy amin'ny zava-maniry, inona no tsy maintsy atao amin'ilay zava-maniry? Ilay taho- fototra? Tsy maintsy ratraina izany. Tsy maintsy misy fandidina atao. Tsy maintsy ratraina mafy io taho io, hosokafana izany ratra izany ary apetraka ao anatin'io ratra io mihitsy ny grefy, avy aùin'ny ratra no andraisany aina. Ny ainao sy ny ahy, ny herintsika dia avy amin'ny fanavotana, ao no hiafenan'ny heriny. Ao no hiafenan'ny heriny. Tsy satria Jesosy no mpamorona, tsy ny maha-lehibe sy mahagaga an'izany, tsy ny maha- mahatalalanjona an'izany, tsy ny hoe Izy mahay miantso ny maty ho velona, manan-kery mahagaga, mahavelom-bolo, mampangitakitaka izany, fa ny hany zavatra lehibe indrindra izay manome aina ahy dia Izy, Andriamanitra, nanaiky ho faty ho ahy mba ahazoako atao grefy ka hanana aina.

Afa-po tanteraka isika eo amin'ny fiainantsika mihevitra fa raha misy zavatra tsara ataontsika, dia mety mahazo fiainana isika. Mahatsikaiky izany. Ny hany loharanon'aina dia ny mandray anjara amin'io tsiron-kazo io izay tsy hafa fa ny ràn' i Jesosy Kristy. Tsy misy loharanon'aina hafa. Raha tsy raisintsika eo izany, dia tsy manana fotsiny izao isika. Tsy maintsy mandray fiovam-po. Iza? Ny sampana. Tsy maintsy miova fo ny sampana. Handray loharanon'aina hafa ny sampana. Tapaka teo amin'ny fototra niaviany izy, dia napetraka eo amin'ny tena voaloboka izao, ary ny sakafo avy amin'ny tena voaloboka izao dia ahatonga azy hanana karazam-boany vaovao. Hanana fanandramana vaovao izy, fo vaovao satria ny fon' i Jesosy izao no manome aina

mikoriana ho an'io sampana io; Tsy maintsy mampilefitra ny sitrapony amin'ny sitrapon'Andriamanitra izy.

Eto dia manomboka ny zava-manahirana ho antsika. Tsy maintsy mampilefitra ny sitrapon'ny tenany amin'ny sitrapon' Andriamanitra isika. Hisy tolona sy ady amin'ny sakana avy ao anaty sy avy eo ivelany amin'izany. Tsy maintsy hisy asa mampahory momba ny inona re? Fisarahana. Asa mampahory amin'ny fisarahana sy firaiketana.

Inona izany. Tokony ho tafasaraka amin' inona aho? Ny avonavona. Hitanao fa izany no zavatra tena voalohany tsy maintsy ataon'ny olona miavona, ho kapaina hisaraka amin'ilay loharanon' avonavona efa tranainy isika. Ilay fototra izay nampitombo ny avonavona raha ny tena izy, Hosarahana amin'ny avonavona, ny fitiavan-tena, ny ebebo, ny fitiavana an'izao tontolo izao isika. Tsy maintsy horesena ny fahotana amin'ny endriny rehetra. Tsy misy afa-tsy lâlana tokana ahazoana mandresy azy dia ny ho tafasaraka aminy. Tsy maintsy tafasaraka amin' ny inona ianao? Amin'ny loharanon'ain'izany zavatra izany. Ny loharanon'ain'ny avonavona, ny fitiavan-tena, ny fahotana araka ny endriny, dia izao tontolo izao izany.

Tsy maintsy hosarahina amin'ny fitiavana an'izao tontolo izao aho izany. Izay no antony hilazan'ny Baiboly hoe: raha tia izao tonolo izao isika dia tsy maninona ny fitiavan' ny Ray? Tsy mitoetra ao amintsika. Ka tsy afaka manao marimaritra iraisana ianao, tsy afaka mampifangaro azy roa ianao; tsy afaka ampitambatra azy ianao, mifanohitra mankarary ireo. Ary ny olona izay heverinao fa afaka mamikitra an'izao tonrolo izao amin'ny tånany ilany ary Jesosy Kristy Tompo amin' iray, dia mamita-tena fotsiny. Tena tsy azo atao tanteraka mihitsy izany. Izay no antony ahitan'ny olona maro ny fiainan'ny Kristiana ho sarotra sy mampahory, mandalo zava-tsarotra toy izany ve ianao?

Mivembena izy ireo, inona no dikan'ny teny hoe mivembena? Miovaova, tsy mitombina, zavatra iray no lazainy ary hafa ny ataony. Tsy misy sorena amin'izany, inoako izany.

Ny antony ahitan'ny Kristiana maro ny fiainany ho sarotra sy mampahory raha mivembena izy, miovaova, dia satria miezaka ny hamatotra ny tenany amin'i Kristy izy nefa tsy nisaraka amin'ny sampy hankamamiany aloha. Ary ny tena olana izao dia ny tapan'ny fehezan-teny voalohany. Rehefa miezaka ny hamatotra ny tenantsika amin' i Kristy isika; rehefa mifatotra amin'ny voaloboka ny sampana, iza no mamatotra? Ny mpamboatra.

Ny olana dia rehefa mihevitra aho fa afaka mamatotra ny tenako amin' i Jesosy Kristy Tompo aho, dia tiako atao ahoana izany? Amin'ny fombako. Ary mazava ho azy fa rehefa mamatotra ny tenako amin'ny voaloboka aho, dia azo antoka fa tsy hampiasa ny fomba sarotra sy mampahory manaraka ny fanaovana grefy. Tsy izay no ataoko. Satria, tsy ny taho-fotra ihany no tokony horatraina, fa, raha atao grefy aho, dia tsy maintsy misy fandratsanana maharary atao amiko koa. Tsy iny sampana be iny no alaina, iny sampana be eo ivelany iny, izay efa nitondra izao karazam-boany izao ka atsofoka atao grefy. Fa hetezany izany. Amboariny izany. Tapahiny ary ataony izay ahazoany hifanaraka amin'ilay foto-kazo, dia fatorany ao amin' ilay foto-kazo ka manomboka mandray famelomana vaovao tanteraka.

Raha ny tenako no manao io zavatra io, dia izao no holazaiko: Tompo o, aoka hiara-mandeha fotsiny izaho sy ianao. Hila ny fanampiana aho eny am-pandehanana eny. Tena amin'ny foko madio izao ary heveriko fa ho vitako izany nefa inoako fa mila ny fanampiana aho. Raha ny marina, dia tena fomba fisainana kristiana eo amin'ny olona maro dia maro izany. Isaky ny tafintohina aho Tompo, dia aoka ianao hijanona akaiky ahy, satria hila ny fanampiana aho isaky ny misy io karazana olona io. Hoy kosa Jesosy: raha tsy miaraka Amiko kosa ianareo dia tsy manao na inona na inona.

Koa niresaka tamin'ny mpianany Jesosy, iny alina farany iny, nandritra ireo ora vitsy farany niresahany. Niezaka Izy hanampy azy ahatsapa ny fahalemeny. Mazava aminao ve

fa malemy ianao? Izany no zava-dehibe. Tokony ho tonga saina amin'ny fahalemena tanteraka ianao; tsy maintsy tsapantsika ny fiankinantsika feno amin' Andriamanitra.

Inona no dikan'ny teny hoe “feno”? Farany indrindra. Ny fiankinantsika amin' Andriamanitra hatramin'ny farany indrindra. Misy fizaran-dahatsoratra hafa koa manao hoe: “raha tsy mbola milefitra tsy misy fepetra amin' Andriamanitra ny olombelona dia tsy mitoetra ao amin'ny tena voaloboka.” Raha tsy mbola milefitra tsy misy fepetra ny fo. Inona ary no dikan'izany? Tsy misy hazonina. Raha mbola tsy milefitra tsy misy fepetra amin' Andriamanitra ny fo, dia tsy mitoetra ao amin'ny tena voaloboka ny olona ka tsy afaka hamelana ao amin'ny tena voaloboka ary hamoa sampahom-boaloboka sarobidy. Tsy misy afa-tsy lâlana tokana ahazoana manao izany dia ny hoe raha tsy milefitra tsy misy fepetra amin'ny voaloboka.

Voalohany indrindra, ny sampana izay mamoa dia hamboarina. Inona ary ny fanamboarana na ny fanadiovana. Inona no fanamboarana? Ny fanadiovana. Rehefa mahery vaika ny fanamboarana na ny fanadiovana, araka ny hevitrao, inona no ampiasain' Andriamanitra hanamboarana na hanadiovana? Ny fitsapana no ampiasainy. Misy olona tsy hamboarina firy, tsy izany ve, mahalala Kristiana aho izay toa tsy manana olana firy mihitsy. Angamba tsy asehony izany. Mety ho izany. Ho an'ny sasany kosa dia fomba fanamboarana azy ny zavatra mizotra tsara, miteny ho azy izany. Mahazatra eo amin'ny Kristiana ny mandray ny fitsapana, ny zava-tsarotra avelan' Andriamanitra hihatra amintsika ho fanamboarana sy fanadiovana. Heveriko fa milaza marina aho fa ny ankabezantsika dia manaiky fa marina izany. Ho gaga anefa ianao raha miverina eo aùin'ny andininy faha-3 isika ka hahita zavatra hafa,

Jaona 15:3. Miteny mazava izao Jesosy aloha ny hire-sahany amin'ny mpianany momba ny “mitoetra” sy ny maha-tsy maintsy an'izany rehetra izany. Milaza Izy izao hoe efa madio rahateo ianareo noho ny teniko izay no-

lazaiko taminareo. Resy lahatra tanteraka aho fa ny tenin' Andriamanitra ary ny tenin' Andriamanitra samirery no antsy manao ny fanaùboarana; Mety hisy fitsapana sy zava-manahirana eny am-pandehanana eny izay tena mahasorena antsika. Tsy dia mahasorena antsika ireo zavatra ireo raha ny tena izy. Fa ny zavatra izay mahasorena antsika momba ny fitsapana sy ny zava-tsarotra dia ny ala-olana omen'ny Tenin' Andriamanitra antsika momba ireo fitsapana sy zava-tsarotra ireo. Mino izany ve ianao? Arakao ve ny tiako holazaina? Hitanao fa tonga amintsika ireo olana ireo ary mitady ala-olana ao amin'ny tenin' Andriamanitra isika. Dia mazava izany. Ary ùatetika ny ala-olana dia ny hoe Minoa Ahy. Tsy tiantsika izany satria mora kokoa ho ahy ny hiroso raha manao zavatra aho.

Io no loharanon-kery ho antsika, io no hany loharanon-kery ho antsika. Avy eo no iaviany nefa mitady hatraiza hatraiza isika. Handeha ho any amin' i Nenitoa Jeannie isika, any amin' i Dadatoa Tom. Handeha hatraiza hatraiza isika, hamaky ny zavatra rehetra, hanao izao zavatra rehetra izao afa-tsy ny handray ny voaloboka; satria tsy tiantsika ny ala-olana omen'ny voaloboka antsika. Hihevitra lalindalina kokoa ny amin'ny rà'n' i Jesosy Kristy. Zavatra tokana ihany no ambaran'ny Baiboly dia Jesosy Kristy irery ary Izy voahombo. Izay no hany zavatra ambarany. Hatreo aùin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy, tantara tokana no haverimberina amin'ny fomba maro samihafa ny amin'ny fahafatesan' i Jesosy Kristy, ny nahafatesany hisolo antsika, ny fiainany, ny fahafatesany ho ahy sy ho anao. Ary izay no hany tantara voalaza ao amin'ny Baiboly izay mamolavola ny fiainanao sy ny ahy.

Nefa tsy manintona izany satria tsy misy azon'ny voaloboka atao afa-tsy ny mankasitraka izany fotsiny. Ny mi-ankina feno amin'izany sy ny matoky izany tanteraka. Izay ihany. Tsy fanandramana tena mampiantanentana izany, tsy izany ve? Hitanao fa tsy tena mamirapiratra izany. Tsy zavatra entinao mivoaka izany ka hivelezana amponga.

Miankina sy mino fotsiny ianao. Fantatr' i Jesosy tsara ny maha-zava-dehibe an'izany ary rehefa nilaza tamin'ny mpianany Izy fa izay no valiny rehefa andeha hisetra ny fanandramana mahatsiravina indrindra izay nety hose-trainy Izy. Ora vitsy fotsiny tao aorian'izao, dia hihatrika ny fahakiviana lalina indrindra teo amin'ny fiainany ireo. Ora vitsy ao aorian'izao, dia ho faty Jesosy Kristy ka ho eo ivelany izy ireo hihifikifi-doha hanao hoe "noheverinay fa Izy no hanafaka an'Isiraely".

Ary tao anatin'izany fahakiviana izany indrindra no nahatsapany io fanandramana feno io. Hoy Jesosy raha tsy mitoetra ao amin'ny voaloboka ianareo, dia handresy anareo ny fihetseham-ponareo. Raha misotro lalina ny ràn'i Jesosy Kristy ianareo dia Ilay voaloboka, dia ho resy ny fihetseham-ponareo. Ary tsy hofehezin'ny fihetseham-ponareo ianareo. .

Loza manao ahoana raha sarotra ho antsika ny hahalala fa ny tokony hifehy antsika ny fihetseham-pontsika fa isika no tokony hifehy azy. Nahoana? Hita fa rehefa tsy mitoetra ao amin' i Kristy intsony isika no tena mahatratra antsika ny fihetseham-pontsika, Ary tsy mampaninona ahy raha ianao na olon-kafa, isaky ny maratra ny fihetseham-poko na voakasika, na mitovy amin'ny anao ny fihetseham-poko, izany no izy satria tsy mandray ny fifaliako, ny heriko, ireo vokatry ny Fanahy tahaka ny fitiavana, fifaliana, fiadanana aho. Miezaka ny ahazo izany avy aiza aho? Avy amin'ny loharano avy ety ivelany. Raha raisiko avy amin' i Kristy izany, inona no fahasamihafana amin' izay mitranga raha Izy no loharanon'izany ary inona no fahasamihafana raha mitranga amintsika avy eo ivelany izany?

Izany ho nanoratan' i Paoly tamin'ny fomba tena kanto ny hoe: na dia vaky sambo aza aho, na dia maty noana aza, sy niaran'ny zavatra rehetra dia nofaranany ny teniny tamin'ny filazana fa tsy nisy nampaninona azy ireo zavatra ireo. Tsy nisy na dia iray aza satria nahita ny loharanon'ny fiainany izy. Io loharano io dia ny voaloboka. Ary raha mianatra ny

hitoetra ao amin'ny voaloboka isika dia tsy mampaninona ahy izay loharano iavian'ny tafiodrivotra. Tsy mampiontsona antsika izany.

.. Lazao ahy anefa. Oviana no nahakivy anao farany noho ny fihetseham-po? Oviana no nanosika anao ny fihetseham-po? Nisy zavatra nataonao satria nahatsapa an'izao na izatsy ianao? O! Tena andevon'izany fihetseham-po izany isika. Izany no fomba ahazoan' i Satana antsika. Ary tsy misy fomba hialana amin'izany afa-tsy ny mitoetra ao amin'ny voaloboka. Izay ihany no lâlana. Fa rehefa mitoetra ao amin'ny voaloboka dia lasa ny fihetseham-po. Hoy Jesosy efa madio ianareo noho ny teniko ary raha raisinao ny dikan'izany feno dia izao no izy: ny tena lazain' i Jesosy dia hoe: ankehitriny efa madio ianareo noho ny finoana ny teny izay nambarako taminareo amin'ny finoana an'izany. Tsy ninoan'izy ireo izany. Ora vitsy tao aorian' izao fotsiny dia nahita izy. Ary andro vitsy tao aorian' izao dia nanomboka nahita izy

Hafa ny fandehan-javatra ary nanomboka ho azony fa fantatr'i Jesosy ny zavatra noresahiny, koa ireo lehilahy izay niavaka tamin'ny toetra nivadibadika izay nianarantsika dia nanjary natanjaka sy andry azo niankinana. Matotra tsy nisy toa azy, ilay Petera nivaralila, izay olona mbetika mafana, mbetika mangatsiaka, dia nanjary andry ho an' Andriamanitra, ny antony dia nianatra ny mitoetra izy, ny hiandry fotsiny, hiandry ny Tompo, ny mikasika Azy ary ny mino Azy. Andriamanitra hitahy anareo raha mianatra ny mitoetra ao amin'ny voaloboka ianareo.

Vavaka: Rainay izay any an-danitra, nandray ny fahamarinana sarotra indrindra sy lehibe indrindra voarakitra ao amin'ny teninao izahay, izay milaza marina dia ny fahamarinana izay milaza fa raha misaraka aminao izahay, dia tsy mahay na inona na inona. Tompo ô, tsy manan-kery izahay, tahaka ny sampana notapahina tamin'ny loharanon' ny fiainana, ary malazo ka tsy mendrika afa-tsy ny afo, koa raha tsy mitoetra ao Aminao izahay, dia tsy mendrika afa-tsy ny

hodorana; Tompo ô, aoka ho tsapanay bebe kokoa izany ary isan' andro isan' andro dia hiankina Aminao izahay, hatoky anao, hino anao ary tena handray ny teninao ao amin'ny fiainanay mba hamoazanay. Enga anie izany voany izany, ry Tompo malala ho vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-soa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po, ilainay avokoa ireo toetra mampihavaka ireo, Tompo ô, izay tena ilaina hitaratra eo amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao, handraisany eo amin'ny vahoakan' Andriamanitra izay ahavoatarika azy eo amin' i Kristy amin'ny alalanay. Henoy ny vavakay. Misaotra Tompo malala ô mihaino anay ary angatahanay izany fitahiana rehetra izany amin'ny anaran' i Jesosy izay maty, nitsangana indray teo am-pelatanany, Mpamonjy. Amin'ny anarany no hanandratanay izao vavaka izao Amena.

3.

Raha tonga eto isika, eto amin'ity toro-hevitra faran'izay sarobidy nomen' i Jesosy ny mpianany ity, dia azonao lazaina marina tokoa fa io no fara-hafatra sy didim-panànana navelany talohan'ny nahafatesany. Io no toro-hevitra nomeny rehefa niala ny efitrano ambony Izy ary talohan'ny nizorany ho any Getsemane, tsy nahery ny adiny roa izany niarahany tamin'ny mpianany izany. Jaona 15, 16, sy 17 dia manambara izay nolazainy marina. Ny momba ny voaloboka tao ivelany tao, iny diabolana iny, no notantarain'ny mpanompovavin'ny Tompo fa nanombohany ny resaka. Nivoaka Izy ka nahita io voaloboka io, tsara tarehy raha notarafin'ny diabolana. Nijoro nanoloana ny voaloboka Izy, izay tandindon'ny vahoaka sy ny firenena Jiosy araka ny fiheveran-dry zareo azy. Noheverin'izy ireo fa mampiseho azy ireo ny voaloboka. Dia hoy Jesosy: "Izaho no tena voaloboka". Nahatohina marina izany. Nahatohina marina izany satria ny voaloboka hatrany no zava-maniry mendrik'haja indrindra ho an'ny Jiosy. Nefa izao, ilay laviny indray, no manodin-dresaka ka manao hoe "Izaho no tena voaloboka". Mafy taminy izany.

Midina eo amin'ny andininy faha-4 isika. Nambaran'i Jesosy teo amin'ny andininy 1, fa Izy no voaloboka, ny Rainy no mpamboatra. Milaza Izy eo amin'ny andininy faha-2 fa ny sampana izay tsy mamoa dia esoriny ary diovinny ny sampana izay mamoa mba hamao bebe kokoa. Asehon'ny andininy faha-3 ny fomba iavian'izany fanadiovana izany. "Efa madio rahateo ianareo noho ny teniko izay nolazaiko taminareo": Avy amin'ny Baiboly, ny tenin'Andriamanitra ny fanadiovana. Tsy misy toerana hafa iaviany. Manjary madio isika rehefa miray amin'ny tenantsika ny teny. Ambara ao amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy io teny io ary fiteny tokana no hitenenany. Io lesona tokana, io

fiteny tokana izay ampiasainy io dia Kristy; “Dinihinareo ny Soratra Masina fa ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy”, hoy Jesosy. Tsy misy afa-tsy hafatra tokana. Izany no tena votoatiny. Raha nandinika ny andininy faha- 4, sy faha-5. isika, tamin’ny herinandro lasa, dia nandany fotoana lava nanadihadiana io resaka fanadiovana io. Inona marina moa io fanadiovana resahin’ i Jesosy io? Ny fanadiovana na ny fandratsanana dia karazan-javatra atao amin’ny voaloboka. Rantsanana ho tapaka. Rantsanana hiala. Izay niasa tao amin’ny tanimboaloboka dia mahalala ny tena dikan’izany. Nanana izahay, taona maro lasa izay. Asa be ny mitety ny tanimboaloboka hanadio azy. Nianarantsika anefa fa ny hoenti-manadio eto dia ny teny. Ary tsy dia ekena izany amin’ny ankapobeny. Raha ny marina, rehefa milaza amintsika ny Baiboly izay tokony hodiovana ao amin’ny fiainantsika, dia mahazatra antsika ny manangana adi-hevitra. Tsy tena vonona isika hanaiky tsotra ny toro-hevitry ny Tompo, fa aleontsika miezaka mandadahatra eo. Dia hoy isika hoe: “Eny e, heveriko fa mety izany ho an-dry - Smith, fa tsy azoko antoka kosa fa mety ho an-dry Jones izany. Hitanao fa ampiharina amin’ny hafa foana io zavatra io, fa tsy ampiharina amin’ny tena. Nefa miteny mivantana amintsika ny Baiboly fa mety hampiaiky sy hanitsy antsika izany; Ary izay no katsahantsika eto. Valiteny momba ny inona izany? Tsaroanareo, fa mahatonga antsika ho afaka hamoa bebe kokoa izany. Ny hany fomba hamoazana bebe kokoa dia ny fianarana, sy ny fampiharana an’io fianarana io eo amin’ny fiainan’isam-batan’olona. Tsy mitondra soa firy ny fahalalana fotsiny ny Soratra Masina. Tsy manampy antsika izany. Tsy ahazohana tombony raha tsy efa ampiharina izany. Amin’izay dia tena manjary resaka famoazana izany. Ny famoazana dia tsy resaka fanangonana olona bebe kokoa hampilefitra ny fiainany amin’ i Jesosy Kristy Tompo. Ny famoazana izay resahin’ i Paoly ao amin’ny boky ny Galatiana dia rehefa milaza izy fa ny vokatry ny

Fanahy dia inona, - fitiavana, fifaliana, fiadanana, faharipo, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemam-panahy, fahononam-po. Ny fahononam-po no manaraka ny faharetana sa ny faharetana no manaraka ny fahononam-po. Saro-baliana izany. Nefa lazaina fa samy vokatry ny Fanahy ireo rehetra ireo amin'ity ohatra manokana ity, satria mitaratra eo amin'ny fiainana Kristiana izy rehetra Ary izay no mahatonga ny famoazana bebe kokoa. Ary izay no planan' Andriamanitra.

Tsaroanareo koa fa nisy fanontaniana faharoa tamin'ny herinandro lasa. “Iza marina no mahatonga ny vokatra ho bebe kokoa? Inona no mahatonga izany? Ny Tenin' Andriamanitra – ny fampiharana ny Tenin' Andriamanitra ao amin'ny fiainantsika. Iza ary inona no mahatonga azy hamoa bebe kokoa? Ny mitoetra ao Aminy; tena mazava fa ny voaloboka no mahatonga ny voa hisy. Afaka mitondra inona ny sampana? Tsy misy na inona na inona raha tsy mitoetra ao amin'ny voaloboka ka mifamatotra aminy, mandray ny famelomana avy amin'ny voaloboka dia manjary fantsona. Izay no tian' Andriamanitra ataontsika tsirairay. Misy olona marina mifandray amin'izany. Kristy no voaloboka, mazava ho azy izany, ny mitoetra ao amin'ny voaloboka dia mahatonga ny tsy maintsy hanarahantsika izay voalazan'ny Soratra Masina hoe: “tomoera Amiko”. Inona no tapany manaraka? “Ary Izaho ao aminareo” Zotra mifanena izany; Misy olona maro tia ny mifamatotra amin'ny fiangonana, ary mihevitra fa namatotra ny tenany tamin'i Jesosy Kristy Tompo izy; hiverenantsika ny momba izany ao aoriana kely. Ary tena tsapan'izy ireo fa manana ny antoka tadiaviny izy. Ny fiantohana na izay tianareo iantsoana azy. Tsy misy ifandraisana amin'ny famonjena izany, raha ny tena izy, na ny tena antoka. Ny iavian'ny antoka dia tsy isika mitoetra ao Aminy fotsiny, fa Izy mitoetra ao amintsika. Izay no tena iavin'ny antoka, raha ny marina. Asehon' i Jesosy mazava eto fa Izy no mahatonga ny voa ao amin'ny fiainantsika, Mahatonga antsika hamoa

bebe kokoa Izy ary amin'ny farany hamoa be, ary izay no zava-kendreny. Ahoana no ampitahanao na hanazavanao ny fampianaran'ny Soratra Masina avy amin'ny toro-hevitry i Jesosy io, raha ampitahaina amin'ny Apokalypsy toko faha-22, andininy faha-14, raha niteny Jesosy hoe: "Sambatra izay mankato ny didiny, mba hananany fahefana amin'ny hazon'aina, sy hidirany amin'ny vavahady ho ao an-tanàna?" Toko sy andininy henjana izany? Nanahirana ny sain'ny Advantista maro naharitra ela. izy io "Sambatra izay mankato ny didiny, mba hananany fahefana amin'ny hazon'aina io". Iza, amin'ny dikan-teny ankehitriny dia tsy izany no hilazana azy. Iza no voalaza: "Sambatra izay manasa ny akanjony". Tsy dia azoazon'ny Advantista sasany izany, nefa ao amin'ireo soratanana tranainy sasantsasany ka tokony hekentsika koa. Raha ny marina, dia zavatra mitovy ihany ireo. Ahoana no hanazavanao na ampitahanao ireo andininy roa ao amin'ny Soratra Masina ireo? Inona no resahina ao? Hoy Jesosy: Raha misaraka Amiko kosa ianareo dia tsy mahay manao na inona na inona". Mitoetra ao amin'ny voaloboka, toy ny sampana tsy afaka mamoa samirery raha tsy mitoetra ao amin'ny voaloboka.

Ary izao: "Sambatra izay mitandrina ny didiny mba hananany fahefana amin'ny hazon'aina". Ahoana no hanazavanao ireo andininy roa ireo? Tsy afaka mifanaraka ve ireo? Mifanohitra ve ireo? ary raha mifandrindra izy dia ahoana? Tena tsy vitanao samirery izany, tsy vitako samirery. Tsy vitantsika samirery ny mitandrina ny didin' Andriamanitra. Ary na iza na iza mihevitra fa mahavita dia mamita-tena, mahatsikaiky sy tsy mety ho vita izany? Ahoana no fihevitra ny Jiosy? Misy porofo mazava tsara asehony satria nilaza taminy Jesosy fa mpampianatra ny lalàna izy kanefa tamin'izany fotoana izany koa dia niezaka sy nitady ny hamono Azy. Nino ny lalàna izay manao hoe "aza mamono olona izy" nefa, tamin'izay fotoana izay indrindra dia nioko ny hanala ny ainy izy. Izany no mahatsikaiky amin'ny fomba fisainan'ny olona, rehefa miezaka ny hampihatra ny

fanatanterahana ireo foto-kevitr' Andriamanitra samirery izy. Tsy maha-tanteraka ireo foto-kevitr' Andriamanitra isika raha tsy ny Fanahy Masina no mivelona sy mitarika ary manazava ao amin'ny fiainantsika ny hevitra ny mety sy ny marina, izao no teny hitantsika ao amin'ny Marka 12:29-31: “Ny didy manao ahoana no voalohany amin'izy 10?” Novelabelarin' i Jesosy izany hoe: “Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra, sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ry ny herinao rehetra.” Afaka manao izany ve ianao? Aoka hilaza ny marina isika, vitanao ve izany? Mazava, fa tsy vita. Tena tsy vita mihitsy. Raha tsy ny Fanahy Masina no manao izany ao aminao sy amin'ny alalanao, dia tsy mety ho vita izany. Tsy vitanao fotsiny izao izany. Azonao atao ny misafidy ny hanao izany. Azonao ampiasaina ny sitraponao. Eo sy izany no mahatonga ny fiainan'ny Kristiana hivelomana ao amin'ny sitrapo fa tsy eo amin'ny lalana, tsy midika akory izany fa tsy mirindra ny lalana. Fa tsy ny olona no mitarika ny lalana. Ny sitrapo no tarihin'ny maha-olombelona ary ny lalana dia manjary tarihin'ny Fanahy Masina. Eo no mahalavo antsika; Mieza-ka ny manao ny anjaran'Andriamanitra isika ary tiantsika hanao ny anjarantsika Andriamanitra. Ny anjarantsika dia ny misafidy an'Andriamanitra amin'ny toe-javatra rehetra. Mora ery izany miala amin'ny planan' Andriamanitra ary ny maka ny toeran'ny mpamily rehefa misy zavatra manakorontana ao amin'ny fiainantsika. Tsaroanao ve ny fanoharana ankehitriny nataon' i Morris Venden, voatahiry any ho any izy izay fa tsy tadidiko. Mahavariana ny mahita fa mora amin'Andriamanitra ny mamaly ny faniriansika rehefa raisintsika indray ny familiana. Tsy manangana ady Andriamanitra. Mitana ny familiana Izy. Mitarika ny fiainantsika Izy, nefa isaky ny tiantsika, dia azontsika raisina ary miala fotsiny tsy ho eo amin'ny lalana Izy. Tsy miteny Izy hoe: Tsia, henoy aloha, ajanony dia mieritrereta. Izaho no mitondra ary tsara ny diantsika. Raisinao izao ny familiana, dia hivarina ho any an-tatatra ianao”. Tsy miteny an'izany

mihitsy Izy. Miala fotsiny Izy, dia raisinao ny familiana ary iny ianao fa any an-tatatra. Na angamba tsy mbola tao mihitsy ianao. Fa raha tao an-tatatra ianao, dia satria izay foana, izay foana, satria noraisinao ny familiana. Fantatro izany teo amin'ny fiainako. Isaky ny mandray ny familiana aho dia indro fa any an-tatatra, ary tsy maintsy miantso olona hanampy. Dia tonga ny Tompo manafaka ahy., tsy maintsy ho izany ihany. Impiry impiry isika no mianatra fa tsy afaka mifehy, tsy mahay mitari-dàlana. Andeha hiverina any amin'ny filazantsaran' i Jaona.

Andininy faha-12; inona ilay didy voalohany? “Tiava an’ i Jehovah Andriamanitrao amin’ny fonao rehetra, sy amin’ny fanahinao rehetra, sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra.” Firy no tavela? Tsy misy firy. Izay no didy voalohany. Tia an’ Andriamanitra? Ny didy faharoa na ilay didy izay nambaran’ i Jesosy manokana dia manao hoe: “Mifankatiava tahaka ny nitiavako anareo. Tsy vita mihitsy ny manoratra izany ho teny na dia ao amin’ny Baiboly aza, satria ny Baiboly dia mazava ho azy, fa natao tamin’ny tenin’olombelona notenenina. Marina amin’ny fahendren’ Andriamanitra izany, nefa raha ny tena izy dia avy amin’ Andriamanitra mihitsy na ny teny aza, raha ezahinao atao an-tsary ny teny hoe: ‘tiava an’ i Jehovah Andriamanitrao amin’ny fonao rehetra, sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra’”, rehefa ataonao ho sary tena izy izany dia mihoatra lavitra. Tsy mety ho azonao. Koa nirahin’ Andriamanitra Jesosy mba hanomezany antsika fanaporofaona velona ny tena izy. Ka io ihany no nambaran’ i Jesosy amin’ny teny tsotra. “Tiava ny namanao tahaka ny tenanao”. Mifankatiava tahaka ny nitiavako anareo”. Ahoana no itiavako ny namako tahaka ny tenako? Tiako ny namako tahaka ny tenako tahaka ny nitiavan’ i Jesosy ahy . Mampahazava azy ve izany? Raha tsy izany, ny tokony ha-taoko dia ny miverina mianatra ny fiainan’ i Jesosy. Mijery ny fiainan’ i Jesosy. Aseho ho ohatra ao ireo fampianaran’ny Soratra Masina rehetra. Ny foto-pinoana rehetra, ny fam-

pianarana rehetra, ny fanandramana rehetra eo amin'ny fiainana dia voafono tao amin'ny olona iray. Kristy. Ao daholo. Ary raha te- ahafantatra ny valin'ny olona rehetra eo amin'ny fiainana aho, dia mandray ny Soratra Masina aho; “Dinihinareo ny Soratra Masina satria ataonareo fa ao aminy no ananareo fiainana mandrakizay ary ireny no manambara Ahy”. Ary ny fiainan' i Jesosy, ny fikendreny manontolo, ny asany ho an'ny taranak'olombelona, ny planan'ny fanavotana dia samy natao ho ohatra teo amin'ny aloky ny fanompoam-pivavahana fanatitra. Ao daholo ireo. Izy no Zanak'Ondry. Izy no fanatitra. Ary nampiseho ny fiainan' i Kristy ireo fanompoam-pivavahana rehetra amin'ny isa-tsokajiny. Azon'ny olona ve izany? Azony ve? Vitsy dia vitsy no nahazo; tonga eo amin'ny fiainan' i Kristy teto an-tany isika; dia hitantsika naseho ho ohatra ny sary manontolo, niainana. Ary izay indrindra no resahina. Momba izany manontolo io resaka famoazana io. Raha miverina eo amin'ny andininy faha-4 isika, izay nianarantsika hatramin'izay momba ny voaloboka sy ny sampana izay, inona no holazaintsika ny amin'izay tena nikendrena ny sampana? Ny tena anjaran'ny sampana?.Ny tena asany? Hamoa? Hitoetra? Manana hevitra roa isika izao eto. Ho tonga fantsona? Tena marina izany. Ny resaka famoazana foana ary ho izany mandrakizay no eritreritra manaitra ny sain'ny olombelona. Ny hevitra momba ny vokatra farany, manahy ery isika ny amin'ny vokatra farany. Tena vitsy ny olona nahalala izany faharetana voajanahary izany; Izay manam-paharetana voajanahary. Efa nahita olona toy izany ve ianao? Izaho tsy mbola nahita. Tsy mbola nahita aho. Tsy mbola nahita olona manam-paharetana hatramin'ny nahaterahany aho? Mety nahita izay angamba ianareo. Olona manokana mihitsy izany raha nisy, satria tsy inoako ny hisian'ny izany. Raha tsy hoe tonga ao am-pon'ny olombelona ny faharetan'ny Tompo Jesosy. Mety maharitra zavatra ny olona, miandry ny Tompo. Betsaka ny olona tia ny hiroso hanao izany, na toy inona na toy inona izany, ary

tsy vonona hiandry ny Tompo. Ny olana momba ny mahasampana sy ny mamoa, mamoa ny tena voa, dia ny hoe tsy misy na inona na inona azonao atao momba izany. Misy ve? Izay hany azonao atao dia ny mihantona eo amin'ny voaloboka, mijanona eo? Ary inona no azonao atao momba ny famoazana? Mitondra ravina bebe kokoa? Hamokatra? Inona no azonao atao? Tsy misy azonao atao; anjara asa iray ihany ny anao. Etsy ankilany, ny resaka mitoetra dia zavatra azontsika atao. Tahaka ny hoe mifindra eo amin'ny sezan'ny mpamily izany.

Azontsika atao ny miala ny voalobok'Andriamanitra amin'ny fotoana tiantsika hialana ary tsy manangana fanorisorenana mihitsy momba an'izany Izy. Tsy mampaninona Azy izany. Mifindra fotsiny Izy ary avelany isika hahita ny vokatra mazava. Azontsika atao ny miala ny voaloboka. Na oviana na oviana tiantsika; betsaka amintsika no niditra sy nivoaka efa in-jato. Raha tianao ny tena valiny ny amin'izany, aoka hojerentsika ny ambadik'izany ka hilaza hoe: "Aiza no faritra tena hiasan' i Satana mafy?" Ny "mitoetra" sy ny fijanonanao ao amin' i Kristy ve no fotokevitra ijoroany hiasany ao aminao? Sa miasa ao aminao avy amin'ny foto-kevitra ny famoazana vokatra izy? Ny asa manokana ataony dia ny ahatapaka ny fifandraisanao amin' Andriamanitra, tsy izany ve? Izany no zavatra kendreny. Fantany fa milamina ho azy ny resaka famoazana voa. Rehefa azony hifantoka amin'ny voany isika, dia miezaka ny hamokatra voany amin'ny alalantsika izy, voany izay tsy kasain' Andriamanitra, noho izany dia tsy mitoetra intsony ao amin'ny voaloboka isika, fa manao inona isika? Mitoetra ao amin'ny izaho. Ary ny voany izay kasain' Andriamanitra vokarintsika dia tsy vokarintsika, fa fitiavan-tena no vokarintsika. Ny hany fomba hamokarantsika ny voany fahamarinana, ny vokatry ny Fanahy dia ny mitoetra ao amin'ny voaloboka Ankoatr'izay dia fitiavan-tena feno sy tanteraka. Ary mahafaoka antsika tsirairay izany. Mety tsy izany no heverintsika. Izany anefa no izy. Ary mampifan-

toka ny saintsika eo indrindra i Satana, eo amin'ny resaka famoazana voany, fa ny zavatra kendreny dia ny hanapaka antsika amin'ny loharano. Naseho an-tsary mazava tsara izany ao amin'ny Soratra Masina, raha niteny Jesosy hoe: amin'ny andro iaviany, ho betsaka ny hanatona Azy hilaza hoe: “Tompo ô, tsy mendrika anay izao ataonao aminay izao satria niaraka taminao foana izahay. Nanao fahagagana betsaka tamin'ny anaranao izahay. Nandraoka demonia aza izahay. Nanasitrana ny marary izahay. Fahagagana miampy fahagagana no nataonay tamin'ny anaranao.” Ary ho toy izao ny tenin'ny mpampianatra: “Mialà Amiko, ianareo mpanao ratsy, tsy fantatro akory ianareo. Mety hisy izany mitoetra ao amin'ny voaloboka. Mety hisy izany mitoetra ao amin'ny voaloboka, tsy tokony hampiasa io fiteny io isika, nefa tsy mitoetra ao amin'ny voaloboka. Tokony hofaritana tsara izany ny dikan'ny teny.

Andininy faha-6. Mampiseho ny vokatra farany izany, hangonina ny sampana atao ampehezana dia dorana amin'ny farany. Tsy maintsy toe-javatra amin'izay tena araka izay naseho anareo dia ny mijanona ao amin'ny sampana nefa tsy mitoetra. Nojereko ny raki-bolana Webster ka nanontaniako Webster izay famaritany ny hoe mitoetra. Taitra ihany aho. Famaritana efatra samihafa no noraisiko. Vitsy izy ireo nefa tena nanaitra ahy ny famaritana Toa ny mitoetra. Inona no dikany araka ny fiheveranao? Makà-bahana tsara hihaino. Heveriko fa somary niova ny dikany ny mitoetra nefa na dia izany aza, hoy ny Webster hoe: “Ny miaritra tsy milefitra” dia famaritana iray, “miaritra amim-paharetana”, iray hafa. “Manaiky tsy misy fandavana” hafa koa? Famaritan'ny Webster izany fa tsy ny ahy.” Mitoetra tsy mihozongozona”, hafa ihany koa. Afaka manokona adivevitra marina isika mikasika azy rehetra. Angamba mety hahasoa izany? Nefa mety mahita ny tenanao ao amin'ny voaloboka ianao sady ho olona milefitra. Mihilangilana.. Lazain'ny Jesosy ho toy ireo ampitambolibolenin'ny rivotry ny fampianarana samy hafa ireny, nefa raha ny marina

dia mino izy fa mifandray amin'ny voaloboka. Mihevitra an'izany aho noho ny foto-kevitra hiheverako-tena fa ao aho. Mahatoky aho fa ao. Raha tsy izany dia tsy ho nisy ny sarin'ireo tonga ka nanao hoe: “Jereo, Tompo ô, tsy mety ny ataonao ahy”. Madio ny ao am-poko fa voafitaka aho. Tsy mazava mihitsy ny fitaka. Tena madio ny foko fa ao amin'ny voaloboka aho. Itokisako izany. Raha tsy izany dia tsy nisy ireo antokon'olona ho avy hilaza hoe; “Henoy Tompo ô, Tsy mety ny ataonao amiko. Tsy tokony hatao izao aho. Tokony ho tsara kokoa ny fitondranao ahy satria nanao an'izatsy sy izaroa aho.” Koa ny tena mitoetra ao amin'ny voaloboka izany dia resaka inona? Fihetseham-po. Tsy resaka fihetseham-po. Tsy ny fahatsapako ho tsara, ratsy na tsy rototra. Fa miverina tsotra any amin'izay manadio. Inona no manadio? Tsy adinonao sahady ve izany? Vao naverintsika izany, iray minitra izay? Inona no manadio? Ny teny. Miverena any amin'ny teny. Raha tsy mifandrina amin'ny teny eny amin'izay diaviko ny fiainako, dia mamitaka ny tenako aho. Ny zavatra resahintsika eto dia ny hoe Jesosy Kristy no voaloboka. Ao anatintsika ao, dia mety mamita-tena isika amin'ny fihetseham-po fa tsy amin'ny firosoana ho eo amin'ny fanadiovana ka hamoa. Mety hitranga, satria ny sampana, raha tsy diovina hamoa bebe kokoa, sy hamoa betsaka, dia inona? Nefa oviana izy no hoesorina, oviana izy no tsy mamoa? Tsy esorina izy, raha tsy tonga ny fandorana azy? Raha nanaiky an'i Jesosy Kristy Tompo aho, oviana no kosehina ny anarako? Rahoviana izany? Rehefa mikatona ny varavaram-pahasoa-vana? Amin' izay no mitranga ny fanadiovana, tsy izany ve? Manoratra ny anarako ve Andriamanitra ary mikosoka azy rahampitso, mandroso sy mihemotra? Torak'izany koa ny tsimparifary Aoka hiara-maniry ny tsimparifary sy ny vary mandra-pahatonga ny fararano. Rahoviana izany? Hongotanay ve izy izao, tsia, hoy Jesosy, avelao izy haniry! Tsy tonga amin'ny fihetseham-po ny fahazahoana antoka. Tsy tonga satria ao amin'ny bokin'ny fiangonana ny ana-

rana. Tsy izay zavatra tsapako, fa araka ny asan'ny teny ao amin'ny fiainako? Na navelako hanao ny asa fanadiovana ao amiko ny Baiboly na tsia. Izany no mametra raha mbola tena ao amin'ny voaloboka aho na tsy ao intsony. Ny sampana izay tsy mahazaka ny fanadiovana dia tsy hamoa na voany kely fotsiny aza. Tsy hamoa izy raha ny tena izy. Inona ary ny voany? Ny voany dia fandraisana tsotra izao sy madiodio ny toetra amam-panahin' i Kristy eo amin'ny vatana maha-olombelona.

Eo amin'ny maha-olombelona, tsy izany ve? Ny fahamasinana dia ny fanekena ny planan'ny famonjena ao amin'ny drafitry ny fanavotana nataon' Andriamanitra ho an'ny maro; Ekeko ny fanomezana nataon' Andriamanitra teo Kalvary dia hamarinina aho, inona ho ahy anefa izany? Fanomezan-dàlana, tsy izany ve? Io no fanomezan-dàlana ho ahy ho any an-danitra. Fa miankina amin'ny fanadiovana ny fahazoako miaina any an-danitra. Ary ny fanadiovana dia resaka fanamasinana fa tsy fanamarinana. Ny fanamarinana foana no mialoha. Ary manomboka avy hatrany ny fanamasinana raha vao nohamarinina. Mandritra ny fiainana ny fanamasinana. Maharitra hafiriana ny fanadiovana?. Ny fanadiovana dia mandritra ny fotoana rehetra. Inona no ezahiny atao? Inona no antony? Hitondra antsika mihalalina hatrany ao amin'ny toetra amam-panahin' i Jesosy, dia ny hizarana amintsika ny toetra amam-panahin' i Kristy. Ary rehefa manopy ny masonry amin'ny sampana mitondra voa betsaka sady tsara Izy, dia hoy Izy anefa: “Misy zavatra kely eto izay tokony hokosehina hamirapiratra”. Tsy mahatsangana olona ny fahalalana ny Soratra Masina. Mitarika fotsiny ho eo amin'i Jesosy izay manangana ny olona izany. Izay no hany fikendren' ny Baiboly. Ny faminiana, ireo fampianarana, ny finoana – izany manontolo, raha tsy eo Jesosy, dia tsy misy dikany; Ny fanamasinana, araka ny nolazaina antsika, dia mitana ny fanamarinana antsika hisy. Tsy be fanahiana momba ny famoazana ny sampana, tsy izany ve? Ny olana dia voarain'ny devoly ianao ho be

fanahiana momba ny famoazana. Arakaraka ny maha-be fanahiana anao momba ny famoazana, no maha-kely ny voa hoentinao izay tsy karazany tsara. Izay asanao sy asako rehetra dia ny mitoetra ao amin'ny voaloboka. Tsy afaka ny tsy hamoa ny sampana raha mbola mitoetra ao amin'ny voaloboka. Tsy mety hitranga mihitsy ny toy izany. Tsy mandeha ny fanadiovana raha tsy hoe manaiky izany ny sampana. Raha tsy hodiovana ny sampana, dia tsy misy na inona na inona azonao atao. Ary raha tsy hoekenao ny fanadiovana ao amin'ny Soratra Masina, manitsy ny fiainanao, mampirindra azy, amin'izay dia tsy misy na inona na inona azo atao. Mijanona ao amin'ny fitaka fotsiny ianao. Mamitatenana mandritra ny fiainanao. Inona no manosika ahy hanao na tsy hanao? Izany koa ve no mampangatsika? Raha manosika ny tenako aho na noho i Kristy mitoetra ao amiko? Izany no toa misy tsy mifanaraka eto. Miverina eo amin'ny filazana isika fa ny mitoetra ao amin'ny voaloboka dia tsy mampamoana ny sampana ny voa izay tsy tiany voakarina.. Eo izany satria fantsona ary nampilefitra ny tenany, namela ny tenany ho rantsanana, hodiovana, mba hamokatra bebe kokoa. Mampalahelo fa indraindray, mamorona fakam-panahy ho an'ny tenantsika isika ary mandeha eo anoloan'ny Tompo, ary mamorona toe-javatra isika izay hihatrehantsika olana tsy nokasain' Andriamanitra hatrehantsika. Nefa raha mitoetra ao amin'ny voaloboka isika, tsy manahy isika satria Izy no mamaha ny olana amin'ny fitoerana.

Tsy izaho izany no mandray fanapahan-kevitra, fa ny fanadiovana izay navelako hizotra, izay nekeko hileferana. Iza ary, io fanadiovana io dia ny Baiboly, manapaka ny fahazarana ao amin'ny fiainana? Manala ahy tsy ho eo amin'izao tontolo izao amin'io karazan-javatra io. Dia manjary resaka fitsarana ny fakam-panahy rehetra na ny fihetsiketsehana izay entin' i Satana eo amiko, tsy amin'ny alalan'ny fahendreko fa amin'ny alalan' ny inona? Ny tenin' Andriamanitra ary izay ihany. Fahafinaretana izany, nahoana? Fahafinaretana satria nandalo fandratsanana isika;

Tsy fahafinaretana izany raha tsy vita ny fandratsanana, satria ilazana isika ny antony mahatonga Kristiana maro mahita ny fiainana ho sarotra sy mahakivy. Tadinareo ve izay voasoratra ao amin' ny boky "Kristy Fahamarinantsika"? Ny antony mahatonga ny olona maro hahita ny fiainana Kristiana ho sarotra sy mahakivy toy izany dia ny fiezahany hamatotra ny tenany eo amin' i Kristy. Ny teny hoe mamatotra no voambolana izy eto. Mamatotra ny tenany amin' i Kristy alohan' ny inona? Alohan' ny hamahany ny tenany amin' izao tontolo izao Ary izay no mahatonga ny fahasamihafana. Raha tsy voavaha aho ary ny fandratsanana no fomba hamahana ahy. Koa raha namahy ny fatorako amin' izao tontolo izao ny fandratsanana, dia manjary fifaliana sy fahafinaretana ny mitondra voa. Ary izao, raha hitako fa sarotra ho ahy ny manao izany, sary enti-manazava tsotra dia tsotra ity, nefa koa tena araka ny zava-misy koa. Tsy mino ny fitorian-teny momba ny sakafo isika ary tsy manome vahana an-izany, momba ny fihinanan-kena sy ny karazan-javatra toy izany, nefa kosa ao ny sary enti-manazava? Rehefa nandray ny fahitana voalohany nomena azy momba ny fahasalamana i Ellen G White, dia naseho azy fa tsy ny hena tsy akory no sakafo tsara indrindra; tsy nitoetra teo amin' izany izy; raha ny tena izy, tsy narahiny izany. Notohizany ny fihinanan-kena nandritra ny fotoana maharitra. Ary nasehon' Andriamanitra azy in-telo na in-efatra tamin' ny fotoana samihafa fa tsy tsara izany. Ary farany dia nihorona mafy taminy ny fandresen-dahatra izy fa tokony hafo izany. Ary vakiana ny tantara, tsy dia tadidiko hoe taiza izany, fa nanapa-kevitra izy hampijanona ny fihinanan-kena. Namboariny fotsiny ny sainy, ny sitrapony fa izany no izy. Nolazainy fa tonga hisakafo teo amin' ny latabatra izy ary efa nanome baiko ny mpahandro ny handroso legioma sy voankazo eo amin' ny latabatra, fa tsy hena. Nankeo amin' ny latabatra izy, dia nojereny izany, dia 'narikivy' fotsiny ny vavonony. Naharikoriko azy izany. Tsy afaka nihinana izy. Lasa izy nanohy ny asany.

Tonga indray tamin'ny sakafo manaraka, dia nandramany indray. Dia nikomy fotsiny indray izy ary avy tao anatin'ny tao no nisy izany fikomiana izany. Dia hoy izy: “Ry vavony, afaka miandry ianao, mandra-mpanekenao izany amim-pifaliana.”. Lasa indray izy tsy nihinana na inona na inona. Niverina indray izy tamin'ny sakafo manaraka – dia toy izany hatrany. Hadinoko ny isan'ny sakafo tsy nihinanany na inona na inona; angamba telo andro izy izay, lasa tsy nihinan-kanina izy, mandra-pahitany fifaliana hihinana zavatra kely. Dia hoy izy efa voakarakara avokoa ny zavatra rehetra. Voalohany indrindra, nampilefitra ny tenany izy hodiofina, ary fandratsanana izany. Tsy tian'ny devoly ny ho hesorina; Dia tonga teo izy dia nano hoe: “tsy hihinana isika mandra-pihinanantsika amim-pifaliana. Amim-pahafinaretana. Sarotra izany. Resaka sakafo fotsiny izany. Ampiharo amim-javatra hafa izany. Amin'ny fahazarana iray amin'ny fiainana. Hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika. Havelantsika Izy handratsana. Hitantsika ny devoly handresy lahatra, tiantsika ny hahitsy, nefa inona no ataontsika? Mandray izany an-tànana dia ho lavo ny fakam-panahy indray; raha ny tena izy, ka afaka miteny tsotra isika hoe, rehefa misetra ny fakam-panahy, raha tsy afaka manao izany amim-pifaliana ianao, dia mialà fotsiny tanteraka mandra-pahatonga ho fifaliana ny manao izany. Ny mitondra voa no tena zavatra voa-janahary ataon'ny sampana. Ary izany no làlan' Andriamanitra.

Tsaroanareo ve i Morris Venden izay nilaza fa nisy teny noraisiny avy tamin'ny boky izay novakiany ny antsasany dia tsy notohizany? Tiako hifantoka amin'izany ny sainareo satria zava-dehibe izany. Fizaran-dahatsoratra; p. 25, nosoratan' i W.W. Prescott.” Nandritra ny fotoana maharitra dia niezaka nandresy ny fahotana izy nefa tsy nahomby. Fantatro ny antony; hatramin'izay, tsy nanao ny anjara izay nasain'Andriamanitra nataoko aho, (mitoetra ao amin'ny voaloboka) ampihariny amin'ny fomba hafa eo nefa tiako hadika eo amin'ny fanandramana momba ny voaloboka

izany. Tsy nanao ny fanandramana nandrasan' Andriamanitra hataoko aho, izay zavatra azoko hatao, dia niezaka nanao ny anjaran' Andriamanitra aho, niezaka ny nanao ny anjaran' Andriamanitra izay tsy nandrasany hataoko aho, dia anjaran' Andriamanitra izay tsy azoko atao izany. Voalohany indrindra, tsy anjarako ny ahazo ny fandresena sy ny mamokatra voa, izay efa azon' i Jesosy Kristy ho ahy. Velona tamin'ny fiainana teto an-tany Jesosy, tamin'ny fomba tanteraka? Nanao izany ve Izy? Velona teto Izy, nandray ny toeran' i Adama Izy, ary isan'andro dia namolavola ny toetra amam-panahy izay tsy voavolavolan' i Adama Izy. Marina ve izany?

Manaraka izany, dia nahomby Izy ka nahazo fandresena. Fandresena tamin' iza? Satana. Fandresena ny fahotana? Tiany homena antsika izany, nefa tsy asa tena sarotra sy mahatahotra izany ve? Asa sarotra sy mahatahotra izany, satria nahoana? Satria tsy hanao ny anjarantsika isika, ary inona izay anjarantsika izay? Ny mitoetra ao Aminy ary ny mamela Azy hanao ny fandratsanana, ny asa fanadiovana mba handraisantsika ny toetra amam-panahiny; satria atsofony ao amin'ny voaloboka aloha isika ary raha manatsofoka antsika ao amin'ny voaloboka Izy, dia manomboka misy tsiry mitsimoka izay loza fa mitovy amin'ilay teo aloha. Ilay fiainana taloha. Ka hoy Izy hoe: "Horantsanako io". Maharary izany ry zareo a. Maharary ka. Dia hoy Izy: Ao, fa tsy hataoko, raha tsy avelanao Aho hanao azy". Dia hitantsika ilay fiainana taloha. Raha ny tena izy dia miala lavitra ny fiainany hivelomana ao amintsika isika. Tsy azo hivelomana ao amintsika izany raha tsy manaiky an-tsitrapo isika. Mariho ary izao: Manontany ianao hoe: "Tsy miteny ve ny Baiboly momba ny miaramila, momba ny tolona, ny ady? Eny, izany tokoa. "Tsy nilazana ve isika fa tsy miezaka hihiditra?" Eny. Marina izany. Ka ahoana ary? Izao ihany. Ho azontsika antoka izay hitolomantsika ary izay hiezahantsika; ny zavatra izay hitolomantsika sy hiezahantsika sy hiezahantsika atao dia ny inona? Ny mitoetra ao amin'ny

voaloboka. Tsy anjaranao ny manahy ny momba ny voa na kely aza. Tahaka ny sampana tsy manahy momba ny voa. Rehefa ampitahainao amin'ny fiainana Kristiana mandresy ny famoazana voa, dia mitovy tanteraka izany. Famoazana voa ny fandresena ao amin' i Kristy? Nahoana? Satria ny mitondra voa dia ny fandraisana ny toetra amam-panahiny. Rehefa mitaratra tanteraka ny toetra amam-panahiny ny vahoakan' Andriamanitra, amin'izay Jesosy dia ho avy hitaky azy ho fananany. Zavatra tokana ihany no andrasan' Andriamanitra, ary ny fahatanterahan'ny voa izany dia ny fizarana ny fahamasinana amin'ny tenan'ny olombelona, ny sain'ny olombelona, ny maha-olona ny olombelona, ny toetra amam-panahiny, zaraina amin-tsika fotsiny. Nomena antsika izany, ny fanamarinana sy ny fanamasinana dia fanomezana mitovy. Fanomezana feno. Misy sakana izay apetrantsika eo amin'ny lâlana indraindray, izay mahatonga antsika tsy ho afaka hahita ny fanomezana. Efa naniry hanome zavatra olona ve ianao, nefa tsy afaka nanome zavatra ianao noho ireo sakana sasantsany? Misy sakana izay tsy ahazoan' Andriamanitra hizara; Azony atao ny mizara ny toetra amam-panahiny ao amin'ny fanamarinana na toy inona na toy inona fiainantsika taloha, raha mbola milaza tsotra fotsiny ihany ianao hoe: "Tompo, manenina aho. Mamelà ahy". Hoy Izy. "Vita izay." Dia isainy ho tombony ho anao ny toetra amam-panahiny, ary manomboka eo dia manomboka mizara Izy, dia fandefasana ara-bakiteny ny toetra amam-panahiny ho ao amin'ny fiainantsika. Ary tsy zavatra mora izany. Izany no antony ilàna ny fiainana manontolo hanaovana izany. Ary eny am-pandehanana eny, mandritra ny fiainako, dia afaka miteny aho hoe: "Maharary loatra izany, Tompo ô. Aoka aloha horaisiko kely ny familiana."

Dia raisintsika ny familiana, dia mivarina any an-tatatra isika, ary mivarina any an-tatatra isika, dia hoy isika hoe; "Voa indray aho Tompo ô, raiso indray."Dia raisiny indray ka entiny kely dia hoy indray isika; "Asa re, tsy fantatro,

fa toa horaisiko indray.” Toa mora ery izany mitondra ny sambo izao”; Raisinsika indray, dia any an-tatatra indray. Izany no zavatra mitranga miverimberina foana. Raisintsika ny familiana dia any an-tatatra indray isika. Izay no zavatra mitranga, ary mitebiteby indrindra hizara ny toetra amam-panahiny amintsika Izy. Ary izany no hilazan’ny mpanompovavin’ny Tompo fa ny fanalana ny sakana ihany , no ahazoana manao izany; Ny fisedrana sy ny fakam-panahy, dia tsy nalefan’ Andriamanitra. Avelany ireo hitranga ary ny olana tonga amintsika tsy avy amin’ny fisedrana sy ny fakam-panahy tsy akory. Ny olana dia eo amin’ny valiny. Eo no tena misy mahatafintohina , raha ny marina . Avy aiza tsara hoe ny valiny? Avy amin’ny teny. Izany no olana ho antsika, fa tsy ny tena olana tsy akory. Samy mety misetra olana daholo isika, ary heverintsika fa izany no olana ho antsika . Tsy izany no olana ho antsika. Ny valiny no olana satria tsy tiantsika ekena ny valiny. Ary ny valiny dia ny fandrantanana; koa ampiasain’ Andriamanitra ny olana rehetra hifanatrehan’ny devoly amintsika. Ny fakam-panahy rehetra, ny fisedrana rehetra, ny zava-tsarotra rehetra entin’ny devoly izay avelan’ Andriamanitra ho tonga amintsika mba hanoroany antsika ny ala-olana; ny ala-olana dia Jesosy, mazava ho azy izany, na ho aiza na ho aiza. Tsy tiantsika fotsiny ny valiny. Imbetsaka tokoa no niara-nandinika tamin’olona ka hoy izy hoe: tsy mba manana valin-teny hafa mihitsy ve ianao? Tsy misy valinteny hafa mihitsy ve amin’izany, afa-tsy ny hoe Jesosy fotsiny? Tsia, tsy misy. Mahafantatra valin-teny hafa ve ianao, tsia. Mora kokoa ho ahy tokoa ny hanaiky ala-olana avy amin’ny olombelona amin’ny olan’ny olombelona. Raha misy azoko atao hamahako samirery io olana io, azoko antoka fa izay lâlana izay no hizorako aloha.. Izany no mahatonga ny fivavahan’izao tontolo izao miankina amin’ny teny ho mahasintona be lavitra.

4.

Ny voaloboka sy ny sampana. Hiverenantsika indray ny Jaona.15:1. Inoako fa tsy namonamonaina anareo ny fandinihina izany, fa vao mainka kosa nahaliana fatratra ka dia nahafoy tena nianatra ianareo. Tadidio mandrakariva eo ampamakiana ity fanoharana nataon'i Jesosy ity fa ny toko faha 15 sy ny faha 16 ary ny faha 17 amin'ny Jaona, dia ireo toko izay ahitana an'i Jesosy miresaka amin'ny mpianany taoriana ny nandaozany ny Efitra ambony ary nialohan'ny niampitany ny lohasandriakan'i Kibrona hihazo ny zaridainan'i Getsemane, izay lalana tsy mihoatra ny adi-pamataranandro roa. Nandritra izay fotoana izay no nanomezany ny fampianarana izay angamba navesadanja indrindra tamin'ireo izay nomeny rehetra, satria mikasika ireo toe-javatra izay mpahazo antsika indrindra, rehefa iny isika ka voatery hanome ireo malalantsika toromarika maro amin'ny fotoana fohy. Efa mba tojo an'izany ve ianareo? Raha i Kristy aloha, dia teo indrindra Izy e. Voatery nampita resaka betsaka araka izay tratra indrindra izy eto. Dia natombony tamin'ny resaka voaloboka sy sampana izany. Hoy Izy: "Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra". Ary ity no voalohany niresahan'i Jesosy momba an' io. Ireo mpianatra, izay jiosy rahateo, dia nihevitra ihany hatrizay, amin'ny maha - jiosy azy, fa ny vahoaka jiosy no voaloboka. Eto Jesosy dia milaza fa tsy marina izany, fa "Izaho no voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra, hoy Izy. Ny sampana rehetra eto amiko izay tsy mamoa dia esoriny; fa ny sampana rehetra izay mamoa kosa dia amboariny, mba hamoa bebe kokoa". Ampoiziko fa maro ireo antony nahatonga an'i Jesosy hanao ireo teny ireo, amin'ny fomba mivantana tamin'ity indray maka ity, satria fantany fa ireo mpianatra ireo dia handalo fanamboarana mafanafana atsy ho atsy tsy ho ela.

Tsy maintsy hisy zavatra ho rantsanana aminy, dia zavatra izay tsy ampoiziny ho tokony horantsanana aminy akory. Iza moa no manao ny fandrantsanana, raha tadidinareo? Ny Teny. Ary ny fampianaran’i Jesosy no Teny. Ny Teny izay tsy takany. Ny Teny izay tsy afaka nanao ny asany. Dia toraka izany mandrak’ankehitriny. Mbola eto amintsika ihany ny Teny, saingy tsy afaka manao ny asany Izy, raha tsy mahazo alalana avy amintsika Izy, ka inoantsika. Nihaino dia nihaino tokoa ireo mpianatra, ary dia niteny hoe ‘mahaliana tokoa izany, fatratra loatra. Kanefa inona moa no dikany izany?’ Dia iray lâlana amin’izy ireo koa isika ankehitriny. An’arivorivony ny olona no mamaky ny Teny ka mihevitra fa mahazo fitahiana no sady nandray ‘zavatra’ avy amin’izany, na amin’ny fomba ahoana na amin’ny fomba ahoana, na dia tsy azony aza izay vakiany. Toy izany ny mpianatra. Izany no nahatonga an’i Jesosy hanome ireo toro-lâlana ireo. Ary tao aorian’izany avy hatrany, dia indreo ry zareo nandalo ny fanandraman’ny firotsahan’ny Fanahy Masina. Zavatra iray loha no antony niavian’ny Fanahy Masina: mba hitoetra amin’ny Teny, ka hanazava azy ireo, hanokatra ny masonry, hanampy azy hahatakatra ny Teny mba hahazony fiainana. Ary hoy Izy hoe: “Efa madio rahateo ianareo noho ny teniko”. Izay no finoana ny teny izay nambarako taminareo. Izay no fomba tokana hanadio anareo. Izay ho fomba tokana manerana izao tontolo izao ahazoan’ny olombelona fanadiovana. Ny finoana ny Teny no manadio anareo. Fanadiovana ara-panahy izany. Izay no lâlana tokana eran-tany hanadio ny olombelona. Tsy ny batisa no manadio azy. Fanehoan-javatra ihany ny batisa, fa ny finoantsika ny Teny no manadio antsika. Dia manohy ihany Izy ary miteny hoe, “Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampana tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin’ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, ianareo no sampana. Izay miray amiko ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na

inona na inona.”. Misy fitahiana lalin-kevitra izay ilaintsika hianarana amin’ireo andininy voalohany ireo, dia ny hoe tsy misy sampana hary mitondra sampana hafa. Mahaliana e? Tsy misy sampana afaka mitondra sampana hafa. Ny sampana izany dia natao hamoa samirery, ary io famoazana io indrindra dia sady mampitodika any amin’ily fototra nipoiran’ny voa no mampitsiry ao amin’ny sampana hafa ny faniriana hamoa koa, rehefa hitany ilay tena fototra.

Rehefa voamarina ny voa ka nofantarina ny fotony, dia nisy izany sampana iray hafa koa nipoitra ary dia mahazo ny fahafahana hamoa avy amin’io fototra iombonana io koa izy, fa tsy avy amy na sampana hafa tsy akory. Araka izany, ny sampana iray tsy afa-mitondra sampana hafa koa. Ary mbola manohy ihany Jesosy ao amin’ny andininy faha 6 “Raha misy tsy miray amiko, dia ariana eny ivelany tahaka ny sampana izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may.” Fa ny andininy faha 7 no anombohantsika fandinihina lalindalina kokoa anio. Jaona 15:7 “Raha miray amiko ianareo, raha mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.” Vakio io andininy io, dia ho tsikaritrareo fa imbe dia be no efa nandrenesanao azy io notanisaina, kanefa nivoana amin’ny tontolon-keviny ka natao teny-fanantenana azo takiana amin’anton-javatra mahafaobe. Angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany raha mitoetra ao Amiko ianareo ary izaho aminareo. Kanefa misy fepetra mifandray amin’ity andininy ity. Inona moa izany fepetra ao amin’ity andinin’ny ny Soratra Masina ity izany? Ny famoazana ve? Ny fitomoerana na tsia ve? Sa hoe ianao ve mitoetra ao aminy sa Izy no mitoetra ao aminao? Sa fitambaran’ireo? Inona tokoa moa ireo fepetra sy teny fikasana azo hiansampazana ka takiana tsotra izao? Mamelà ahy hanontany e! Inona moa no anton-dresaka ifotoran’ity fanoharana ity? Inona no loha-hevitry ny fanoharana? Ny voaloboka sy ny sampana. Ary efa avy nandinika ny momba ny sampana isika. Hanao inona ny sampana? Hamoa. Misy

antony hafa ve? Tsy misy na iray aza. Tsy misy hafa tsy ny hamoa. Izay fotsiny ihany.

Ny sampana dia fantsona hamoazan'ny voaloboka. Tsy manana na inona na inona atao hafa tsy ny mamoa ny sampana. Manana anjara asa va ny sampana? Tsia. Tena tsy manana anjara asa mihintsy isika. Raha toa ka hangataka zavatra iray amin'ny voaloboka ny sampana, ary raha toa ka zavatra iray loha ihany no asany amin'ny fiainany, dia inona moa no ho angatahany? Tsy misy afa-tsy ny hamoa. Izay no azony hangatahana. Tsy afaka ny hangataka hanorina trano izy, na handeha hizaha-tany na hanao zavatra hafa. Sa tsy izany? Tsy misy hidiran'ny voa izany resaka izany satria mitsimoka fotsiny izao izy. Hoy ny sampana hoe, "Andriamanitra ô, avelao aho hamoa bebe kokoa". dia izay ihany. Izay ihany no zavatra angatahiny. Mariho tsara anie ny mahamarina an'izany e. Mariho koa fa fisainana adaladala ny fampiraisana an'izany amin'ireo fanirian'ny saina rehetra. Tena adala tokoa anie isika e! Norohidrohitintsika ankitsirano ny tenin'Andriamanitra ahafoaka izao zavatra rehetra izao, hany ka firy-firy moa ny mpitoriteny reko mitanisa io andininy io no sady milaza hoe 'angataho izay rehetra tianareo fa raha toa madio am-po ianareo, raha toa izao na izatsy, manao ito na itsy, amin'ity fomba ity na iroa fomba reroa, dia hotanterahin'Andriamanitra izany. Tsy mba izany no fanaon'Andriamanitra. Raha toa tena mangataka ny hamoa bebe kokoa tokoa ny sampana, ary ren'ny mpamboatra ny fangatahany dia inona no ataony? Atombony ilay hany fomba tokana hahafahan'ny sampana hamoa bebe kokoa. Raha ny hamoa no hany antony namoronana antsika, ary izany tokoa no izy, dia noforonina hamoa ho an' Andriamanitra isika, ary ny famoazana dia ho famoazana voa ho an'Andriamanitra, dia inona moa no angatahantsika ho ataony? Inona no angatahantsika amin' Andriamanitra? Ny hampivelatra ny toeny ato anatintsika. Sa tsy izany? Io ihany no voa, ary tsy tokony hitaky zavatra hafa isika. Anton-javatra iray loha no namoronana

ahy sy ianao... ary izany dia ny haneho inona? Ny endrik'i Jesosy. Ary raha mihevitra ianao fa ny fanananao ny fiarakodia vao sy tsara indrindra no hanampy anao haneho ny endrik'i Jesosy dia mivoana amin'ny sain'i Jesosy ny sainao. Ary noho izany dia tsy dia hoe mangataka zavatra amin'Andriamanitra no tena zavatra. Ny tena zavatra dia ny mangataka amin'Andriamanitra ny hampiasany ahy ho toy ny sampana araka ny niheveran'Andriamanitra izany ihany mba hanehoko amin'ny fahafenony ny endrik'Andriamanitra. Tsy hoe manakana ahy ho sampana akory ilay fiarakodia, nefa tsy hahatonga ahy ho sampana ihany koa izany, ka hamoa. Ny zavatra tsy maintsy ho tandidiantsika tokoa tokoa dia ny hoe ny toetra amam-panahy dia tsy miankina amin'ny toerana, na toe-javatra, na zavatra, na inona na inona mifandrohy amin'ity tontolo ity. Sa tsy izay? Sanatria tokoa anie izany. Ny toetra amam-panahy dia io voa izay omen'Andriamanitra antsika io, raha mangataka izany isika, ary raha sokafantsika nysaina amam-panahintsika mba handray izany. Kanefa tsy hanery na iza na iza handray izany toeny izany Izy. Anefa dia izao antony tokana izao no nahariana ahy sy ianao, dia ny hitaratra ny endrik'i Jesosy amin'ny fahafenony. Azontsika atao izany ankehitriny, saingy mitaky ny fanekentsika fandratsanana.

Mitaky fanekena fandratsanana. Inona no angatahin'Andriamanitra amintsika mba hamoazana? Asainy mamerina mandinika ny Teny isika. Dia hoy Izy hoe 'aza mihanona amin'ny famakiana ny teny fotsiny ihany fa avelao Izy hanao ny asany amin'ny fahafenony ao aminareo'. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny hany ataontsika dia ny manaiky ny fandrantsanana satria ny tenin'Andriamanitra dia mampisaraka antsika amin'izao tontolo izao. Maranitra noho ny sabatra roa-lela ka manindrona hatramin'ny fampisarahina, ny teny, mizarazara, ary manapaka izany, manala ny zavatr'izao tontolo izao, mandidy manala ny fitiavantsika an'izao tontolo izao, ka maningana antsika noho ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Mametraka

an'Andriamanitra ho loha-laharana izy. Katsaho aloha ny fanjakan' Andriamanitra sy ny fahamarinany, anefa tsy tontosa izany raha tsy mitoetra ao amintsika Andriamanitra.

Jaona 15:7 “Raha miray Amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany”. 8, Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo”. Manitona ny saina izany satria ny andininy faha-8 dia mampiditra indrindra ity resaka “famozana” ity. Tonga dia manohy avy hatrany eto Jaona hoe, angataho izay tianareo na inona na inona, fa ‘Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be,’ ary tsy maintsy mifandray amin’ny famozana izany. Ity ‘mangataho izay tianareo’ ity dia mifototra indrindra amin’ny resaka fankalazana an'Andriamanitra, ary ny hany fomba fankalazana an'Andriamanitra dia ny famozana. “Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo”.

Inona no tapany farany amin'ilay fehezanteny “ ka ho tonga mpianatro ianareo”. Iza moa no nihevitra fa mifandray amin’ny maha-mpianatra ny famozana? Inona moa no dikan'izany hoe ‘mpianatra’ izany? Ny mpianatra dia izay mandray fampianarana. Mahavariana. Tadidinareo ve ny antony nanoratan'i Paoly ny epistiliny voalohany ho an'ny fiangonana tao Korinto? Naharay vaovao izay tsy nahafaly azy tokoa izy. “Fa efa voalaza... tamiko... fa misy fifampindanianana eo aminareo.” 1 Kor. 1:11 Dia manohy i Paoly hoe, “Voazarazara va Kristy? Paoly va no voahombo tamin'ny hazo fijaliana hamonjy anareo, sa ho amin'ny anaran'i Paoly no nananovam-batisa anareo?” Izany ka fanontany an? Ny teny fantatra dia satria io olana voalaza io angamba no iray tamin'ireo fahalemen'ny olombelona lehibe indrindra, dia ny firaketantsika amin' na sampana toy izay amin'ny voaloboka . Tsy afa-mitondra sampana ny sampana. Tsy vitany izany. Tsy vitanao izay. Kanefa dia io no nahatonga ireo mpino tao Korinto hilaza hoe, “Mpianatr'i

Paoly aho”. Misy koa milaza hoe, “Mpianatr’i Lotera aho”. Ny sasany kosa hoe “Mpianatr’i Wesley aho”. Samy efa nandraikitra ny tenantsika taman’olona isika nandritra izay taona nifandimby izay, no sady mbola manao izany ankehitriny. Tsy mananontsarotra ny mamantatra ny toerana niofanan’ny mpitori-teny iray eo ampihainoana azy. Tsy mananontsarotra velively. Mora kely mihitsy ny mamantatra hoe izatsy Ranona izatsy nampianarin’i Dr. Heppenstall, ary ito Ralehilahy ito tao ambany saokan’i Graham Maxwell. Nahoana ary? Raha toa koa afaka miteny amin-kalalahana ireo olona ireo dia hilaza hoe, “An’i Heppenstall aho”, na “An’i Maxwell aho,” na koa hoe, “Tsy anisany aho”. Hoy Paoly, “aza miteny hoe ‘an’i Paoly aho’ satria moa ve maty ho anareo i Paoly? Toa ahatsikaiky izany. Ny sampana dia nokasaina hamao ihany, ary natao haneho inona kosa ny voa? Ny voaloboka . Tsy voasarika hanatona ny sampana izany ny olona, fa kosa voasarika hanatona ny voaloboka . Hanatona an’i Jesosy. Tsy misy dikany ny asanareo raha tsy mahasarika olona hanatona an’i Jesosy Kristy. Ratsy lavitra noho ny asa foana aza. Io angamba no antony tokana nampikatso indrindra ny firoson’ny fivavahana kristianina, noho ny antony manokana hafa. Nandoka tena amin’ny fahafahany misarika ny hafa ho aminy hatrany Ra-olombelona. Nisy mpitarika lehibe no sady kristianina maro nandritra ny taona nifandimby teo amin’ny tantara, tena nahagaga izy ireo ary maro taminy no nanorina velarampanjakana makadiry. Nihamboia izy ireo, ny fanjakany kosa nitoetra. Dia inona no nataon’ireo nandimby azy? Tsy nanao inona afa tsy ny nihazona ny finoana sy ny fampianaran’ilay mpanorina. Tsy fahombiazana izany, araka ny voasotr’i Paoly, raha toa ka tsy miverina mifotototra amin’ny Tompo Jesosy Kristy sy ny Teniny mba hahafahan’ny Teny manao ny asany, fa amin’ny hevitr’olombelona. Voafoaka ao amin’izany ny mpitandrina rehetra, satria tsy maintsy miverina amin’ny Teny sy amin’ny Tompo Jesosy Kristy ny mpitandrina isambatan’olona mba ho voaova ny

fiainany. Hoy Jesosy hoe, “dia ho mpianatro ianareo”. Iza no antsoina hoe mpianatr’i Jesosy Kristy? Izay manana fiainana mifanahaka amin’ny fampianaran’i Jesosy. Io no hany marika tokana maha Mpianatra. Rehefa mitaratra ny endrik’i Jesosy, ny toetran’i Kristy izaho sy ianao, dia izay isika vao hoe mpianatr’i Kristy, satria amin’izay isika dia miteny amin’izao tontolo izao sy amin’ireo izay mifanerasera amintsika hoe, “Mino an’i Jesosy aho ary nanaiky Azy ho Tompo sy Mpampianatra. Mino ny Teniny aho ary nanaiky Azy tanteraka ho Tompoko sy Mpampianatro.

Hoy Jesosy hoe “Tahaka ny nitiavan’ny Ray Ahy no nitiavako anareo” Jaona 15:9. Efa mba niezaka ny nandinika an’io toro-hevitra io ve ianareo? Mby eo amin’ny fotoana faran’ny fahaveloman’i Kristy eto an-tany isika eto. Ora vitsy ihany dia ho faty Izy, kanefa dia tsy hahatakatra io hafatra iray manontolo io ny mpianatra. Dia manohy Jesosy “Tahaka ny nitiavan’ny Ray Ahy no nitiavako anareo; tomoera amin’ny fitiavako ianareo”. Tena sarotra dia sarotra tokoa ny miresaka amin’olona iray ka milaza aminy momban-javatra tsy inoany, na tsy takany, na tsy azony akory. Toy izany no nanjo an’i Jesosy raha nihezaka ny nilaza izany tamin’ny mpianany izy. Dia hoy Izy, “Tahaka ny nitiavan’ny Ray Ahy no nitiavako anareo” ary nefa rehefa afaka kelikely fotsiny, afaka ora vitsy, dia hahita an’i Jesosy mihantona eo amin’ny hazo fijaliana izy ireo. Inona no mety hanakana azy ireo tsy hino fa raha ny marina dia tsy tia akory ny Ray? Inona no mety hanakana azy ireo tsy hanaraka ny fahadison-keviny ka hampihatra izany amin’ny fiainany? Ny Teniny. Ny Teniny inona? Efa nambarany ombieny ombieny tamin’izy ireo fa tsy maintsy hitranga izany, ary izao no nolazainy “Ary ankehitriny efa nilaza taminareo Aho, dieny tsy mbola tonga izany, mba hinoanareo, rehefa tonga”. Eto Jesosy dia miresaka momban-javatra izay nahavery hevitra azy ireo tanteraka. Tsy tiany ho renesina izany. Mariho fa avy hatrany dia namantana i Jesosy ka nanohy niteny hoe “...tomoera amin’ny fitiavako

ianareo. 10 Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didiny sy ny itoerako amin'ny fitiavany”. Tonga teto amin'ity izao tontolo izao ity ny Tompo Jesosy Kristy satria voahiraka Izy. Nirahin'ny Ray Izy ary nanaiky an-tsitrabo ny asa ho Mpamonjy ny taranak'olombelona. Hoy ny Soratra Masina hoe “Andriamanitra ao amin'i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy”. Eto Jesosy dia nilaza hoe, “tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy sy ny nanirahany Ahy, dia tahaka izay no itiavako anareo. Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hitoetra aminareo ny fitiavako, tahaka ny itandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany. Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo”. Jaona 15:10,11 . Dia mbola manohy Izy ka milaza hoe inona kosa ny Didiny. “Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavannareo tahaka ny itiavako anareo.” And. 12. Io no didy izay manondro sy mamaritra na mitoetra amin'i Kristy aho na tsia. Ndeha hiverenana ny and.10: milaza Jesosy hoe, “Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hitoetra aminareo ny fitiavako, tahaka ny itandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany”. Misy teny fototra ato amin'ity andalany ity izay manokatra ny fahatakarana tanteraka ny momba ny voaloboka sy ny sampana. Afaka milaza ve ianareo hoe inona ireo teny ireo? Mitoera “tahaka Ahy” . Manaova ‘manaova “tahaka Ahy” . Ireo teny roa ireo no mamaly ny fanontaniana rehetra mety hisy hametraka mikasika ny fiainan'ny kristianina sy izay rehetra mety ilainy. Ahoana tsara hoe? “Tahaka Ahy” . Hamangy anao amin'ny mangingina Jesosy ka hamaly ny fanontaniana mety apetrakao na apetrako amin'ny hoe.... “Tahaka Ahy”. Iza efa nalaim-panahy sy nosedrana tamin-javatra rehetra “tahaka an'iza”? “Tahaka antsika”, kanefa tsy nanana ota. Noho izany tsy misy mety ho azontsika angatahina Aminy koa afa-tsy izay azony valiana amin'ny fomba mitovy tanteraka hoe “tahaka Ahy”. “Tahaka ny nataoko”. “Tahaka

ny hitanareo nataoko”. Ny tena zavatra amin’ny momba ity mitoetra amin’ny voaloboka ity dia ny mitoetra tahaka ny nitoeran’i Jesosy tao amin’ny voaloboka. Natoky ny Ray Jesosy na hitondra any Getsemane izany na any Kalvary. Nitoetra tao amin’ny Ray hatrany Izy. Na jamba aza Izy ka tsy nahita ankoatry ny varavaran’ny fasana dia mbola nitoetra tao amin’ny voaloboka ihany. Amin’ny maha-olombelona izao fotsiny dia tsy efa izany, satria Getsemane dia tsy nitondra afa-tsy rà nitete avy tamin’ny handrin’i Jesosy, toa vongan-dinitra. Tsy efa mihitsy izany, ary nahatsiaro tena hitrosoana amin’ny tany Izy ka hiala aina, dia ho faty, raha tsy nisy anjely tonga nanome hery Azy. Ary izany dia satria nanao inona Izy? Satria nitoetra tamin’ny voaloboka Izy. Izay ilay izy. inona no asehon’izany? Toe-panahy. Toe-panahy tsy azo hozongozonina. Tsy hanova ary tsy ho afaka hanova ny toe-panahiny ny fitrangan-javatra. Tsy afaka hanova izany mihitsy ny tontolo manodidina Azy. Hoy Jesosy hoe: “mitoera tahaka Ahy”. “Mitiava tahaka Ahy”. Izay no fampianarana lehibe. Jesosy tsy niteny fotsiny hoe, inty misy tantara, inty misy fanehoana ara-tantara. Tsia. Hoy Izy, “Izaho no voaloboka, ianareo no sampana. Nitoetra ato amin’ny Raiko toa Aho”. Ny avelomako dia fiainana miankina tanteraka Aminy. Ary tokony hanao toy izany koa ianareo. Ny fiainana kristianina dia taratra avy amin’ny tenin’i Jesosy hoe . ‘ny fifaliako dia ny fifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo”. Tsy tanteraka ao amin’i Kristy ny fifaliany raha tsy hitany eny amintsika ny voa izay ao aminy koa. Mitondra io karazam-boa io Jesosy ary antenainy ho entintsika io. Tonga teto an-tany Izy ary niaina toa sampana, niray tamin’ny fahafenoiny tanteraka tamin’ny Ray, izay voaloboka. Dia toy izany koa izaho sy ianao, tokony handray avy aminy isika, tahaka ny andraisany avy amin’ny Ray. Ahoana no fomba nanaovany izany? Marina tokoa ny voalazan’izay nandrafitra ilay fehezanteny hoe “Kristy no mamaly izay rehetra ilaiko”. Marina tanteraka. Raha tena mino izany tokoa isika dia inona no mety ho vokatr’izany eo

amin'izay mety handiso fanantenana antsika? Tena hanala ny fahadisoam-panantenana tokoa izany. Hanafoana azy ireo tanteraka satria raha handeha ho any amin'ny namana na mpiarabelona hafa isika ka manontany-tena hoe, 'inona re no tokony ataoko e?'. dia hamaly Jesosy hoe, "manaova tahaka Ahy". Izay no valiny. Tsotra toy izany hatrany ny valiny, tsotra toy ilay voalazany tetsy aloha raha nilaza Jesosy hoe, "efa madio ianareo noho ny teniko, izay nolazaiko taminareo. Inoy ny teny izay nolazaiko taminareo. Izay ihany no fomba fanadiovana tokana.

Dia manohy Jesosy hoe, "Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany. Hianareo no sakaizako, raha manao araka izay andidiako anareo" Jaona 15:13, 14. Mampiditra moramora amin'ny mpianany ny resaka mikasika ny fanolorana ny aina Jesosy, satria efa ora vitsy monja izao mialoha ny zavatra izay havelany hitranga, kanefa tsy azon'ny mpianany veroka hitranga velively. Tsy mino izy ireo hoe hanolotra ny ainy Izy. Sanganehana izy ireo rehefa tanteraka izany. Iza anefa no lazainy eto momba izany, hoe izao ity anie ilay hoe sampana maneho fitivan-dehibe e. "Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany. Ianareo no sakaizako, raha manao araka izay andidiako anareo." Andininy 13, 14. Voalohany eto no hahitanareo an'i Kristy miresaka amin'ny mpianany tahaka ny firesaka amin'ny sakaiza. Momba io fitiavan-dehibe io, dia tsy maintsy omeko anareo ity fanambarana avy amin'ny bokin'i Andrew Murray hoe "Ny Tena Voaloboka", p. 106 : "Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany. Ny fanirian'i Kristy indrindra eto dia ny hahafantarantsika fa ny fakana miafina, fototr'izay rehetra maha-izy Azy sy ny asany amin'ny maha-voaloboka Azy, dia ny fitiavana." Ilay hery miafina dia ny fitiavana. Eo ampianarantsika ny finoana an'izany dia hahatsapa isika fa misy zavatra izay sady tokony hosaintsaintsika no tokony ho fantarintsika,

dia hery velona. Hery avy amin' Andriamanitra izay hilaintsika hivelona ato anatintsika. Fitiavana. Io fitiavana araka an' Andriamanitra io, dia hery miasa mangina mahagaga izay ao amin' ny Teny, voatahiry ao amin' ny Soratra Masina hatramin' ny voalohany ka hatramin' ny farany. Saro-drafitra anefa izy io, ary angamba koa manjavozavo ao an-tsaintsika noho ny sarintsarim-pitiavana atoratoraka tsy misy farany amin' ny olombelona. Hany ka manjavozavo amintsika be ihany ny herin' ny fitiavana raha ny marina, satria heverintsika fa misy hifandraisany amin' ny fihetseham-po ny fitiavana, dia fihetseham-po mahery sy miharihary no sady mahay mandresy lahatra. Inty anefa, ny tena herin' ny fitiavana dia tsy ao amin' ny fandresen-dahatra tia-tena fa amin' ny fahafoizan-tena kosa. Mifanohitra tanteraka. Ny tena fitiavana dia tsy fandraisana fa fanolorana.

“Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany”, izany dia fanolorana amin' ny fahafenoany. Izay no zava-miafin' ny fitiavana . Tsy fanomezana fahafa-po ny tena velively no fitiavana, tsy fandraisana tia-tena, tsy fanangonana tia-tena velively. Ny fitiavana dia fanolorana mandrakariva, ary izany dia mifanohitra amin' ny fihevitry olombelona. Eo ampianarantsika ny finoana an' izany dia hahatsapa isika fa misy zavatra izay sady tokony hosaintsaintsika no tokony ho fantarintsika, dia hery velona, aina avy amin' Andriamanitra izay hilaintsika hivelona ato anatintsika. Tsy maintsy mitoetra ao anatin' ny olombelona Andriamanitra mba hanany io fahafaha-manolotra io. Satria, rehefa teraka ny zaza dia inona no toetra voalohany ao aminy? Ny ‘izaho’. Izany foana. Ary manomboka amin' ny fotoana voalohany hisefoany ka hatramin' ny fara-fofonainy, ary raha tsy angaha avy mitoetra ao anatin' izany olona izany Jesosy Kristy, dia tsy haneho afa-tsy ny izaho io olona io. Dia hitombo hadiry sy tanjaka hatrany ny izaho. Tsy afaka hiova izany raha tsy miova ny loharanon' ny ainy. Izany no mahatonga ny tsy maintsy hahafatesan' ilay toetra-talohan' ny olona tanteraka

ka hiditra ao aminy ny toetr' Andriamanitra izay hamorona ao anatiny izay tsy ho hainy foronona mihitsy. Kristy sy ny Fitiavana dia tsy afa-misaraka fa sahala! Andriamanitra dia fitiavana, Kristy dia fitiavana. Andriamanitra sy Kristy ary ny fitiavana araka an' Andriamanitra dia tsy mety ho fantarina raha tsy efa hananana. Izany dia tsy vitan'ny fahalalana mikasika izany. Azonao atao ny mino izay rehetra tianao hinoana momba ny fitiavana an' Andriamanitra, ary azonao atao ny manoratra andalan-tononkalo, azonao atao ny mampiasa ireo fomba fanehoana fihetseham-po rehetra mety misy eto an-tany, kanefa dia tsy mbola hanana fahalalana marina ny fitiavana an' Andriamanitra vokatry ny fanandramam-piainana, amin'ny alalan'ny aina sy heriny miasa ao anatintsika. Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, izay efa nirahinao.” Hafatra ao amin'ny Jaona toko 17, andininy 3 izany. Mbola misy teny vitsivitsy nambaran'i Andrew Murray mikasika io hery miafina io. Momba ny fanolorana ny aina dia hoy izy: “Indro ny fara-tampon'ny fetran'ny fitiavana dia rehefa manolotra ny ainy ny olona iray: tsy misy fikiriny intsony. Atolony avokoa ny momba azy, dia izay azy sy ny maha- izy azy. Izay no tian'ny Tompontsika Jesosy hazava amintsika mikasika ny zava-miafin'ny voaloboka. Izany no hampitahany ny tenany amin'ny voaloboka . Nahoana? Satria manolotra ny ainy mandrakariva ny voaloboka. Dia ny tsiro, izay omeny tsy misy fiafarana, mikoriana mandrakariva. Izay ihany no antom-pisiany. Tsy misy antony hafa. Andriamanitra dia tsy afaka manome raha tsy efa velona ihany koa. Izany Andriamanitra. Tsy maintsy manolotra Izy satria izany no toeny. Tahaka ny sampana raha velona koa dia tsy maintsy mamoa, satria toeny ny mamoa. Amin'ny fomba ahoana no hamoazany? Amin'ny fandraisany izay atolotry ny voaloboka. Raha tsy mandray avy amin'ny voaloboka izy, dia avy amin'na hery hafa ny voany. Ary eto no mipetraka ny olana, ka io fitondrana voa io mihitsy indray no lasa tena

olan'ny sampana. Hitondra voa ny sampana, fa karazamboana toa inona? Manan-tsafidy isika na handray avy amin'ny tena voaloboka, ka hitaratra eo amin'ny fiainanantsika ny toen'i Jesosy, na handray avy amin-tsarintsarin-doharano na loharano sandoka ka ho sarintsarim-boa na voa sandoka no ho vokatra. Tena zava-miafina lehibe ny toetra araka an'Andriamanitra. Jesosy Kristy amin'ny maha-voaloboka Azy dia manolotra ny ainy mba hananantsika sy ianao fiainana mandrakizay. Jesosy anefa milaza fa "ianareo no sakaizako raha manao izay andidiako anareo" Jaona 15:14. Mino aho fa anisan'ireo teny zary tsy voafehy mazava tsara koa ny teny hoe 'sakaiza' sy 'fisakaizana'. Milaza isika fa manana sakaiza maro. Tsy marina velively izany. Olompantatra maro no izy. Nisy nilaza hoe olompantatra maro no ananantsika mandritra ny androm-piainantsika manontolo fa sakaiza vitsy kosa. Mino an'izany koa aho. Inty misy famaritana ny sakaiza: "Ilay olona mahafantatra antsika sy ny momba antsika tanteraka." Dia ahoana ary? Tsy misy valaka amin'izany ny Fitiavana". Iza izany olona izany? Tsy misy olombelona mahavita izany, fa Jesosy ihany. Hoy Jesosy, "Tsy ataoko hoe mpanompo intsony hianareo fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo." Efa natoroko anareo ireo andininy 14 sy 15 ireo. Ny tena sakaiza dia izay mahafantatra anareo sy ny momba anareo tanteraka. Tsy misy miafina aminy. Tsy misy na dia iray tamingany aza. Izay no ilazana hoe raha ny marina tsy manana sakaiza firy ianareo, raha toa koa ka mba sahala amiko ianareo. Miezakana ny hanana sakaiza maro ianareo, dia nama-namana ihany fa tsy sokafanareo ho hitany ny fonareo sy izay miafina rehetra ao anaty lalina ao. Tsy loharanareo amin'izao olona rehetra izao izany tsy akory. Ny ankabeazantsika dia mihevitra ny hany fotoana izay azontsika anaovana izany marina dia rehefa mandohalika isika. Eo no fotoana hanaovana izany. Jesosy anefa milaza hoe, "Tsy ataoko hoe mpa-

nompo intsony hianareo fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony” And. 15. Eto anefa dia miresaka amin'ny mpianany tahaka ny amin'ny sakaiza Jesosy, satria fotsiny efa hiatrika toe-javatra tsy ho zakany atrehana izy ireo raha tsy efa nambaran'i Jesosy taminy ny vontoa-tin'izay hitranga. Raha tsy nanao toy izany Jesosy ka tsy namboraka tamin'izy ireo mazava dia mazava tsara izay hitranga, mba ho tadidiny tsara rehefa mitranga, dia tsy ary hahazaka ny toe-javatra izy, satria ny Baiboly dia mampiasa ombieny ombieny ny teny hoe ‘mpanompo’ raha milaza ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Tsy misy olona afaka manompo tompo roa. Matio. 6:24. Tsy misy olona ho mpanompon'olona roa. Ny teny ilazana ny mpanompo dia ‘dulio’, izany hoe raha adika ‘andevy’. Tsy misy olona afaka ho mpanompon'ny tompo roa. Kanefa Andriamanitra dia mila antsika ho andevy, amin'ny lafiny hoe tsy mila mahalala ny zavatra rehetra isika vao hino. Satria nahoana? Satria tsy maintsy am-pinoana no hanaovan'ny olona izay ataony. Izay tsy finoana dia ota. Raha ny tena izy izany, Andriamanitra dia mamela ny olona hampiasa ny finoany mandrakariva amin'ny tsy fanambarany mialoha ny zava-drehetra izay hitranga. Etsy andaniny koa anefa, tsy hamela ny finoantsika ho voasedra mihoatra noho izay mety ho zakan-tsika Izy. Eto anefa ny mpianatra dia eo ankatoka ny fise-drana izay tsy ho azony zakaina. Tsy mahafantatra na inona na inona amin'izany izaho sy ianao. Telo taona sy tapany izao no niarahany tamin'i Jesosy, ary tsy ho ela dia hahita Azy mihantona amin'ny hazo izy ireo, ary dia nanjavona ny finoany. Nandositra izy. Nilaozany tanteraka Izy. Rehefa avy nandositra izy ireo, ka niakatra tao amin'ny Efitra ambony hiafina, dia nandrindrim-baravarana, ary raha nitsangana tamin'ny maty Jesosy ka hitany izy ireo indray, dia fantatry ny Tompo fa tsy nino izy ireo hoe Izy io. Raha tsy efa nandre ny teniny ireo tsy nisokatra ny masony ka nahatakatra ny zava-drehetra. Dia azony tamin'izay. Andriamanitra no tsy maintsy nambara izany taminy, na dia

satriny aza raha nino ny nolazainy taminy hatrizay ireto lehilahy ireto ny momba izay zavatra hitranga, satria efa nilaza Izy fa ho faty. Ary efa hatramin'ny andron'i Isaia no efa nilazany tamin'ny vahoaka jiosy fa ho faty tahaka io hahafatesany izao io Izy. Tsy inona akory izao zavatra resahin'i Jesosy amin'izy ireo izao fa ny fanandramana avo lenta indrindra amin'ny fitoeran'ny fanahin'i Kristy eo aminy. Dia hoy Jesosy, "Tsy ataoko hoe mpanompo intsony hianareo fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony, fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo." Andininy 15. Efa mba naka fotoana hisainana ny tena tian'i Jesosy lazaina eto ve ianareo? "Izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo." Mpitondra-teny solonten'Andriamanitra amin'ny fahafenony i Kristy eto an-tany. "Izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo." Tolagaga aho isaky ny maka fotoana hisainana an'io, satria Jesosy dia mahatoky tamin'ny Rainy, ary hoy Izy hoe 'tiako ianareo ho mahatoky amiko.' Izany no fomba fanehoana ny maha-mpianatry ny Tompo. "Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanaro be ka ho tonga mpianatro ianareo. Iza izany ilay izy e: Kristy dia miteny hoe: "Ny Raiko no nambara tamiko ireo nambarako taminareo." Ka hoy Aho aminareo ankehitriny: 'Akory ary? Inona no adidy hanirahana antsika? Hamoa, sa tsy izany? Izay mihintsy no nataon'i Jesosy: hamoa. Raha maniraka antsika hamoa Jesosy, dia ny toeny io vokatra io. Inona ary no ataony amintsika? Hampivelatra io toeny io amintsika Izy ô, sa tsy izany? Izay ve no hataony? Izay no tanjon'ny famoazana ary io no vokatra. Io no tanjona. Ny olana amintsika anie dia izao e, rehefa miteny amintsika Andriamanitra dia heverintsika hoe maniraka antsika Izy hitety trano dia hilaza hoe, "Ô ry zareo a! Tokony mba hiomana ianareo fa avy Jesosy." Dia mamaly ireo hoe, 'ianareo anefa toa tsy vonona akory? Toa tsy mino izany akory no fijerinay anareo! Toa tsy hitanay izay maha-samihafa ny

fomba fiainanareo amin'ny anay? Tsy tokony ho tsy maintsy hiteny amin'ny olona isika hoe 'Avy Jesosy'. Amin'ny fiainantsika andavanandro, isan'andro isan'andro, no tokony hanambaran'ny fiainantsika ny tantaran'ny fahatongavan'i Jesosy fanindroany. Lehibe loatra ve izany fitakiana izany? Tokoa ve? Izany no tian'io andininy ambara. Raha ny marina, ny famoazana dia miankina amin'ny fitoeran'i Kristy ao anatintsika, ary ho hita taratra eo amin-tsika ny toetra tahaka ny nahitana taratra ny toetr'Andriamanitra teo amin' Iza? Teo amin'i Kristy. Ary izany dia ampy hamaly ny fanontanian'i Filipo hoe "Tom-poko, Asehoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izay". Inona no navalin'i Jesosy? "Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho...? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray." Dia sarotra loatra ve ny manantena fa raha mitoetra ao amintsika Kristy dia rariny loatra raha toa miteny Izy hoe rehefa nahita andRanabavy itsy, na Rahalahy reroa, na izatsy Pasitera izatsy ianareo dia nahita Ahy? Ho hita ety amiko sy eny aminareo anie Jesosy Kristy.

Janoary 2007

5.

“Tahaka ny nitiavan’ny Ray ahy no nitiavako anareo; tomoera amin’ny fitiavako ianareo. Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hitoetra amin’ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin’ny Raiko sy ny nitoerako amin’ny fitiavany. Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo. Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo.

Tsy misy fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany” Jaona 15:9 - 13

“Raha miray Amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo”.

Jaona 15:7-8.

Tadidinareo fa efa noresahintsika izany, dia ny ho tonga mpianany isika ary ny mpianany dia ireo izay nampianariny, ary ny nampianarin’ i Kristy, ny ho fanehoana fa nampianarin’ i Kristy isika, dia mazava fa haneho ny fampianarany isika. Dia izay tsy miova eo imasom-bahoaka na aiza na aiza, ary toy izany ny vahoakan’ Andriamanitra, Maneho mandrakariva ny loharanon’ny fahalalany. Ary toy izany eto, izany ampianarin’ Andriamanitra dia ahazoan’ Andriamanitra mametraka antsika ho anisan’ny mpianany.

“Tahaka ny nitiavan’ny Ray Ahy, no nitiavako anareo; tomoera amin’ny fitiavako ianareo.” Jaona 15:9. Misy andininy ao amin’ny Soratra Masina toa mirona ho amin’ny fihetseham-po tsy misy antony noho ny antony tsotra dia ny fandraisantsika ny fitiavana, araka ny Baiboly dia tena faran’izay ara-keviny fotsiny ary tsy ampiarina. Ny fihaverantsika ny fitiavana raha ny fitiavana araka ny Baiboly sy ny fitiavan’ Andriamanitra , dia mifaningotra akaiky

amin'ny fiheveransika ny fitiavana ara-nofa eo amin'izao tontolo izao. Zavatra faran'izay sarotra amintsika no misaraka nefa araka izay nolazain' i Jesosy: “tahaka ny nitiavan' ny Ray Ahy”.

Inona no dikan'izany aminao? Misy dikany ve? Raha maty Jesosy, dia niara-maty taminy Andriamanitra araka ny voalaza ny Soratra Masina: Andriamanitra dia tao amin' i Kristy nampihavana an'izao tontolo izao taminy. Tsara izany. Nefa inona no dikan'izany? Faran'izay sarotra amintsika ny mametraka izany amin'ny fitenin'olombelona ka hilaza ny dikany feno. “Tahaka ny nitiavan' ny Ray Ahy”.

Misy eritreritra lalina eto izay mifono dikany mihoatra izay takantsika, nefa misy eritreritra iray izay tsy mbola nokasiansika izay heveriko fa tena misy dikany araka izay mety. Noho izany antony izany, rehefa miverina any amin'ny tena fiandohan'ny fahotana isika araka izay niandohany tany an-danitra, ahoana moa no niandohany? Niandoha tao am-pon' i Satana izany. Avy ao aminy no nihavian'ny ratsy.

Rehefa niseho ny ratsy, dia Andriamanitra no nifantohan'ny ratsy. Marina ve izany? Ny anton'ny nanosika ny ratsy tamin'ny fomba manokana dia ny toetra amam-panahin'Andriamanitra; niantsy ny toetra amam-panahin'Andriamanitr Satana satria nohazavaina tamin'ireo voaary ny toetra amam-panahin'Andriamanitra fa fitiavana.

Mazava fa faran'izay sarotra ny manazava izany ao amin'ny rivom-piainana tanteraka, masina, tsy misy tsiny, tsy izany ve? Eo amin'ny toerana tsy misy fahotana ny hilazan' Andriamanitra hoe fitiavana no toetrako ary hamaly ny mponina hoe, eny, ny ahy koa. Inona marina no dikan'izany, tsy misy ampihavana amin'izany, tsy misy hitaratra na haneho izany fitiavana izany, nefa faran'izay niharan'ny fiantsiana tokoa ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Nisy akony lehibe teo amin'ny tafiky ny anjely manontolo izany. Tena izany tokoa.

Tsy maintsy atrehintsika izany toe-javatra izany. Rehefa rafitra ny ady tany an-danitra alohan'ny nahatongavany tena ady marina nahavoaraoka an'i Satana sy ny anjeliny, araka ny voalaza ao amin'ny Apokalypsy faha- 22, alohan'ny nahatongavana tamin'izany dia gaga indrindra sy niady hevitra ny tany an-danitra ny momba izany rehetra izany. Ary ny anjely dia nisalalala ny amin'izay manana ny marina eo amin'izany zavatra izany. Inona izany fitiavan' Andriamanitra? Ahoana no hanaporofaona an'izany?

Tsy zavatra efa nanaovana fanandramana mialoha izany teo amin'ny filan-kevitra ny lanitra. Tsy nipoitra toy ny zavatra tampoka tsy nampoizina ny fahotana. Efa niomana ny amin'izany Andriamanitra satria fantany fa hipoitra izany. Ahitantsika ny toetra amam-panahin' Andriamanitra io zavatra io, nefa rehefa niseho aty aoriana vao mety ho hitantsika izany, fa tsy alohan' ny nisehoany. Avy amin'ny toerana misy antsika no mety ahitantsika izany toetra amam-panhiny izany, fa tsy araka izany fomba fijery izany mihitsy.

Mety ho hitantsika sy ho azontsika fa Andriamanitra irery ihany, izay tena fitiavana marina no toetrany, no afaka manao zava-boaary iray ka mandrotsaka aminy izay voninahitra rehetra azony harotsaka amin'ny voaary, na dia fantany aza amin'izany fotoana izany fa hikomy Aminy io voaary io ary hisarika ampahany betsaka amin'ny mponin'ny lanitra sy hampivadika azy tanteraka Aminy.

Horoso ve ianao ka hamorona voaary toy izany raha ianao no Andriamanitra? Tsy mety ho azontsika izany, "Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy"? Ampy ny fitiavan' Andriamanitra ka niroso Izy ary tsy ny mponina tany an-danitra fotsiny no nohariany fa ireo mponina eto amin'ity tany ity koa sy any amin'ireo izao tontolo izao lavitra tsy voambara koa, ary rehefa tonga io fihantsiana avy amin' i Satana io, dia nisafidy Andriamanitra. Efa nataony io safidy io taloha, fa nohamafisin ny safidin'ny tenany mba hamelany olona iray haneho ny toetra amam-panahiny.

Azonao alaina an-tsary ve, raha ohatra ka mandalo

fitsarana ianao, izay resaka maty sy velona, ka voatery ianao hifidy olona iray na te-hisafidy olona iray ianao, izay haneho tsara ny toetra amam-panahinao, ho toy inona ny fitandremanao? Raha ny amin'Andriamanitra, ary ny teny hoe Andriamanitra no resahintsika eto, Elohim no ao an-tsaintsika, izay endriky ny maro amin' Andriamanitra, dia midika izany fa misy anankiray horaisina, hampiseho amin'ny fomba tanteraka an' Andriamanitra lohany, ka ho azo aseho araka ny tena izy io toetra amam-panahy io, tsy ho amin'ny tontolon'ny anjely ihany fa ho amin'izao rehetra izao manontolo koa.

“Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy, no nitiavako anareo”. Teo amin'ny plana nataony Andriamanitra, talohan'ny nanombohana ny famoronana, teo amin'ny filan-kevitra ny lanitra, dia Jesosy Kristy no voafidy haneho an' Andriamanitra amin'izao rehetra izao lavo sy amin'izao rehetra izao tsy lavo, izay nila ny ahafantantra bebe kokoa momba an'Andriamanitra, izay nila ny ahafantantra ny hoe toy inona ny fitiavana satria tena nilain'ny anjely ny nahafantatra ny fitiavan' Andriamanitra raha ny miantefa amin'ny olombelona. Tsy izany ve?

Nila izao rehetra izao Andriamanitra ary izao rehetra izao izay mifamatotra tanteraka amin'ny fototra tokana, dia ny fitiavana io fototra io. Tsy fihetseham-po ny fitiavana fa foto-kevitra izay iorenan'ny herin' Andriamanitra rehetra. Tombana ny fitiavana. Andramo hazavaina izany. Ataovy izay tianao hanazavana an'izany. Tsy hahomby ny teny, tsy hahomby ny fisainana? Tsy azonao . Tsy takatrao amin'ny fitenin'olombelona tsotra izao izany. Nefa tsy maintsy hasehon'Andriamanitra mazava izany ary Izy, tao amin'ny filan-kevitra ny lanitra, Ilay Andriamanitra ny lanitra, Andriamanitra ny lanitra telo izay iray, Izy no nanendry an' i Jesosy Kristy haneho amin'izao rehetra izao izany fitiavana izany, izany toetra amam-panahin' Andriamanitra izany.

Hoy Jesosy: “Tahaka ny nitiavan'ny Ray ahy, no nitiavako anareo;” Inona ary no tian' i Jesosy ataontsika? Ny ho tia

Azy? Eny. Isika no tokony tena ampiseho marina ny toetra amam-panahin' i Jesosy ho amin'ny taranak'olombelona lavo eto sy eo amin'izao rehetra izao koa. Ny fanehoantsika marina an' i Jesosy no ahafantarana ny toetra amam-panahin' i Jesosy sy ahazoana izany. Inona manontolo izany fanavotana nataon' i Kristy izany, inona izany? Tokony azo ampiharina izany. Raha ny momba an'izao rehetra izao, dia manitsy ny fomba fijeriny ny fitiavana ara-tsaina izany, saingy mampaninona ny olona lavo izany? Manova azy, manamboatra azy. Olom-baovao. Mamorona ao aminy olona hafa tanteraka.

Izany ny fanavotana. Izany no planan' Andriamanitra; Ary izany no nolazain' i Jesosy, tahaka n nitiavan'ny Ray Ahy, no itiavako anareo ary tomoera amin'ny fitiavako ianareo, izay no hany fomba hanaovana azy. Io fitiavan' i Kristy. Tahaka ny itiavan' i Kristy ny olombelona, ary tahaka ny itiavan' ny Ray ny olombelona, tahaka ny itiavan' Andriamanitra ny olona ihany no ahazoan'ny olona mamaly ka manao inona? Mifankatia. Nidina teo amin'ny tohatra isika, Andriamanitra tia an' i Jesosy Kristy, Jesosy Kristy tia ny olona, ary ny olona mifankatia.

Tsy haiko ny tsy hitondra aminareo zavatra avy amin'ny Henoinareo ny Fanoharana, pejy 94. Efa nambarantsika imbetsaka dia imbetsaka fa ny hany fiangonana marina izay nisy teto amin'ity tany ity, izay natoky tamin' Andriamanitra ary tiako holazaina hoe nanao ny asan' Andriamanitra amin'ny fomban' Andriamanitra dia ny fiangonana toa Efesosy. Tokony ho tsapantsika izany. Ny fiangonana hafa rehetra dia tsy nahomby teo amin' Andriamanitra ary na dia ny fiangonana tao Efesosy aza dia nanana olana koa tamin'izay. Fa saingy nanao ny asan' Andriamanitra araka ny lalan' Andriamanitra izany fiangonana izany ary fiangonana nanao fahagagana izany. Fiangonana izany nahatanteraka asa goavana nahagaga. Asa tsy nety ho vita.

Henoinareo ny fanoharana, pejy 94, 95, ao amin'ilay toko momba Ilay perila sarobidy, dia milaza ny amin'ny

fiangonana Efesosy, dia izao no voasoratra momba ilay fiangonana voalohany: “Tamin’izay dia nentina hatrany amin’ny faritra lavitra indrindra teto an-tany misy olona ny vaovao mahafaly momba Ilay Mpamonjy efa nitsangana tamin’ny maty.” Nijoro ho vavolombelona ny amin’izany i Paoly, ao amin’ny epistiliny. Milaza izy fa nentina tamin’ny faritra lavitra indrindra teto an-tany ny filazantsara tamin’ny andro nahavelomany.

Tsaroako tsara ny reniko sy ireo talohany nilaza ny amin’ny famitana ny fitoriana ny filazantsara, nanantena izy ireo fa ho vita tamin’ny androm-piainany izany. Mbola manantena izany isika fa ho vita amin’ny androm-piainantsika izany. Heveriko fa kely ny fanantenana raha tsy amin’ny lalan’ Andriamanitra no hanaovantsika izany. Raha araka ny lalan’ Andriamanitra no anaovantsika azy, dia hifarana amin’ny fotoana fohy ny asa.

“Tamin’izay dia nentina hatrany amin’ny faritra lavitra indrindra teto amin’ny tany misy olona ny vaovao mahafaly momba ny Mpamonjy efa nitsangana tamin’ny maty. Nahita andian’olona niova fo nanatona avy tamin’ny vazan-tany efatra ny fiangonana.” Mety ho fiovana ve izany? Nahita inona ny fiangonana? Namoha ny varavarana fotsiny izy dia nibosesika ny olona miditra. Iza isika manakatona ny varavarana raha vantany vao tafiditra ny olona. Zavatra hafa izany. Mivoaka isika dia mangataka, mitalaho sy manao zary filazam-barotra, miezaka manintona amin’ny fomba rehetra isika. Tsy izany no fomban’ Andriamanitra. Tsy izany mihitsy.

Mahita olona niova-fo mibosesika mankao aminy avy amin’ny vazan-tany efatra ny fiangonana ary tsy izany ihany nolazainy. Lazainy fa “Voaova fo indray ny mpino”. Inona no dikan’izany? Very izy ireo. Tonga tamin’ily ataontsika hoe nihemotra izy ireo. Niverina ny nihemotra. Niova fo ny mpino. Izany no manao ny asan’ Andriamanitra amin’ny fomba fiasan’ Andriamanitra? Tafaray tamin’ny Kristiana ny mpanota tamin’ny fikatsahana ilay perila sarobidy. Iza

no tadiaviny? Jesosy Kristy. Tanteraka ny faminania. Ny reraka dia “ho tahaka an’i Davida” ary ny taranak’i Davida dia ho ‘tahaka ny anjelin’ i Jehovah”.

Ny kristiana tsirairay, mariho izao izany satria tonga eo am-pototry ny tohatra isika, dia nahita teo amin’ny rahalahiny ny fitovizana amin’ Andriamanitra amin’ny hatsaram-panahy sy ny fitiavana. Tahaka ny nitiavan’ny Ray aho, no nitiavako anareo koa, koa mifankatiava ianareo. O, tena fanambarana marina izany, tsy izany ve? Efa nahita fiangonana tahaka izany ve ianareo? Lazaiko anareo fa tokony ho izany ny fiainantsika. Isika no tokony handray anjara. Izay rehetra endriky ny fanomezan-tsiny, izay rehetra fitsikerana, ny eritreritra rehetra manameloka dia tokony ho foana raha samy mahita fitoviana amin’ Andriamanitra amin’ny hatsaram-panahy sy ny fitiavana eo amin’ny rahalahiny ny kristiana tsirairay.

Inona ny fitiavana amin’ny hatsaram-panahy? Fitiavana masina izany. Fitiavana manome. Izany no tena izy. Fitiavan’ Andriamanitra izany. Inona no ankabezan’ny fitiavana? Fitiavana tia tena? Tsy izany ve? Tia isika mba hotiavina. Ary ny ankabezan’ny fitiavan’ny olombelona tsirairay dia fitiavana entanin’ny izaho. Ny fitiavana amin’ny hatsaram-panahy dia fitiavana tsy manantena setriny na inona na inona. Izany no fitiavana amin’ny hatsaram-panahy.

Efa niaina izany ve ianao? Aza mamaly; izany no hitan’ny mpino tsirairay tao Efesosy? Ankehitriny rehefa misy olona manao zavatra tsara, dia hisy olona hilaza hoe: ha, inona ary no ho tohin’izao? Fantatro ny antony hanaovany izao? Efa nandre an’izany ve ianao? Raha fantatrao izay fantatro, dia hazava aminao ny antony nanaovany an’itsy sy eroa. Izany no karazan-javatra fahita ary voakosoka tanteraka izany tao amin’ny mpino tsirairay, tao amin’ny Kristiana, ny Kristiana tsirairay dia samy nahita teo amin’ny rahalahiny ny fitovizana amin’ Andriamanitra amin’ny fitiavana amin’ny fahalemam-panahy.

Zavatra iray loha no mahaliana. Zavatra izay loha no misongadina amin'ny hafa rehetra ; ary ilay nodinihintsika izany, ilay notoriantika, ary izay nisongadina tamin'izay dia mbola hisongadina indray. Inona izany? Kristy fahamarinantsika. Lohateny nisongadina. Miara mitempo mirindra ny fo rehetra. Tsy kanto indrindra ve izany?

Ny hany hambom-pon'ny mpino dia ny haneho ny fitoviana amin'ny toetra amam-panahin'i Kristy. Ny hany hambom-pon'ny mpino dia tsy ny hifampisongona. Tsy nisy fifaninanana. Miala tsiny aho miresaka an'izany nefa zava-misy izany. Tsy nitady afa-tsy ny hanao zavatra tokana ny mpino tsirairay, ny haneho tanteraka ny endrik' i Jesosy. Izay ihany... sy ny hiasa hampitombo ny fanjakany.

Iray fo sy iray saina ny vahoaka izay nino,,,. Nijoro ho vavolombelona tamin-kery lehibe ny apostoly ny amin'ny fitsanganan'ny Tompo Jesosy; ary fahasoavana be no tamin'izy rehetra. Fahasoavana inona? Ny toetra amam-panahin' i Kristy. Tsy teny foana tsy akory izany: “Ary tamin'ny hery be no nanambaran'ny Apostoly ny nitsanganan' i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra” Inona ny fahasoavana? Ny toetra amam-panahin'i Kristy. Tsy fehezan-teny foana tsy akory izany; “Ny mianatra amin' i Kristy dia midika hoe mandray ny fahamarinany, izay tsy inona fa ny toetra amam-panahiny”. *Henoinareo ny fanoharana* p. 232 Betsaka ny teny azo fantenana fa io angamba no mazava indrindra.

Fahasoavana be no teo amin'izy rehetra. Inona no dikan'izany aminao izao, Tafaorina mafy tao amin'ny fiangonana voalohany ny toetra amam-panahin' i Jesosy. Tsy izany ve no dikany? Mahita olona izy. Dia inona no lazain'ny Baiboly? Na aiza na aiza nalehany, dia fantatry ny olona fa efa niaraka tamin' i Jesosy izy.

Nahoana? Mpianany izy. Ny mpianatra dia maneho ny mpampianatra. Ary naneho ny mpampianatra izy, izay Kristy. Vita lasitra tsotra izao ny toetra amam-panahiny ka na aiza na aiza nalehany, dia oadray, tena mampahatsiahy

ahy an' i Jesosy izy izany. Izany ve no hitantsika fa lazain'ny olona momba antsika amin'izao fotoana izao? Izany no tokony hitranga.

Raha tena mitranga izany, dia inona no hitranga eo amin'ny faritra misy antsika? Tsy ho azonao ferana izany. Hibosesika ho ao am-piangonana ny vahoaka. Tsy ho azonao sakanana izy. Tsy ho azo atao izany. Izany no hitranga. Ahoana no ahafantarako an'izany? Hameno ny mpivory rehetra ny fanahin' i Kristy, fa tsy ny vitsitsy ihany. Satria nahita ilay perila sarobidy izy. Nahita an' i Jesosy Kristy izy.

“Tsy maintsy hiverimberina ireo toe-javatra ireo ary amin'ny hery lehibebe kokoa.” Mampitsiky anao izany nefa somary mampanjombona koa; Tsy maintsy hiverimberina ireo toe-javatra ireo amin-kery lehibebe kokoa. Ny narot-saky ny Fanahy Masina tamin'ny andron'ny Pentekosta dia ny ranonorana aloha, fa ny fara-orana kosa dia ho be lavitra. Lazaiko anareo fa raha tsy nisy zavatra hafa noho izany, dia tokony hampangitakitaka antsika izany.

Fanontaniana lehibe izany, inona no andrasantsika? Irintsika ho tanteraka amintsika ny tenin'Andriamanitra. “Isaorana anieAndriamanitra Rain' i Jesosy Kristy Tom-pontsika”. Efesiana 1:3 Hoy Jesosy: Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy; “Izay nitahy antsika tao amin' i Kristy amin'ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra”. Nanome an' i Jesosy Kristy Andriamanitra. “Araka ny nifidianany antsika tao aminy”. Andininy faha-4, midika izany hoe, amin'ny alalany, ny fantsona. “Araka ny nifidianany antsika tao aminy fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao”; nifidy an' i Kristy Andriamanitra ho solon-tenany eo amin'izao rehetra izao manontolo talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao.

Tsy zavatra mora izany satria izao no vakiantsika ao amin'ny Early Writings: nisy ady hevitra sy tolona izany tao amin'io filan-kevitra io fony nandinihina ny famoronana. Satria tsy hisalasalana fa mafy ny fifanoherana momba izay

handray io toerana io; Nilatsaka an-tsitrapo hanao izany Jesosy, ary nekena ny hanaovany izany, fa tsy mora ny fampiharana izany.

Aleon'ny Ray manolotra ny ainy toy izay ny ain'ny zanany, dia mahazo an-tsaina izany filan-kevitra izany aho, fa tena fanapahan-kevitra sarotra ny namela an' i Jesosy hanao izany satria tsy hisalasalana fa samy vonona ny hanao io asa io Izy telo izay iray. Ny mahatonga izany dia noho ny hevitra hoe zanaky ny Ray, saingy ny Ray tsy manana ny maha-ray mihoatra noho ny hoe ny zanaka no Ray. Ary tsy maintsy ekentsika izany fa ilay sary maneho ny Ray-Zanaka dia sarin'ny tenin' Andriamanitra fotsiny izay mahatonga antsika ahazo ny fitiavan' Andriamanitra. Fa ny fitiavan'ny Elohim no resahintsika eto fa tsy ny fitiavan'ny Ray. Ary izay no maha-samihafa azy.

“Araka ny nifidianany antsika ao aminy talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao, mba ho masina sady tsy hisy tsiny eo anatrehany isika” Andininy faha-4. Tsy izany ve no lazainy ao amin'i Jaona? Ny Ray sy izaho ary Izaho ao aminareo, ianao sy ny rahalahinao. Mba ho tahaka an' i Jesosy tokoa isika eo anatrehany amim-pitiavana. Tahaka ny hijoroan' i Jesosy eo anatrehan'ny Ray ao amin'ny fitiavana, no tokony hijoroantsika koa eo anatrehan' i Jesosy amin'ny fitiavana tanteraka izay mitaratra ny toetra amampanahiny ka ho voatarika ho eo amin' i Kristy izao tontolo izao amin'ny alalantsika; Izany no hany fomba hampiasan' Andriamanitra izany. Izay ihany no ahazoan' Andriamanitra hiarovana ny toetra amampanahin'ny tenany, tsy izany ve? Ny manana an'i Jesosy izay fanehoana velona ny fitiavan' Andriamanitra eo anatrehan'izao rehetra izao. Nifidy ny tsy hanana fomba hafa handresena lahatra ny lehilahy sy ny vehivavy ny momba ny fitiavany Jesosy afa-tsy ny nifidianany anao ho tonga fanehoana velona eo amin'izao tontolo izao fa handresy lahatra azy ny amin'ny maha-ara-dalàna ny hazo fijalian' i Jesosy Kristy. Ny fitiavan' Andriamanitra.

Tsy nifidy zavatra hafa Izy. Làlana hafa. Misy dikany

aminao ve izany? Matetika no manjary resaka teolojika ary tsy mety ho izany; tokony ho azo ampiharina. Izay no nahafantaran' i Jesosy fa ora vitsy nanomboka izao, tao amin'ny saha, raha niresaka tamin'ny mpianany Izy, dia hanefa ara-bakiteny ny zavatra izay tsy ho azon' na iza na iza. Nefa dia hanao izany Izy. Raha ao an-tsaiko izany, ary tokony hitaratra tanteraka ny endrik'i Jesosy isika, ho mampaninona moa izay heverin'ny olona momba ahy araka ny fandraisan'izao tontolo izao izany?

Raha heveriny fa adala aho, hoy i Paoly hoe ho adala ho an' i Kristy aho. Marina izany. Na iza na iza manome ny fony ho an' i Jesosy Kristy Tompo dia ho tahaka ny adala eo imason'izao tontolo izao. Ary mampalahelo fa miasa mangina amintsika izao tontolo izao; ary na hoheverin'izao tontolo izao fa adala aho, dia tsy misy mahasamihafa an'izany, azo antoka izany. Tsy misy fahasamihafana na dia kely toy inona aza. Adala tanteraka Jesosy eo imason'ny ankabeazan' ny olona tamin'ny androny. Ary na dia teo imason'ny fiangonana aza. Ay raha nihantona teo amin'ny hazo fijaliana Izy, ireo indrindra no nanao hoe: voafitaka izahay. Noheverinay fa Izy no hanafaka anay. Noheverinay fa izy Ilay nirahina hanafaka anay. Nihatokatoka izy ka nandeha. Namonjy ny hafa Izy fa tsy hainy ny mamonjy ny tenany. Nefa tamin'izany fotoana izany indrindra, dia namonjy azy ireo Izy. Jamba indrindra ny masony.

Mihevitra ve ianao fa hazava amin'ny tsirairay ny fihetsikao raha miandany feno sy tanteraka ho an' Andriamanitra ianao? Mamelà an' Andriamanitra hanorina anao indray, hanavao anao ho voaary vaovao ao amin' i Kristy Jesosy? Heverinao ve fa ho azo ny fihetsikao? Raha heverinao fa ho azo ny fihetsikao, dia ianao no adala indrindra amin'ny olona rehetra satria tsy adala ianao. Hoheverin'ny olona ho adala ianao. Fahafaozian-tena lehibe loatra. Tsy maintsy hombohana tanteraka ny izaho.

Paoly izao no tonga eo ary vakiantsika ny toko voalohany ao amin'ny Efesosy hatramin'ny andininy 14. Azonao

vakiana manontolo izany hahitanao ny halalin'ny fihevitr' i Paoly.

“Rehfa notendreny rahateo amin'ny fitiavana isika mba ho Azy amin'ny fananganan'anaka amin'ny alalan' i Kristy Jesosy” Efesiana 1:5. Iza izany? Andriamanitra Ray. Notendrena rahateo. Inona no dikan'izany? Nokasaina mialoa. Andriamanitra no nikasa mialoha. Tsy nanantitrantitra Izy na nanjakazaka; Tsy nataony ho lalan-tokana izany fa nokasaina mialoha ho an'ny tsirairay amintsika ny hanana anjara-toerana ao amin'ny ankohonany, ho zanaka natsangana amin'ny alalan' i Kristy. Nokasainy mialoha, raha amin'ny teny hafa nomaniny mialoha isika tsirairay ho tonga zanany amin'ny alalan' i Kristy.

Ary voalaza hoe: zanany amin'ny alalan' i Jesosy Kristy, araka izay ankasitranan'ny fony. Ny sitrapon' Andriamanitra dia ny hampirindra tanteraka an'izao rehetra izao ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany; ho fiderana ny voninahitry ny inona? Ny toetra amam-panahiny. Nifidy an' i Jesosy Kristy Izy mba haneho, hitaratra ny toetra amam-panahiny eo amin'izao rehetra izao. Ary izany manontolo, ny antsipirian'ilay plana manontolo dia ny hianatra ny inona? Ny ho tia Azy noho ny toetra amam-panahiny. Tsy fihetseham-po izany. Ny mahafantatra Azy dia ny itiavana Azy; izay rehetra tsy tia an' Andriamanitra, dia tsy mahafantatra an' Andriamanitra. Raha tia Azy ianao, raha mahafantatra Azy ianao, dia ho tia Azy. Raha tsy mahafantatra Azy ianao, dia tsy ho tia azy tokoa ianao. Raha nandre ny momba Azy ianao, nefa tsy mahafantatra Azy, dia tsy ho tia Azy. Fa ny mahafantatra an' Andriamanitra dia tia Azy. Tsy afaka tsy ho tia Azy ianao. Izay rehetra mahafantatra an' Andriamanitra dia ho tia Azy.

“Izy no hananantsika fanavotana amin'ny rany, dia ny fanekana ny fahadisoantsika araka ny haren'ny fahasoavana. Izay nataony be ho antsika tamin'ny fahendrena sy ny fiadanana rehetra,” Efesiana 1:7-8. Ny toko voalohany ao amin'ny Efesiana angamba no toko manan-karena in-

drindra eo amin'ny Soratra rehetra raha mikasika ny planan'ny Famonjena lehibe. Io plana miezinezina io izay velarina manoloana antsika raha mihezaka ny ahatsikaritra izay ezahin' i Jesosy lazaina ny mpianany, ora vitsy fotsiny talohan'ny hazo fijaliana ka tsy nanam-potoana intsony Izy.

Hoy aho fony isika nanomboka raha fantatrao fa tsy manana latsaky ny 24 ora ahavelomana ianao, ary tsy manana afa-tsy adiny 6 amin'ny 24 ora ianao, izay azonao hampiasaina ho an'ny tenanao, amin'izay fomba tianao hampiasana izany, inona no toro-hevitra homenaio ireo olon-tianao. Hire-saka momba ny piano sy ny fiara-kodia? Ny amin'inona no ho resahinao? Nanana tokony ho adiny 4 Jesosy hiresahina amin'ny mpianany dia hiroso ho any amin'ny fahafatesany Izy. Izay no antony niresahina momba izany tamin'ny fomba faran'izay matotra sy akaiky indrindra.

“Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hitoetra amin'ny fitiavako tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny nitoerako amin'ny fitiavany.” Jaona 15:10 Oh, tena ilaintsika marina tokoa ny hiala amin'ny hevitra ivelambelany fotsiny manao hoe: raha mitandrina ny didy 10 aho, dia mitaratra ny endrik'i Jesosy. Mety ho tena marina mihitsy izany; nefa ny fihevitsika ny fitandremana ny didy 10 dia tena tsy araky ny tokony ho izy mihitsy. Tokony hialantsika tanteraka io karazan-javatra io ary ho tsapantsika fa raha niteny Jesosy teto, dia ny fitiavana no noresahiny. Mifankatiava tahaka ny nitiavako anareo.

Ny zavatra noresahiny dia ny hoe: Nitaratra ny toetra amam-panahin'ny Raiko aho. Nasehoko ary nataoko ny asa nankinin' Andriamanitra tamiko. Nankininy tamiko ny ho tonga fanehoana tanteraka ny toetra amam-panahiny amin'izao rehetra izao. Izao raha tia ahy ianao dia manao toy izany. Mitaratra ny endriko ianao tahaka ny nitarafako ny endriny. Izany no niresahany. Ary tsy resaka fitandremana ny Sabata fotsiny izany, fitandremana tsy hangalatra na handainga; Na tsy hijangajanga. Na zavatra toy izany.

Ho lavitra indrindra izany zavatra izany ary tokony ho lavitra indrindra izany ao amin'ny fiainantsila tahaka ny tao amin'ny fiainan' i Kristy sy tao amin'ny fiainan' i Kristy teto amin'ity tany ity. Ka tsy hiditra ao amin'ny eritrerintsika lavitra indrindra.

Tsy faninintsiniana izany, tsy izany ve? Famelana fotsiny an' i Jesosy honina ao amintsika izany, tsy izany ve? Zavatra hafa tokony hotoerintsika ve izany? Te handainga ianao nefa tsy te hanao izany. Moa ve zavatra toherinao ny hanao izany? Tsia. Ny fitoeran' Andriamanitra ao amin'ny olona dia miaro azy tsy hanana faniriana akory. Midika ve izany fa tsy haka fanahy anao Satana? Nalaim-panahy tahaka antsika tamin'ny zavatra rehetra Kristy nefa tsy nanota. Rahoviana no fahotana ny fakam-panahy? Fahotana izany rehefa ataontsika. Rehefa avelantsika ny saintsika hitoetra amin'izany; Rehefa avelantsila ny saintsika hibanjina an'izany. Amin'izay dia manjary fahotana izany. Tsy eo amin'ny asa ny fahotana, tsy izany ve? Voatohina ianao manao ny fahotana.

Tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany. Aiza ny fahotana? Ao am-po. Ary tsy maintsy fongorana avy ao am-po izany mba hamongorana azy amin'ny asa atao. Mbola mihevitra ihany ny fo amin'izany fizotran-javatra izany. Inona no vokatr'izany amiko? Mihatsaravelatsihy. Manao zavatra izay tsy tena maha-izy ahy aho. Raha ao am-po izany, ary raha toheriko, izay no lazain' i Morris Venden fa ny fihazonana ny tena tsy hanao ratsy no karazan'ny tsara ratsy indrindra. Izany no karazan'ny zavatra tsara izay katsahin'izao tontolo izao. Aza mety hanao an'izatsy na an'izaroa, rehefa hitan'ny olona ianao. Ny fihazonana ny tena tsy hanao ratsy no karazan'ny zavatra tsara ratsy indrindra; Tsy izany no karazan'ny hatsarana izay tsy maintsy ho ahy na ho anao? Mifandray daholo izany, raha mitandrina ny didiko ianreo, dia hitoetra ao amin'ny fitiavako tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy nitoerako ao aminy sy ao amin'ny fitiavany. Tsy zava-tsarotra ho an' i Jesosy ny nanao ny marina.

”Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako ka ho tanteraka ny fifalianareo ” Jaona 15:11. Afaka mandany hariva izay manontolo isika momba io andininy io. Satria raha ny marina, dia tena tafatsofoka lalina ao amin’ny ati-dohantsika izany ary io izao no hery izay omen’i Jesosy antsika mba hivelomantsika tsy amin’ny fanerena , fa amin’ny herin’ i Kristy velona ao anatintsika.

Izany zavatra izany no efa nolazaiko taminareo hoy Jesosy. Raha lazaina amin’ny teny hafa dia hoe efa velona taloha anareo Aho, nitarika anareo aho, nanoro hevitra anareo, nitari-dàlana anareo, ary efa nambarako anareo izany zavatra izany mba hananareo ny fifaliako, mba hitoetra ao aminareo ny fifaliako. Tsy misy mahatsapa ny fifalian’ i Kristy, satria izay heverintsika ho fifaliany, raha ny izy, dia izay tsy misy zavatra maivamaivana. Fahasambarana matsatso. Izany no karazan-javatra izay antsoin’izao ton-tolo izao hoe fifaliana. Olona izay atao fihomehezana. Oh mahatonga hehy mitokelaka izy na aiza na aiza alehany, ary zavatra toy izany. Tsy toy izany mihitsy Jesosy.

Ny karazan-pifaliana teo Aminy dia izay nahatonga ny ankizy madinika naniry hampofaony; Inona azy izany? Izany no tena fitiavana. Voasarika ho azy ho eo Aminy ny ankizy madinika. Ary toy izany koa ny olona. Tonga tany Jerosalema izy nitady io lehilahy io. Tonga hitady Azy izy. Izany no karazan-javatra noresahin’ i Jesosy momba ny hitoeran’ ny fifaliany mitoetra ao aminareo. Mba ho fifalianareo izany.

Inona no fifalian’ i Kristy? Ny mahita fa eken’ny olona ao Aminy izay tsy mety ho hitany ao amin’ny olon-kafa. Ary fantatr’i Jesosy fa nanao ny asa Izy. Tsy nifototra tamin’ny izaho izany. Nitaratra ny endrik’ i Jesosy aho. Hoy Izy: tsy tianao ve ny hanao fanandramana mitovy amin’izany ka ahafantarantra fa mitaratra ny endriny ny fiainanao?

Mandeha mivoaka isika, mandondona ny varavarana rehetra, ary manontany ny olona tsirairay raha Kristiana

izy. Ary mety ho tiany ve ny hianatra Baiboly. Izany no sarintsika. Hataontsika fa ny fitarafana ny endrik' i Kristy dia resaka asa ho an' i Kristy. Inona no nihezahan'ny fiangonana voalohany natao rehefa nanao ny asan'Andriamanitra izy? Ny zava-kendrena ambony indrindra dia ny hitaratra ny endrik' i Jesosy. Izay ihany. Sy ny hanao izay rehetra azony natao hanitarana ny asan'Andriamanitra.

Ahoana indray ary ny fanerena ny tsirairay hanao an'izao sy izao? Miteny amim-panajana ny fiangonana sy izaho satria ny fiangonana no nahafatesan' i Jesosy Kristy; Ary fitiavana fara-tampony no nitiavany antsika. Tsy tanteraka anefa ny fiangonana. Raha tsy mino izany ianao, vakio ny Apokalipsy toko fahatelo. Ny Fiangonana Laodikia ary lazain' Andriamanitra fa inona isika? Fadiranovana, mitanjaka, jamba, mahantra ary tsy fantatsika akory izany. Tsy endrika kanto izany. Izany no karazan-tsary ahitan' Andriamanitra antsika ka aza mitraotra. Eo amin'ny zava-tsarotra indrindra izay azon'ny olombelona hidirana fotsiny isika.

Hoy Andriamanitra: “Manoro hevitra anao Aho hividy Amiko volamena voadio tamn'ny afo, mba hanan-karena ianao; sy fitafiana fotsy hotafiana ka tsy hisehoan'ny hena-trao”. Apok 3: 16. Manenika ny tena io fitanjahana io ka tsy maintsy hotafian'ny akanjom-pahamarinan' i Kristy. Izay no hany fomba hanaronana azy, fa tsy amin'ny fanamarinan-tena tsy akory.

Hoy Jesosy hoe izany no tena fifaliana. Fantatrao ve ny tena fifaliana? Ny tena fifaliana dia ny miaina ny fiainana rehetra izay fantatrao. Tsy misy, ary avy amin'ny ati-foko izany. Tsy misy mety hanana fifaliana ka handeha hanohitra ireo foto-kevitra ny tenin' Andriamanitra izay fantany fa marina. Tsy mety hisy mihitsy izany. Tsy mety hisy tanteraka izany. Ary izay mandeha manohitra ny feon'ny fieritreretana ny tenany dia tsy manao afa-tsy izay miteraka fahoriana ho an'ny tenany.

Ny olona izay mifikitra amin'ny eritreritra tokana izay mifanohitra amin'ny tenin' Andriamanitra sy ny fahamari-

nan' Andriamanitra dia mandeha tsotra izao amin'ny lâlana mitsontsorika ho amin'ny fahoriana, ny aretim-po sy ny fandravana tanteraka. Rahoviana isika no hianatra izany?

Nefa fakam-panahy manao ahoana ny hiankina fotsiny amin'izany ary tonga ny devoly ka manao hoe: tsy dia zava-dehibe izany? Lazao ahy izay niankinan' i Jesosy? Tsy misy. Nanolotra ny tenany tanteraka hanao zavatra iray Izy? Ny hitaratra ny endriky ny toetra amam-panahin' Andriamanitra eo anatrehan' izao tontolo izao tsy mahafantatra Azy. Miandry ahy sy miandry anao Jesosy hanao izany indrindra. Rehefa miseho ny voany, dia ho avy hatrany Izy hitondra ny antsy fijinjana. *Henoinareo ny fanoharana* p. 47 Eritreritra maha-lasa fisainana izany.

Fantatrao ve izay resahina eto? Voany. Ny mitoetra. Ny sampana mitoetra amin'ny voaloboka mandra-pitondrany voany. Rehefa miseho ny vokatra avy hatrany, dia raisiny ny antsy fijinjany satria tonga ny fijinjana. Miandry Kristy ary maniry mafy ny hahita ny hanehoan'ny fiangonany ny tenany Izy. Rehefa hiseho tanteraka eo amin'ny vahoakany ny toetra amam-panahin' i Kristy dia ho avy Izy hitaky azy ho fananany.

HDC/GMG

March 7, 2003

6.

Naharitra ela teo amin'ny andininy faha-9 isika tamin'ny herinandro lasa ary aza adinoina ny lohateny na izay noeritreretin' i Jesosy raha niteny Izy hoe "tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy, no mba itiavako anareo koa". Noan-titranterintsika ny tao an-tsainy, tadidio, fa nanam-pitiavana ampy an' i Jesosy Kristy Andriamanitra tamin'ny nanaovany Azy ho solontenany manokana eo anatrehan'izao rehetra izao manontolo ka hanambara ny toetra amam-panahiny sy hanambara ny tena endriky ny fitiavana marina. Izany no andraikitra feno nipetraka tamin' i Jesosy. Ka na mahomby Andriamanitra na tsy mahomby amin'ny asa tokony hataon' i Jesosy ho Azy. Ary rehefa mampiasa ny teny hoe "Andriamanitra" isika, dia ny Andriamanitra telo izay iray no hambarantsika. Hoy ary Jesosy: "Toy izany no nitiavako anareo koa notanterahintsika ary izany ny hoe toa an' i Jesosy naneho an' Andriamanitra teo amin'izao rehetra izao, dia haseho eo anatrehan' ireo mpiara-belona amintsika eto amin'izao tontolo izao koa Jesosy amin'ny alalantsika. Tia anao sy tia ahy Jesosy, na dia mpanota, malemy sy osa aza isika. Kivy sy mandiso fanantenana isika eo amin'ny fahalementsika rehetra, nefa mbola nifidy antsika Izy haneho Azy eo amin'ireo mpiara-belona amintsika. Nomeny antsika ny lalana ary nambarany antsika marina ny fomba hanaovana izany. Tadidinareo Jesosy nilaza fa nirahin'ny Ray Izy tsy hanao ny sitrapon'ny tenany, fa hoy Izy hoe: "Tahaka ny nanirahin'ny Ray Ahy, no hanirahiko anareo koa". Niteny aza Izy hoe: "Raha izaho dia tsy mahefa na inona na inona Aho". Na inona na inona mihitsy. Koa hoy ny Baiboly hoe Andriamanitra ao amin' i Kristy no nampihavana an'izao tontolo izao taminy. Eken' i Jesosy izany fa eto amin'ity izao tontolo izao ity dia tsy maintsy mampiasa ny olombelona Izy koa dia eto amin'ity izao tontolo izao ity Izy amin'ny

alalan'ny fanaka izay nofidiny. Hoy Izy: Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo.” Nanosotra antsika ho solontenany Izy. Tahaka ny Andriamanitra Ray nifidy an' i Jesosy ho solontenany eo anatrehan'izao rehetra izao, no nifidianan' i Jesosy antsika ho solontenany. Raha mby ao an-tsaina izany, dia fitiavana daholo no anton' izany. Raha hifidy olona hisolo tena anao ianao izay ho afaka hampiasa ny anaranao hanao na inona na inona, andraikitra mahatahotra izany. Izany anefa no nataon' Andriamanitra tamin' i Kristy ary ataon' i Kristy amintsika; hoy Izy: “Raha mangataka zavatra amin'ny anarako ianareo, dia hataoko izany”. Tao an-tsaiko matetika dia matetika izany satria tahaka ny ambasadaoro mandeha any amin'ny tany vahiny izany izay mampiasa fahefana amin'ny anaran'ny Amerika na ny filoham-pirenena amerikana handraharaha. Amin'ny maha- solontenany manokana dia mampiasa ny anaran'ny filoham-pirenena izy. Isika ary dia mampiasa ny anaran' i Jesosy Kristy Tompo. Hodinihintsika somary lalindalina kokoa izany hijerentsika ny dikany, satria diso koa no fampiasa izany.

Jaona 15:9, 10, 11, 12 – Iray ihany ireo andininy ireo, nefa samy misy heviny-dalina avy ao amin'izy rehetra. Jesosy no miteny voalohany indrindra.

Andininy faha- 10 -- “Raha mitandrana ny didiko ianareo dia hitoetra ao amin'ny fitiavako”. Mitsambikina ho eo amin'ny andininy faha-12 isika -- “Izao no didiko . . .” ary inona no didiny? Mifankatiava. Tsy izany indrindra ve no baiko mifampitohy toy ny rojo? Andriamanitra amin'ny alalan' i Kristy, Kristy amin'ny alalantsika; haseho ny fitiavana satria goavana ny fiantsiana nataon' i Satana nilaza fa tsy fitiavana Andriamanitra. Tsy refesi-mandidy Izy. “Mpihatsaravelatsihy Izy. Raha ny tena marina dia tsy tia anao Izy. Vavany fotsiny ny hoe tia. Noho izany tokony naneho izany fitiavana izany Kristy. Tia an'izao tontolo izao Jesosy ka tonga Izy nanolotra ny tenany. Naseho teo Kalvary izany fitiavana izany saingy fahiny ela Kalvary. Noho izany, tsy

maintsy misy solontena haneho io fitiavana io amin'ny fomba mitovy sy ambaratonga mitovy. Dia mitsambikina ho eo amin'ny andininy faha- 13.isika. Notovonan' i Jesosy io hevitra manokana io ao amin'ny andininy faha-13. Antenaiko fa hovoaraintsika izany androany hariva satria, imbetsaka dia imbetsaka, no niheverintsika io fepetra io ary noheverintsika ho fanomezana ny aintsika ara-nofa ho an'olon-kafa izany; dia ny hoe maneho ny fitiavana lehibe indrindra ny olona iray amin'ny fanomezany ny ainy ara-batana ho an'olon-kafa. Tiako ny handroso aminao androany hariva fa tsy izany no lazain'io andinin'ny Soratra Masina io. Zavatra tena mora ho an'ny olona iray ny manolotra ny ainy ara-batana ary mirehareha eo am-panaovana izany. Tsy zava-tsarotra izany ary betsaka ny lehilahy miroso ka misetra ny fahafatesana rehefa tandindomin-dozabe ny fianakaviany. Betsaka koa ny vehivavy no manao izany rehefa trà-doza ny zanany. Izany ve noresahin' i Jesosy eto? Tsia, tsy izany mihitsy. Tsy zava-tsarotra ho an'ny olona iray, ny hirehareha eo amin'ny fahafatesany fa nahavita zavatra toy izany izy. Tsy izany no ambaran' Andriamanitra eto. Tsy nanao zavatra toy izany Jesosy raha ny lafin'ny dikan'ny teny rehetra. Raha mby ao an-tsaintsika izany, dia tiako ny hilaza aminareo fa, raha mampiasa ny teny hoe “aina” Jesosy eo amin'ny andininy faha-13, dia “zuki”, aina, no teny grika eo. Ny “zuki”, aina, dia ny aina maha-nofa. “Zoe” kosa dia aina miasa mavitrika. Samy misy fofonaina mifandray amin'izy ireo, mazava ho azy izany, ary ampiasaintsika izany hamaritana ny aina. Fa tena samihafa ny toetra manokana mampihavaka azy ireo. Ny iray, ny aina maha-nofa na ny aina maha-olombelona, ny iray kosa ny aina ara-batana na ny aina miasa mavitrika. Ary zavatra mahavariana raha hiarahantsika jerena ho fampitahana ny Matio toko faha-10 izay ahitana koa ny teny hoe “zuki” .

Mahavariana fa ny teny hoe “zuki” no ao amin'ny Matt 10:38, 39. Ny aina maha-nofa. Izay maty ny amin'ny izaho eto amin'io toe-javatra io dia ampifandraisina amin'inona?

Izay tsy mitondra ny hazo fijaliany, dia inona? Hitanao fa marina mandrakariva rehefa milaza ny hazo fijaliana Jesosy, dia lazainy fa hazo fijalian'iza, ny antsika. Fa tsy ny Azy. . “Raha misy ta-hanaraka Ahy dia aoka izy hitondra ny hazo fijaliako”? “Tsia. “Ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy”; Inona no hazo fijaliana tokony hoentin’ny olona, ny fahafatesana amin’ny izaho; Inona no hazo fijaliana nentin’ i Jesosy? Ny maty ny amin’ny izaho. Mitovy tanteraka. Novakiantsika fa zavatra sarotra indrindra ho an’ i Jesosy ny hitana ny voninahiny ho voasaronana. Sarotra ho Azy ny nivelona teo amin’ny toetra maha-olombelona toy ny maha-sarotra ho antsika ny mivelona amin’ny toetra maha-Andriamanitra. Mafy ho anareo ve izany? Manomboka hitantsika amin’izay ve izay resahintsika. Andeha hiarahantsika jerena ny Matio faha-16, satria eo amin’ny andininy faha-24 – Matio no mitatitra ary tena manan-java-dehibe hambara tokoa Jesosy koa lazainy indroa izany.

Mat. 16:24 mahaliana fa naveriny indroa izany ao amin’io filazantsara io ihany. Mazava ho azy fa voarakitra ao amin’ny Marka sy Lioka koa izany. Anisan’ny fahamarinana manan-danja indrindra izay nambaran’ i Jesosy hatrany hatrany izany.

Andininy faha- 25 – “Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy”, (ny “zuki-ny”) inona izany? Ny aina Ny aina maha-nofo. Inona no aina maha-nofo? Ny aina maha-olombelona. Io no aina maha-olombelona nahaterahantsika. Nitondra io aina maha-nofo io isika raha teraka ary inona no nanjo izany? “Raha tsy latsaka ao amin’ny tany ny voam-bary ka maty, dia mitoetra foana izy;” Tsy maintsy maty ny izaho maha-olombelona. Izay no antony hilazan’ i Paoly fa olom-baovao isika. Rehefa misy lehilahy teraka indray, na vehivavy teraka indray, rehefa tena mihatra ny fahafatesana, dia olom-baovao isika hatrany an-tampon-doha ka hatrany am-paladia. Tsy midika izany fa tsy ho afaka hiseho tsindraindray ilay olona taloha, satria fantatry ny devoly tsara ny momba ny toetry ny nofo ka entiny mieloelo eny. Misy

fantatro ny amin'izany. Ary azoko antoka fa efa nanao izany fanandramana momba an'io maha-olombelona io koa ianao, indray mandeha na indroa. Ary na dia efa nateraka indray aza ianao, dia tsikaritra io maha-olombelona taloha io izay tian'ny devoly haverina, dia foroniny ny tranganjavatra sy ny toe-javatra ahatonga ilay maha-olombelona taloha hamelana tsotr'izao tsindraindray, ka indro isika fa milefitra. Fa hoy Jesosy eto: Na iza na iza no ta-hamonjy ny 'zuki-ny,' io voambolana io ihany no ampiasain' i Jaona ao amin'ny Jaona faha-15. "Na iza na iza ta-hamonjy ny toetra maha-nofy azy dia hanary io olona maha-olombelona io." Ho veriny tanteraka izany. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia ho veriny tanteraka ny fiainany. Fa na iza na iza hahavery io "zuki" io ka ateraka indray, noho ny Amiko dia haninona? Hahita azy; izany no fahateraham-baovao. Izany no manjary mahafantatra an' i Jesosy Kristy sy mamela ny izaho hilefitra tanteraka sy feno amin' i Jesosy Kristy Tompo. Rehefa miverina ho eo amin'ny Jaona faha-15 isika, dia miverina eo amin'ny andininy faha-10. Avy hatrany isika dia manao hoe: inona no tiany holazaina amin'ny hoe: Raha mitandrina ny didiko ianareo?" dia ao an-tsaina avy hatrany ny hoe: "aza manana andriamani-kafa fa Izaho ihany... " dia miditra ho amin'ny teolojy voalamina tsara manerana ny didy 10 isika; Izany ve no resahany? Anisany izany. Nefa tsy izany no resahin' i Jesosy eto. Manazava izany Izy ao amin'ny andininy faha-12, rehefa mitoetra sy monina eo amin'ny fitiavan' i Kristy isika, dia amin'izay isika no tena miresaka ny amin'izay tian' i Jesosy hasehontsika amin'ny mpiara-belona amintsika satria hoy Izy: "hitoetra ao amin'ny fitiavako ianareo". Ny fitiavana no lahin-kevitra ivon' izay resahin' i Kristy. Noho izany dia apetrany io teny hoe fitiavana io eo amin'ny voambolana mamy indrindra ao amin'ny andininy faha-13, sy ny manaraka rehefa adikany ho sakaiza. Avy amin'ny teny iray ihany hoe "filos," izany, izay fitiavana, ary eto "filos" izay adika hoe sakaiza; dia avy amin'ny fototeny mitovv, izay midika hoe "fitiavana"

na “tena fitiavana”. Ankehitriny isika dia miteny ny hoe “olon-tiana”. Iza no ambarantsika amin’izany? Ny havana amin’ny ankapobeny, tsy izany ve? Rehefa hoy ianao hoe: ao an-trano ny “olon-tiako”, iza izany? Tsy miresaka momba ny sakaiza tonga mamangy ianao, fa momba ny havanao amin’ny ankapobeny. Iza ary, manjary zanakalahy sy zanakavavy na havan’Andriamanitra isika amin’ny fananganan’anaka Amin’ny alalan’ny fampiraisana ao amin’ny voaloboka izay efa noresahintsika momba izay tena nambaran’i Jesosy tamin’ny Jiosy, na tamin’ireo mpianatra nandritra ireo ora vitsy nanelanelana ny sakafo sy ny fanandramana tao amin’ny Saha ny Getsemane (angamba tsy mihoatra noho ny adiny roa). Ary natambany teto daholo ny zavatra rehetra. Niresaka momba ny voaloboka sy ny sampany Izy, ny mitoetra, ny mitondra voa, ka hoy Izy: “Tanareo no sakaizako raha manao araka izay nandidiako anareo ianareo ka mitoetra amin’ny fitiavako.” Izay no ho vokany. Io no vokatry ny mitoetra raha alohan’ny zavatra rehetra ny fitiavana, ny fifaliana, ny fiadanana, ny fahari-po, ny vokatry ny Fanahy. Izany no noresahin’i Jesosy. Hoy Izy: andininy faha-11, tsy mahagaga ve? Rehefa omen’Andriamanitra ny olombelona ny toro-marika ahazoana fifaliana sy fahasambarana, dia mikatsaka izany hatraiza hatraiza isika afa-tsy amin’ny fanarahana ny toro-marika nomena. Miezaka isika hiketrika fahasambarana amin’ny famokaran-javatra, amin’ny fanatambarana ny materialisma, amin’ny fampivelarana ny sehatry ny fisakaizana, araka izay fomba fanaontsika. Nefa milaza ny Tompo fa raha manaraka ny toro-marika ianao, ny boky tari-dàlana, dia hanana fifaliana ianao ary ho feno ny fifalianao. Ho tanteraka. Andeha isika hivadika ho ao amin’ny Jaona 16:2. Toy ireo fanambarana mahaliana izany rehefa mandray azy ho ara-batana isika ka mahazo azy. Fa sary hoenti-manazava izay noresahintsika teto amin’ity fanandraman’ny fahateraham-baovao ity izany, fa tsy maintsy ho faty ilay olona taloha ary ho teraka ilay olom-baovao.

Andininy faha- 22: inona no miaro ny fifalian' i Kristy tsy ho very ao amin'ny fiainan'ny tsirairay? Ny mitoetra ao amin'ny voaloboka. Izany no hany zavatra afaka mihazona ny fifaliana eto. Hahita fahoriana isika eto amin'ity izao tontolo izao ity ary raha misaraka amin'ny voaloboka ianao dia ho aiza ary ianao? – ho eo amin'izao tontolo izao. Iza ary, tsy midika ny hoe ao amin'ny voaloboka dia tsy mbola ho eo amin'izao tontolo izao ara-batana isika, mbola ho eo amin'zao tontolo izao ihany isika fa tsy ho anisan'izao tontolo izao. Raha lazaina amin'ny teny hafa, dia tsy mi-velona araka izao tontolo izao isika, fa mety ho velona eo amin'izao tontolo izao. Tsy maintsy velona eo amin'izao tontolo izao isika satria hany toerana ahazoantsika miaina izany, raha ny ankehitriny. Fa tsy velona araka izao tontolo izao isika rehefa miteny Jesosy hoe: raha olona nateraka indray isika, dia manana ny fifaliany raha mbola velona eto amin'ity izao tontolo izao ity isika. Tsy misy olona, na toe-javatra afaka manala io fifaliana io tsy ho amintsika. Nahoana ary no verintsika matetika io fifaliana io? Tsy satria hoe misy olona manala azy amintsika, izany ve? Na dia izany aza, dia tiako ny manome tsiny ny vadiko rehefa very izany fifaliana izany, nefa tsy izy no diso. Efa nanome tsiny ny vadinao ve ianao?

Jaona 16:22, 23, 24. Inona no dikan'ny teny hoe ankehitriny? Hatramin'izao dia inona no nangatahinareo? Ahoana no hanadiantsika izany? Ahoana no handraisantsika izany ho iray? Tsarovy fa ao anatin'ily adiny roa ihany izao. Ireo toko faha-15, 16, 17 dia samy nomena tao anatin'ny adiny roa, tokony tamin'ny fotoana nialany ny efitra ambony, ny toerana nisakafoanany hatramin'ny niampitany ny lohasahan-driaka ny Kidrona ary nankanesany teo amin'ny Saha ny Getsemane. Ary eo indrindra Jesosy no miteny hoe: “Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo.” Inona no lazainy, inona no dikany? Raha miverina ao amin'ny toko faha-15, andininy faha -16 isika dia nahoana no misy teny milaza

fepetra misosoka: “mba’. Misy fepetra izany. Raha lazaina amin’ny fomba hafa, dia tsy misy afa-tsy fomba tokana ahazoan’ Andriamanitra manao izay tiany hatao. Inona izany fomba izany? Manomana ny lâlana. Manantanteraka ny fepetra. Ny hany vavaka azon’ Andriamanitra valiana dia izay mameno ny fepetra. Inona koa no fepetra hafa? Eny, ny mitoetra, izay no izy. Nefa andeha hotohizantsika kely ireo andininy roa ao amin’ny Soratra Masina, ka atambantsika ny andininy faha-16 ao amin’ny toko faha-15 sy ny faha-23 sy faha-24 amin’ny toko faha-16. Teny fikasana be voninahitra manao ahoana izany. Tahaka ny teny fikasana mandrakotra tanteraka izany izay mahafaoka ny zavatra rehetra, tsy fepetra apetraka. Hovakiako ho anareo ny ao amin’ny *Ilay Fitiavana mandresy* p. 720 : “ Midika zavatra betsaka anefa izany mivavaka amin’ny anaran’ i Kristy izany”. Tsarovy ary fa hatramin’izany fotoana izany hoy Jesosy, dia “tsy mbola nangataka zavatra tamin’ny anarako ianareo”. Manontani-tena isika hoe impiry no nangataka tamin’ny anaran’ i Jesosy. Manontani-tena aho raha efa nangataka tamin’ny anaran’ i Jesosy isika. Midika zavatra betsaka ny mivavaka amin’ny anaran’ i Kristy. Midika izany fa tokony hanaiky ny toetra amam-panahiny isika. Inona izany? Fitiavana izany. Izany no antsointsika hoe fanamasinana, tsy izany ve? Ny fizarana ny toen’ i Kristy. Izany no tian’ Andriamanitra hatao. Manaraka ny fanamarinana izany rehefa manaiky ny an’ i Jesosy Kristy Tompo izany, ary isainy ho antsika ny toetra amam-panahiny. Tsy mijanona eo ny sary. Isaina ho amin’ny kaontinao eto ny toetra amam-panahin’ i Kristy. Fa ny faneken’ny isam-batan’olona an’izany no asan’ny fanamasinana. Asa mandritra ny fiainana izany fa zavatra mitohy hatrany, fanekena sy fandraisana mitohy. Midika zavatra betsaka ny mivavaka amin’ny anaran’ i Kristy, midika fa manaiky ny toetra amam-panahiny isika, maneho ny sainy. Miharatsy izany araka ny handrosoanao, nefa mihakanto koa. Tena mamatotra antsika mihitsy izany ka tsy maintsy hotsapantsika fotsiny sy ho azontsika ny

antony hilazan' i Jesosy an'izany. Midika fa manaiky ny toetra amam-panahiny isika, maneho ny Fanahiny, ary miasa ny asany. Inona ary ny asany? Mitaratra ny fitiavan' Andriamanitra. Inona no asanao sy asako? Hitaratra ny fitiavan' i Jesosy. Izany no antony hilazany hoe: "Izao ny didiko dia ny hifankatiavanareo." Miverina ho amin'io zavatra tokana io ny rehetra ary raha manao izany isika dia mitoetra, satria tena tsy azo atao mihitsy ny mampitaratra io fitiavana io raha tsy avy amin'ny iza? – Avy amin'i Jesosy mihitsy. Hoy Jesosy: "Izaho no voaloboka ary ianareo no sampana ary ny sampana tsy afaka mamoa ho azy". Tsy maintsy mandray ny fitiavany avy amin'ny voaloboka izy raha hitaratra fitiavana. Tsy afaka manamboatra izany ianao. Tsy azo atao mihitsy izany. Tsy misy fomba hamoazanao izay voa tena izy raha tsy mandray avy amin'ny tahiry tena izy ianao. Tsy mety izany. Fa midika zavatra betsaka ny mivavaka amin'ny anaran'i Kristy. Midika fanekena ny toetra amam-panahiny izany, fanehoana ny Fanahiny sy fanaovana ny asany. Misy fepetra iray eo amin'ny teny fikasan'ny Mpamonjy;" Raha tia Ahy ianareo dia hitandrina ny didiko". Ampahany ao amin'ny drafitra manontolo izany. Ny resaka fileferana amin' i Jesosy Kristy Tompo dia zavatra tsotra sahala amin'ny resaka fanekena. Manaiky Azy isika satria ekentsika fa misy zavatra ilaintsika. Rehefa manaiky isika fa misy zavatra ilaintsika, dia mamaly fotsiny ny amin'izany ilaintsika izany isika ka manao hoe: "Tompo ô, indro aho, manaiky Anao aho"; Raha mivavaka amin'ny fo marina aho ary maniry hilefitra sy hanaiky ny toetra amam-panahiny, ka miaina ny fiainany, sy manao ny asany, izany no dikan'ny hoe mivavaka amin'ny anaran' i Jesosy. Izao ary nahoana Jesosy no nilaza tamin'ny mpianany fa mandraka ankehitriny dia tsy ùbola nivavaka tamin'ny anarany izy? Tsy nangataka na inona na inona tamin'ny anarany izy? Fa izao no tena zavatra: tsy nahatsapa marina ny zavatra nilainy izay nambara antsika izy. Tsy mbola nahatsapa izay nilainy izy. Ny hany zavatra tsapany dia ny fahafinaretana

rehefa eo anatrehany, ary ny tsy fahafinaretana rehefa tsy eo anatrehany; nila ny fanatrehany ara-batana izy, nefa tsy nila na inona na inona ny amin'izany fitoerany ao am-pony. Tsy fantany fa nila izany tokoa izy. Tsy nisy na inona na inona momba an'izany. Tsy nisy na inona na inona fantany momba ny fanandrman'ny fahateraham-baovao tsy mihoatra noho i Nikodemosy tsy nahalala momba ny fanandrman'ny fahaterahana indray. Tsy fantatry ny mpi-anatra fotsiny izany; niaraka taminy fotoana naharitra izy fa tsy azony. Manontani-tena aho: misy fahasamihafana amintsika ankehitriny ve izany? Maro amintsika no efa mambran'ny fiangonana fotoana lava, nefa tsy nahalala mihitsy izay tena ilaina ao amin'ny fiainantsika; izay tena ilaina eo amin'ny fanandrman'ny fahateraham-baovao, ny fahafatesan'io toetra maha-nofio io, izay tena tsy maintsy maty. Izay no antony nanoizan' i Jesosy ny teniny ka nan-aovany hoe: “tsy ianareo no nifidy Ahy fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo.” Ny hany fomba haharetan'ny vokatra dia ny fitoeran'ny sampana ao amin'ny voaloboka. Satria ny vokatra dia mitombo mandrakariva Tsy vokatra indray mandeha, fa vokatra manao ahoana? Amin'ny fotoana rehetra, isan'andro ary mitohy hatrany. Tsy miverina mankeo amin'ny hazo iray ianao ka mioty voa hafa isaky ny tonga eo. Raha maniry eo ny voa dia mety ho eo amin'ny dingana fitomboana samihafa izy, fa maniry eo izy araka ny dingana iray na ny hafa hatrany, ary manao hoe: “Na inona na inona angatahinareo amin'ny Ray, dia angataho amin'ny anarako izany, mba homeny anareo.” Mahafinaritra loatra izany raha misy fomba hisokafan'ny masontsika izao hariva izao ka hahatsapa ny tena dikan'ny hoe mitoetra ao amin' i Jesosy Kristy Tompo ka hahazo marina ireo fitahiana tonga amintsika avy amin'ireo izay mitoetra. Ao amin'ilay boky kelin' i Meade McGuire, ny fiainam-pandresena”, ao amin'ny toko farany izay hamaranan'io boky kely io, mitoetra ao amin' i Kristy, dia raisiny io hevitra io. Hoy izy:

“Misy zavatra efatra lehibe manetsika ny mpino hikatsaka io fanandramana amin’ny fitoerana amin’i Kristy io – zavatra efatra lehibe manesika hanatratra tarigetra efatra lehibe izay fanentanana rahateo.”

1. 1 Jaona 3:6 -- Rehefa mijanona tsy mitoetra ny Kristiana no mety ho voatarika hanota. Tsy afaka manota ny Kristiana mitoetra. Mety manota isika rehefa mijanona mitoetra. Tena tombon-tsoa lehibe tokoa izany ny mitoetra, tsy izany ve? Fampirisihina lehibe izany.

2. Izy mitoetra ao amiko ary Izaho ao aminy, no mitondra vokatra betsaka Mazava, fa araka ny efa nianarantsika dia ny vokatry ny Fanahy no vokatra. Ny toetra amam-panahin’i Jesosy Kristy dia velomina ao amintsika tahaka ny toetra amam-panahin’Andriamanitra novelomina tao amin’i Jesosy. Tsy tonga izany raha tsy misy fantsona mikoriana, feno sy malalaka. Fa raha mijanona mitoetra isika, dia mijanona tsy misy mikoriana. Dia simba ny toetra amam-panahy amin’izay.

3. “Raha miray Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.” Jaona 15:7. Fampirisihina mafana izany. Tokony horaisintsika izany sy hovakiant-tsika eto ny atao hoe mitoetra, satria raha mitoetra isika, dia manaiky ny toetra amam-panahiny, izay raisintsika araka ny fomba tsotra. Satria ny sampana izay mitoetra ao amin’ny voaloboka dia ho tahaka ny inona? Ny voaloboka. Tsy mety ho tonga zavatra hafa izy, tsy izany ve? Tena tsy mety mihitsy izany. Hanjary ho tahaka ny voaloboka izy. Raha foto-boaloboka ny voaloboka, dia tsy hahita paiso ianao eny amin’ny sampana. Voaloboka no ho hitanao eny amin’ny sampana. Izany no fandehany. Izany no nampizoran’ Andriamanitra azy. Koa noho izany, raha mitoetra isika, dia afaka manantena an’io vokatra io ary io no vokatra voalohan’ny toetra amam-panahin’ Andriamanitra izay hiseho eo amin’ny sampana. Izay indrindra no antony nilazan’i Jesosy fa isika no sampana ary Izy no voaloboka.

Tahaka ny nitoeran'ny Ray tao Aminy, no hamoazantsika tahaka ny namoahazany ny voan'ny Ray, izany koa no hitondrantsika ny voan' i Jesosy Kristy. Izany no fizotran'y, fizotran-javatra tsotra izany.

4. 1 Jaona 2:28. Mazava toy ny vato kristaly ireo fampirisihina efatra ireo, fiainana tsy misy fahotana. Tsy misy mihitsy dikan'izany teny izany izay milaza fa ho lasa ny fakam-panahy, ary tsy midika izany fa tsy ho tafintohina sy ho lavo isika. Fa izao no dikany; raha mitoetra ao amin'ny voaloboka isika, tsy hanao fanahy iniana hanome lamosona an' i Jesosy Kristy Tompo isika. Tsy hanao fanahy iniana hanota isika. Tsy midika akory izany fa tsy ho afaka hanao fahadisoana isika. Mety ho tratry ny aretin-java- maniry aza isika. Mety ho avy ny devoly hitondra zavatra izay tena manintona anao. Nefa raha mbola mitohy mitoetra ao amin'ny voaloboka ianao, dia handeha koa izany. Horaisiny ho andraikitra izany. Ary izany no resahina eto. Izao ny fiainana tsy misy ota, raha ny momba ny tatitra ho an'ny Kristiana mitoetra, dia hivaky hatrany toy izao io tatitra io, fa toetra amam-panahinao ny toetran' Andriamanitra. Isaina ho anao ny toetra amam-panahin'ny Tompo raha mbola mitoetra koa ianao, na dia manao hadisoana aza ianao. Fahotana tsy nokasaina, fikomiana mirongatra avy eo amin'ny ilay tsy nateraka indray, avy ao amin'ny fo ara-nofo, fo izay tsy maintsy ho faty. Tsy maintsy maty io fiainana io, ilay maha-olombelona, izay hitanao fa karakaraina.

#2 Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy. Jaona 15:5 io anankiray io.

#3 Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. Jaona 15:7

#4 Mitoera ao Aminy ka rehefa hiseho Izy, dia hatoky isika. Tombon-tsoa be voninahitra manao ahoana izany mahafantatra fa afaka hifandray amin' i Jesosy Kristy Tompo isika, izany tsy misy tokony hatahorantsika ny fiaviany, fa azontsika ny mibanjina ny ho avy am-pahatokiana ary tsy

misy na inona na inona ratsy amin'ny fibanjinana ny fiavian' i Kristy fanindroany amim-pifaliana sy am-piravoravoana, amim-pitokisana, amim-paniriana lalina, amim-panantenana Tian' Andriamanitra hanana izany karazam-panandramana izany isika isan'andro. Io fianana ny mitoetra ao Aminy io no itoeran'ny fandresentsika isan'andro ny fahotana, ny fahazoantsika mitondra ho voninahiny ny fahombiazantsika tsy misy fetra ao amin'ny vavaka sy ny toky fa ho vonona isika hitsena ny mpanjakantsika rehefa hiverina amim-boninahitra Izy. Izany no fampirisihina avy amin' Andriamanitra ho amin' io fanandramana amin'ny mitoetra io.

HDC/GMG

March 24, 2004